



UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE LITTERAIRE
C.E.R LANGUE ET LETTRES MALGACHES

MEMOIRE POUR L'OBTENTION DU
Certificat d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale

Eric Ravalisoa SY NY FANABEAZANA AROSONY
AO AMIN'NY ... fa velona indray

Présenté par :

Harizo RAOELIMANANA

Directeur de recherche :

***William* RATREMA**

Maître de conférences

Antananarivo, 21 Septembre 2012



TENY FISAORANA

Fifaliana lehibe no mipololotra avy ao anatinay noho ny nahavitan'izao asa fikarohana izao. Mendrika sady tokony homena fisaorana ilay Andriamanitra be fitiavana noho ny fitantanany anay ka nahavitanay sy nahatontosanay ity asa fikarohana ity.

Isaorana manokana Andriamatoa RAHARIJAONA Alphonse tamin'ny fanekenao ho filoha hitarika mba ho fanohanana izao asanay izao : nahafoy fotoana sy ny adidy aman'andraikitra noho izao andro lehibe aminay izao. Andriamanitry ny fiadanana anie hanome hery sy tanjaka ho anao manoloana ny asa ataonao.

Tsy hainay ny tsy hisaotra an'Andriamatoa RANDRIAMHAZO Jean Claude nanana fandavan-tena hitsara sy hanara-maso ny asa natao. Tsapanay tokoa fa tsy nataonao ambanin-javatra izany na dia eo aza ireo asa aman-draharaha sahaninao. Ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany anie hirotsaka aminao.

Singanina manokana eto Andriamatoa RATREMA William nanaiky am-panetre-tena hitarika anay. Fotoana lava tokoa no niarahana, tsy nikely soroka ianao nanoro hevitra sy nanampy anay nandritra izany. Tsy nandry andro, tsy nandry alina mieritreritra sy manara-maso ny fizotry ny asa. Misaotra sy mankasitraka anao tanteraka tompoko. Ny Tompo anie hamaly soa anao.

Tsy hodinganina akory ireo mpampianatra rehetra eto amin'ny E.N.S., indrindra, ny ao amin'ny sampana Malagasy : namolavola nandritra ny dimy taona. Hoe ela velona, anie, ianareo hahafahanareo manohy izay nataonareo taminay amin'ireo zandry aty aoriana.

Isaorana manokana ihany koa Andriamatoa Eric Ravalisoa sy ny fianakaviany nanolotra am-pahatsorana ny asa sorany ho seha-pikarohana hanitaranay fahalalana. Sitraka enti-matory, tompoko, ka hovaliana raha mahatsiaro.

Anisan'ny omem-pisaorana ihany koa Ramatoa VOAHANGINIRINA JEAN LOUIS Fleuryne, nanampy betsaka tamin'ny famitana ny boky. Mionera be ny lany tompoko.

Tsy odian-tsy hita ireo masoandro amam-bolana RAKOTONDRAMANANA Jaona Philibert sy RASOAMAHALEO Léonie, ireo iray tampo : Herizo sy Jonasy, ny vady aman-janaka : Ndriana sy Nantenaina, nanome fanampiana teo amin'ny lafiny rehetra, niara-nihafy ary nampahery hatrany ; ny fianakaviana iray manontolo. Ho ambinin-java-manasatra anie ianareo ary samy ho tojo izay iriny avy.

Isaorana toraka izany ihany koa, ny mpiara-mianatra : andiany T.A.F.I.T.A. izay samy nanampy araka ny azony natao avy. Mankasitraka mankatelina anareo.

Farany, ialana tsiny, ialana fondro ireo sokajin'olona nanampy anay, na mivantana izany na an-kolaka, kanefa tsy voalazanay. Koa atambatray etoana ny fisaorana mitafotafo ho anareo rehetra.

RAOELIMANANA Harizo

FANOROAN-TAKILA

TENY FISAORANA	II
FANOROAN-TAKILA	IV
LISITRY NY FANAFOHIZAN -TENY	X
LISITRY NY FAFANA	XI
LISITRY NY KISARY	XII
LISITRY NY SARY	XIII

TENY FAMPIDIRANA

0.1 – Ny sehatra nirotsahana.....	1
0.2 – Ny lohatenin’ny asa fikarohana.....	2
0.3 – Ny anton’ny safidy	3
0.4 – Ny zava-kendrena amin’ity asa fikarohana ity	4
0.5 – Ny petraka olana sy ny petraka hevitra.....	5
0.6 – Ny haitsikera nampiasaina	5
0.7 – Ny fomba nanatontosana ny asa fikarohana	6
0.8 – Ireo olana sy ny vahaolana	7
0.9 – Ny fetran’ny asa	8
10 – Ny drafitry ny asa fikarohana.....	8

FIZARANA VOALOHANY : NY TANTARAM- PIAINAN’NY MPANORATRA

1.1 ERIC RAVALISOA OLON-TSOTRA	10
---	-----------

1.1.1 Ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany	10
1.1.1.1 Ny loharano nipoirany	11
1.1.1.2 Ny tanindrazany	11
1.1.1.3 Ireo iray tampo aminy.....	12
1.1.2 Ny tokontanim-pahazazany.....	14
1.1.2.1 Ny kilalao fanaony	14
1.1.2.2 Ny fanabeazana azony.....	15
1.1.3 Ny fianarana nataony sy ny asany	15
1.1.3.1 Ny sekoly nianarany sy ny mari-pahaizana azony	15
1.1.3.1.1 Ireo sekoly nianarany	16
1.1.3.1.2 Ny mari-pahaizana azony	17
1.1.3.2 Ny asa sy ny andraikitra sahaniny.....	17
1.1.3.2.1 Ny asany.....	17
1.1.3.2.2 Ny andraikitra nosahaniny teo anivon'ny fiangonana	17
1.1.3.3 Ny fialam-boliny	18
 1.2 ERIC RAVALISOA MPANORATRA	 18
1.2.1 Ny maha mpanoratra azy	19
1.2.1.1 Ny firotsahany teo amin'ny sehatry ny haisoratra.....	19
1.2.1.2 Ny fotoana nanombohany nanoratra.....	19
1.2.1.3 Ireo loharano niteraka ny asa sorany.....	20
1.2.1.4 Ireo asa soratr'i Eric Ravalisoa.....	21
1.2.1.4.1 Ireo asa soratra mbola tsy nivoaka	21
1.2.1.4.2 Ireo asa soratra efa nivoaka.....	22
1.2.2 Ny fikambanan'ny Poeta sy Mpanoratra Malagasy	23
1.2.2.1 Ny antony nidirany amin'izany.....	23
1.2.2.2 Ny taona nidirany tao amin'ny HAVATSA sy ny andraikitra tao	24
1.2.2.3 Ny tombontsoa azony tao amin'ny fikambanana	24

1.2.3 Ireo mpanoratra sy boky ankafizin'i Eric Ravalisoa.....	24
1.2.3.1 Ireo mpanoratra ankafiziny	25
1.2.3.2 Ireo boky famakiny	25
1.2.3.3 Ny anton'ny safidiny	25
1.3 NY MOMBA NY “TANTARA FORONINA”	26
1.3.1 Famaritana ny atao hoe : “tantara foronina”	26
1.3.1.1 Araka ny hevitra ny mpandinika vahiny	27
1.3.1.2 Araka ireo rakibolana samihafa	27
1.3.1.3 Araka ny hevitra ny mpandinika Malagasy	28
1.3.1.4 Tsoa-kevitra avy amin'ireo tenina mpandinika samihafa ireo	29
1.3.2 Ny mampiavaka ny “tantara foronina” amin'ny “sombin-tantara” ary ny “tantara tsangana”	29
FAMINTINANA NY FIZARANA VOALOHANY	31
FIZARANA FAHAROA : FANADIHADIANA NY	
TANTARA FORONINA : ... <i>Fa velona indray</i>	
2.1 NY MOMBAMONBA NY BOKY	32
2.1.1 Ny endrika ivelan'ny boky	32
2.1.1.1 Ny fonony	33
2.1.1.2 Ny ao anatiny	33
2.1.2 Ny vontoaatiny	34
2.1.2.1 Ny firafitry ny tantara amin'ny ankapobeny	34
2.1.2.2 Ny famintinana ny tantara amin'ny ankapobeny	35

2.2 IREO SINGA SAMIHAFIFA MANDRAFITRA NY TANTARA

FORONINA	37
2.2.1 Ny mpandray anjara	38
2.2.1.1 Ny mpanoratra.....	38
2.2.1.2 Ny mpitantara	39
2.2.1.3 Ireo mpandray anjara	40
2.2.1.4 Fitarafana ny tantara araka ny mpandray anjara asa	45
2.2.1.5 Fitarafana ny tantara araka ny fizotrany	51
2.2.2 Ny habaka	59
2.2.2.1 Ny toerana misy ny mpanoratra teo am-panoratana ny tantara	60
2.2.2.2 Ny toerana misy ny mpamaky tolora ny tantara	61
2.2.2.3 Ny toerana ao amin'ny vontoin'ny tantara	61
2.2.2.3.1 Ny toerana na habaka azo hamarinina.....	62
2.2.2.3.2 Ireo toerana alaina sary an-tsaina.....	62
2.2.2.4 Ireo singa iantefan'ny fanoritsoritana sy ny anjara asan'ny habaka	63
2.2.2.5 Ny tekikan'ny fanoritsoritana ny habaka.....	64
2.2.3 Ny fotoana	65
2.2.3.1 Ny fotoana ivelany	65
2.2.3.1.1 Ny fotoanan'ny mpanoratra	66
2.2.3.1.2 Ny fotoanan'ny mpamaky.....	67
2.2.3.1.3 ny fotoanan'ny tantara.....	68
2.2.3.2 Ny fotoana anatiny	69
2.2.3.2.1 Ny fotoana ivelan'ny tantara F.T	69
2.2.3.2.2 Ny fotoanan'ny fitantarana F.F.....	71
2.2.3.2.3 Ny fifandraisan'ny F.F sy ny F.T	73

FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA	76
---------------------------------------	----

FIZARANA FAHATELO : NY FANABEAZANA HITA TARATRA AO AMIN'NY BOKY

... fa velona indray

3.1 FAMPAHAFANTARANA MOMBA NY ATAO HOE FANABEAZANA	78
---	-----------

3.1.1 Famaritana ara-piforonan-teny	78
--	-----------

3.1.2 Araka ny rakibolana	79
--	-----------

3.1.3 Fiheveran'ny mpandinika hafa.....	80
--	-----------

3.2 NY FANABEAZANA AZO TSOAHANA AVY AMIN'NY FOMBA NANANGANAN'NY MPANORATRA NY TANTARA.....	81
---	-----------

3.2.1 Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny firafitry ny tantara	81
---	-----------

3.2.1.1 Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny firatitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara	81
--	-----------

3.2.1.2 Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny firatitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara asa	84
--	-----------

3.2.1.3 Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny firatitry ny tantara tarafina amin'ny fizotrany.....	89
---	-----------

3.2.2 Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny fotoana ao amin'ny tantara	95
---	-----------

3.2.3 Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny toerana ao amin'ny tantara	96
---	-----------

3.3 NY FANABEAZANA AZO TSOAHANA AVY AMIN'NY VONTOATIN'NY TANTARA	99
3.3.1 Ny fanabeazana ny ankizy, ho fanomanana azy ireo eo amin'ny adidy sy andraikitra rahatrizay lasa ray aman-dreny.....	99
3.3.1.1 Ny anjara asan'ny ray.....	99
3.3.1.2 Ny anjara asan'ny reny.....	102
3.3.1.3 Ny tokony ho fihetsiky ny zanaka eo amin'ny ankohonana	104
3.3.2 Ny endri-panabeazana arosan'ny mpanoratra ho an'ny tanora.....	105
3.3.2.1 Eo amin'ny lafiny fitondran-tena.....	106
3.3.2.2 Eo amin'ny lafiny fiainam-pitiavana	107
3.3.2.3 Eo amin'ny fikatsahana vahaolana.....	109
3.3.3 Ny fanabeazana ny fanahy atolotry ny mpanoratra	110
3.3.3.1 Ny endrika fitoriana	110
3.3.3.2 Ny vokatry ny finoana.....	112
3.3.3.3 Ny toerana tsara tokony hananan'ny olombelona	113
 FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO	 115
 TENY FAMARANANA	 116
TAHIRIN-KEVITRA	
FAMINTINANA NY BOKY	

FANAFOHIZAN-TENY

E.P.P	: Ecole Primaire Publique
C.EP.E.	: Certificat d'Etude Primaire Elémentaire
C.E.G.	: Collège d'Enseignement Générale
B.E.P.C.	: Brevet d'Etude du Premier Cycle
U.P.E.N.	: Union des Poètes et Ecrivains Malgaches
Coll	: Collection
Ed	: Edition
P.U.F. :	Presses Universitaires de France
Tak	: Takila
P	: Page
U.N.E.S.C.O	: United Nation Educational Scientific and Cultural Organisation
F.T.	: Fotoana nivelaran'ny Tantara
F.F.	: Fotoanan'ny Fitantarana
V.A.	: Vondrona Ambara
F.J.K.M	: Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara
E.N.S	: Ecole Normale Supérieure
A.M.A.F	: Antoko Mpihira Andravoahangy
	Fivavahana

LISITRY NY FAFANA

Laharan'ny fafana	Lohatenin'ny fafana	Takila ahitana azy
1	Ireo iray tampo amin'ny mpanoratra sy ny asany avy	13
2	Ny Mari-pahaizana azon'ny mpanoratra	16
3	Ny fahasamihafan'ny toetran'ny "tantara foronina" sy ny "sombin-tantara" ary ny "tantara tsangana"	30
4	Fizarana sy toko ao amin'ny <i>... Fa velona indray</i>	35
5	Ireo mpandray anjara ao amin'ny <i>...Fa velona indray</i>	43

LISITRY NY KISARY

Laharan'ny kisary	Lohatenin'ny kisary	Takila ahitana azy
1	Tetiarana mikasika ny fifandraisan'i Miaro amin'ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara	44
2	Ny fifandraisan'ny tompon' anjara asa ao amin'ny tantara	47
3	Ny fiainan'i Miaro fony izy nianatra	49
4	Ny fiainany fony izy niasa	50
5	Ny mety ho fivoaran'ny tantara	57
6	Ny fiainan'i Miaro fony izy nianatra	54
7	Ny fiainany fony izy niasa ka nipetraka tao amin'ny dadatoany	56
8	Ny fiainan'i Miaro taorian'ny fanambadiany	58
9	Ny fifandraisan'ny F.T. sy ny F.F. ao amin'ny ... <i>Fa velona indray</i>	74

LISITRY NY SARY

Laharan'ny sary	Lohatenin'ny sary	Takila ahitana azy
1	Eric Ravalisoa	I
2	Eric Ravalisoa teo ampanoratana	19
3	Ireo asa soratra novokarin'ny mpanoratra	22
4	Fonon'ny Boky ... <i>fa velona indray</i>	33

TENY FAMPIDIRANA

Ny “Ecole Normale Supérieure” dia sekoly fanofanana ho mpanmpianatra. Maro ny taranja anofanana amin’izany, fa ny sampam-piofanana malagasy no misy anay ary koa nanovozanay fahalalana. Dimy taona ny faharetan’ny fianarana, ho famaranana izany dia tsy maintsy manao asa fikarohana ny mpianatra mba hahazoana ny mari-pahaizana C.A.P.E.N. na ny “Certificat d’Aptitude Pédagogique de l’Ecole Normale”.

0.1 Ny sehatra nirotsahana

Raha ny ao amin’ny “Sampana Teny Malagasy” manokana no jerena, dia misy zana-taranja maro : literatiora, riba, haiteny, haifampianarana. Samy azon’ny mpianatra hanaovana asa fikarohana avokoa anefa ireo. Ny literatiora no nanompananay ny safidy. Azo lazaina fa vavolombelon’ny tantaram-pirenena sady mamolavola ny maha-olona ny literatiora. Nanantitra izany ny tenin-dry **WELLEK** sy **WARREN** manao hoe :

“Ny mpanakanto dia mpitatitra ny zava-misy ara-tantara sy araparahamonina”¹.

Tsy natao hanadinoana ny taranja hafa akory izany fa mifameno avokoa ny taranja rehetra. Ao amin’ny literatiora dia mbola mizara ho zana-taranja roa : ao ny am-bava ary ao ny an-tsoratra. Mbola ahitana karazany maro ihany koa ny literatiora an-tsoratra; dia ny tononkalo, tantara fandefa an’onjam-peo, tantara tsangana, sombin-tantara ary ny tantara foronina. Ity farany no nofidinay, noho ny toetra ananany ka mampiavaka azy amin’ny hafa. Manampy izany dia miendrika fialam-boly izy, kanefa hita tokoa fa mirakitra haren-tsaina lalina ary azo anabeazana ny taranaka, indrindra fa ireo tanora liana amin’ny famakiana azy.

¹ (R) WELLEK et (A) WARREN, *La théorie littéraire, collection Poétique*, Ed. du Seuil, Paris, 1971, tak 358 :

« L’artiste est porteur de vérité et nécessairement, il est aussi porteur de vérité historique ».

Ankoatra izany, dia maneho ny zava-misy ara-piarahamonina ihany koa ny tantara foronina ary asa soratra kanto. Ary ireo zava-misy iainana amin'ny fiainana andavanandro mihitsy no taterina. Tsy azo hadinoina ihany koa ny fahitana ireo mpanoratra manana ny maha-izy azy, kanefa tsy fantatry ny ankamaroan'ny olona eo amin'ny firenena.

Ny tantara foronina, nosoratan'i Eric Ravalisoa no akora ampiasaina sy ifotorana. Noraisina manokana ny nampitondrainy ny lohateny hoe : ... *fa velona indray*, tantara foronina nosoratany faharoa taorian'ny *Rehitra hampom-po*. Io no boky nokirakiraina nananganana izao asa fikarohana izao.

0.2 Ny lohatenin'ny asa fikarohana

Tsy tambo isaina ny lohahevitra azo isafidianana raha ity boky ... *fa velona indray* ity no jerena. Azo lazaina ho santatra ny asa fikarohana izay ataonay momba azy izao.

Nandinika, namaky manontolo sy matetika ny boky izahay ary tamin'ny alalan'izany no nanatsoahana ireo hevitra samihafa voizin'ny mpanoratra ao anatiny. Nisongadina tamin'izany fa ahatarafana endri-panabeazana ho an'ny sokajin'olona tsirairay ity tantara foronina ity. Izany no nahasarika anay ka nahafahanay nanangana ny hoe :

“Eric Ravalisoa SY NY FANABEAZANA AROSONY AO AMIN'NY ... fa velona indray”

Ny hoe *“fanabeazana”* dia fototra iaingan'ny fampandrosoana na amin'ny tena, na fiarahamonina, ary indrindra ny firenena. Nanana ny endrika nisehoany izany nandritra ny vanim-potoana maro nifandimby teto Madagasikara. Tsy mitovy ihany koa, araka ny sehatra tiana horesahina.

Misy àry ny lafin-javatra niteraka ny safidinay hirona ho amin'ny asa soratr'i Eric Ravalisoa sy ny tarakevitra *“fanabeazana”*. Hiroso amin'ny fijerena izany anton'ny safidy izany izahay.

0.3 Ny anton'ny safidy

Tsy tongatonga ho azy akory ny nisafidiananay hanadihady ny Eric Ravalisoa sy ny asa sorany ... *fa velona indray* fa ao ireto antony manaraka ireto :

- Ny mpanoratra dia mbola azo lazaina fa ao anatin'ny fahatanorana tanteraka ary azo niresadresahana sy nifanakalozana hevitra tsara na dia vao misandratra aza. Tianay ihany koa ny ahitany fa misy ny harena voatahiry ho an'ny fiarahamonina sy ny firenena ny asa soratra. Tsy maro ireo mahalala azy na dia efa miely patrana eny rehetra eny aza ny asa sorany.
- Mpianatra tokana ihany koa no nanao asa fiokarohana mikasika ny asa soratra novokariny, koa mba hampahalalana azy amin'ireo zandry aty afara ary koa fanehoana ny fisiany eo amin'ny sehatry ny haisoratra Malagasy. Anisan'ny famporisihana nataon'ny mpitarika ihany koa ny fikarohana mpanoratra tanora sy vao misandratra.
- Amin'izao fotoana iainantsika izao ihany koa dia tsapa fa mihasarotra hatrany ny fiainana ary toa variana amin'ny fitadiavana ny ray aman-dreny. Toa mihen-danja ilay fifampiresahana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka, vokatr'izany dia tsy ampy ny fanabeazana ireo tanora. Fantatra nefa fa ny tantara foronina sady fialam-boly no mirakitra anatra samihafa. Koa ny fanehoana ny fanabeazana hita taratra ao amin'ny boky no mety hanampy ny ray aman-dreny sy ny tanora amin'ny fiatrehana ny fiainana. Eo ihany koa ny fanampiana ny mpampianatra sy ny mpianatra amin'ny asa ifarimbonana ataon'izy ireo eo amin'ny fanabeazana.
- Ao amin'ny kilasy voalohany, raha ny literatiora no resahina dia anisan'ny fandaharam-pianarana ny tantara foronina.

Atsidika ny mikasika azy ary mety ihany koa ny ampanaovana ny mpianatra tsirairay tatitra vaky boky : tantara foronina araka izay tiany ka hanatsoahany lesona.

- Manampy izany rehetra izany ny toetra ananan'ny tantara foronina manokana, izay miresaka momba ny fiainana amin'ny andavanandro. Amin'ny ankapobeny, misy ny mpandray anjara ary azo lazaina ho hita taratra ao avokoa ny sokajin'olona ao amin'ny fiarahamonina. Misedra olana sy mitady vahaolana ny mpandray anjara, misy lafiny mampalahelo sy mampihomehy ary mahatonga fisainana lalina ny tranga tantarina ao indraindray; toa voatery hamaky hatramin'ny farany ny mpamaky rehefa manomboka mandray ilay tantara foronina mba hanalana ilay hetaheta te hahalala. Tsy mifidy toerana na vanim-potoana ihany koa ny famakiana azy fa miankina amin'ny tsirairay, ary tsy azo hadinoina fa fialam-boly ihany koa izy. Koa tsy hainay ny hangina manoloana ireo rehetra ireo.

Misy àry ireo zava-kendrena ao anatin'ny asa fikarohana izay natao.

0.4 Ny zava-kendrena amin'ity asa fikarohana ity

Misy ny tanjona kendrenay amin'izao asa izao. Lafin-javatra telo izany :

- Fampahafantarana ny olona mpanoratra vaovao izay manana ny maha izy azy kanefa tsy fantatry ny ankamaroan'ny olona.
- Fanehoana ny hevitra ny mpanoratra manao hoe tsy ny fahadiovan'ny vehivavy hampakarina no mampaharitra ny tokantrano fa ny fifankatiavan'ny mpivady sy ny fahaizana mifamela heloka sy hadisoana.
- Fanehoana ny fanabeazana ny tanora sy ny fomba tokony hiatrehany ny fiainan-ko aviny. Araka ny hita mazana dia

mahomby tokoa ny fanabeazana raha miorina amin'ny zava-misy hita maso ny vokany noho ireo miorina amin'ny nofinofin-tsaina fotsiny.

Mba hoenti-manatratra ireo zava-kendrena ireo, dia, hovahavahana ny ... *fa velona indray* amin'ny maha tantara foronina azy. Hanampy ny mpampianatra amin'ny fomba fampianarana sy fandinihana tantara foronina ihany koa izany satria ao anatin'ny fandaharam-pianarana kilasy voalohany.

0.5 Ny petraka olana sy ny petraka hevitra

Indraindray toa tsy asian'ny olona lanjany izany hoe tantara foronina izany ankehitriny. Rehefa zohina dia hita fa ny tsy fahazoana ny tian'ny mpanoratra hampitaina no antony tsy mahaliana ny mpamaky amin'ny famakiana azy.

Tsy azo hadinoina anefa fa lova sarobidy ary mirakitra haren-tsaina ho an'ny taranaka sy ny firenena izy ireny. Tsy fialam-boly fotsiny fa natao hanabeazana ihany koa. Ny fanabeazana dia mamolavola ny maha-olona feno, izany hoe, ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy. Araka izany dia tsy tokony hohamaivanina ny fikirakirana boky tantara foronina satria ny fahaizana mandrindra sy mampifameno ireo voalaza tetsy aloha ireo no ahazoana tombontsoa.

0.6 Ny haitsikera nampiasaina

Mba tsy hahatonga ny asa fikarohana hivaona, dia tsy maintsy misy hatrany ny lalan-tsaina tokony harahina.

I Eric Ravalisoa raha nanoratra dia niainga tamin'ny zava-misy tarany teny amin'ny fiarahamonina, tamin'ny toerana fantany, ka ireny no navadiny ho tantara. Izany hoe, azo lazaina fa tsy manonofy ny mpanoratra rehefa manoratra fa miainga amin'ny zava-misy izay fantany. Hoy i *François MAURIAC* :

“Tsy misy tantara iray miforona ao an-tsaiko ao raha tsy apetrako amin’ny toerana efa niainako”².

Izany no mahatonga anay hampiasa ny haitsikera miainga amin’ny asa soratra sy ny zava-draketiny. Arahinay amin’izany ny lalan-tsain’i **Sainte BEUVE**. Hoy izy :

“Afaka mankafy asa soratra iray aho, nefa sarotra amiko ny mitsara ilay asa soratra raha tsy fantatra ny nanao azy, ary ambarako tsotra fa arakaraka ny hazo ny voany”³.

Manaraka izany, amin’ny maha fandalinana tantara foronina ny asanay, dia tsara ny hamantarana ireo singa rehetra nenti-nandrafitra ny tantara. Noho izany, hampiasaina eto koa ny lalan-tsain-dry **GOLDENSTEIN** sy **Claude BREMOND** ary i **Yves REUTER**. Horesahina matetika ato amin’ity asa ity ny hevitr’izy ireo mikasika izany tantara foronina izany. Hoy i **Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA** :

“Hametraka ny dian-tsorany eo amin’ny androm-pahavelomany ny mpanoratra ka hanamarika izany amin’ny alalan’ny asa sorany, ny vanim-potoana nandalovany teto ambonin’ny tany sy ny zava-nisy tamin’izany”⁴.

Tsara ampatsahivina fa mifameno avokoa ireny haitsikera ireny satria tsy misy haitsikera tokana ahazoana mandinika ny asa soratra amin’ny lafiny rehetra akory.

Horesahina manaraka kosa àry ny fomba nanantontosana ny asa fikarohana.

0.7 Ny fomba nanantontosana ny asa fikarohana

Nandalo dingana maromaro izahay tamin’ny fanatontosana ny asa :

² (F) MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, Coll. Livre de Poche, Paris, 1972, p86 : « *Aucun drame ne peut commencer de vivre dans mon esprit si je ne le situe dans les lieux où j’ai toujours vécu* ».

³ (D) RINCE 8 (B) LE CHERBONNIER, *Littérature textes et documents*, éd. Nathan, Paris, 1986, p 359 : « *je peux goûter une œuvre, mais il m’est difficile de la juger indépendamment de la connaissance de l’homme même, et je dirais volontiers, tel arbre, tel fruit* ».

⁴ (CI) RATSIFANDRIHAMANANA, « *Ny mpanoratra sy ny Haisoratra* », *Aritory*, Ip. Catholique Antaninarenina – Antananarivo, 1977, tak 5.

- nanatona ny mpampianatra mpitarika, nifanakalo hevitra tamin'izay asa soratra heverina fa azo anaovana fanadihadiana.
- rehefa tapa-kevitra fa ny tantara foronina ... *fa velona indray*, nosoratan'i Eric Ravalisoa no hanompanana ny safidy, dia niroso tamin'ny fanatonana ny mpanoratra mivantana.
- nanomboka namaky ny asa soratra matetika izahay avy eo. Rehefa hita soritra ny lohahevitra hitondrana ny asa fikarohana dia namaky boky mifanandrify amin'izany.
- Nitety sy nijery ireo trano fitahirizam-boky nisy teto andrenivohitra ka nikaroka tahirin-kevitra sy izay rehetra fantatra fa ilaina, mba hanatontosana ny asa,
- Namaky boky izay hita fa mifanandrify amin'ny lohaveditra nofidina.
- Nandrafitra ny hevitra azo rehetra ary nanangana ny drafitra ny asa fikarohana.

Nisy hatrany ny olana nosedraina teo am-panatontosana ny asa. Tsy natao hahakivy sy hampihemotra ny fahavononana efa tao anatinay ireny, fa nandraisana fanapahan-kevitra mba hamahana ny olana.

0.8 Ireo olana sy ny vahaolana

Ny olana lehibe voalohany nianjady taminay dia ny tsy fahalavorarian'ny fahasalamana izay niverimberina matetika tokoa. Tsy natao hanajanonana ny asa izany fa ny fitsaboan-tena no vahaolana noraisina. Nisy fiantraikany teo amin'ny firosoan'ny asa anefa izany.

Manaraka izany dia tsy ampy ny tahirin-kevitra noentina hanohanana ny asa. Tsy misy boky momba ny fanabeazana manokana fa tsy maintsy manakatra avy any anaty tahirin-kevitra isan-karazany. Tsy voatery ho hita amin'ny toerana iray

anefa ireo fa mila fitetezana trano fitahirizam-boky samihafa, natao izany mba hampiroso ny asa.

Nanampy izany ihany koa, ny fahateren'ny fotoanan'ny mpanoratra noho ny asa aman-draharaha izay tsy maintsy nosahaniny ka tsy afaka nivalaparana loatra ny firesahana taminy mivantana. Ny vahaolana noraisina tamin'izany dia ny fiantsoana azy mialoha raha afaka mandray anay izy. Tsy nanosi-bohontanana izy tamin'izany fa tena nanampy mihitsy aza raha nisy hevitra tsy azo tao amin'ny vondrona ambara izay notrandrahana.

Nasiana fetrany ny asa izay natao mba hampazava ny fandalinana azy.

0.9 Ny fetran'ny asa

Ny mpanoratra Eric Ravalisoa no nosafidinay amin'izao asa fikarohana izao. Asa soratra maro no novokarin'ny. Tsy ny boky rehetra nosoratany akory no hotrandrahanay amin'ity fikarohana ity fa ny tantara foronina nosoratany faharoa ihany. Noferana amin'ny famakafakana ny ... *fa velona indray* ny asa.

Hofakafakaina ato avokoa ny fomba nandrafetan'ny mpanoratra ny tantara ary ny hevitra voiziny. Izay tara-kevitra mifandraika amin'ny fanabeazana ihany no raisina ary ampifandraisina amin'ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara. Tsy dia horesahina ato amin'ny asa fikarohana ireo tara-kevitra hafa tsy dia mibahan-toerana.

Tsy hijery ny fomba fanoratra eo amin'ny lafiny voambolana sy ny fehezanteny sy izay rehetra mahakasika izany koa izahay eto. Asa mbola azon'ny hafa any aoriana atao izany.

Ny drafitra nitondrana ny asa fikarohana natao no hoenti-mamarana ity fampidirana ity.

0.10 Ny drafitry ny asa

Hozaraina telo miavaka tsara ny fikarohana : ny fizarana voalohany dia ahitana ny tantaram-piainan'ny mpanoratra. Hita ao avokoa ny hoe Eric Ravalisoa olon-tsotra sy

ny maha mpanoratra azy ary ny momba ny tantara foronina. Ny ao amin'ny fizarana faharoa dia fanadihadiana ny boky tantara foronina ... *fa velona indray*, izany hoe ny momba ny boky sy ireo singa rehetra mandrafitra ny tantara foronina izay hokirakiraina. Ny fizarana fahatelo kosa dia hiresahana ny fanabeazana hita taratra ao amin'ny boky : hahitana famaritana ny fanabeazana, ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara ary ny votoatiny.

**FIZARANA VOALOHANY : NY
TANTARAMPIAINAN'NY
MPANORATRA**

Manana anjara asa lehibe amin'ny fahazoana asa soratra iray ny fanadihadiana ny mpanoratra azy. Manamafy izany ny filazana fa :

“Ny fandalinana ny tantaram-piainan’ny mpanoratra, dia hanampy ny mpamaky amin’ny fanakarana ny hevi-dalina voarakitra ao”⁵.

Ny mpanoratra ihany koa dia toy ny olona rehetra ihany, manana ny loharano nipoirany ary koa miaina eo anivon’ny fiarahamonina. Hoy i **Charles RAVOAJANAHARY** raha nilaza ny momba izany :

“Tsy nitsontsorika avy any an-danitra ny haisoratra sy ny mpanoratra azy. Olombelona miara-miaina amin’ny olona, mpiray tanindrazana aminy ny mpanoratra, ny fisaintsainany izay tsy maintsy misy iraisany amin’ny mpiara-belona aminy na dia manana ny tena maha-izy azy manokana aza izy”⁶.

Hojerena voalohany ao amin’ity fizarana ity ny tantaram-piainan’i **Eric Ravalisoa** amin’ny maha olon-tsotra azy, ny faharoa kosa ny tantaram-piainany amin’ny maha mpanoratra azy, ary ny manaraka Eric Ravalisoa sy ny *“Tantara foronina”*.

1.1 Eric Ravalisoa olon-tsotra

Anisan’ny manefy ny olona iray ny fiarahamonina niainany. Ny mpanoratra, araka ny voalaza tetsy aloha dia manana ny fianakaviany izay namolavola azy. Holazaina manaraka etoana àry ny loharano nipoirany sy ny tanindrazana niaviany ary ireo iray tampo aminy.

1.1.1 Ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany

“Ny hazo no vanon-ko lakana, hono, ny tany naniriany no tsara”. Fomba fiteny malagasy natao hanomezan-danja ireo izay nikolokolo sy nanabe io.

⁵ (S) RAJAONA, «*Teny fanolorana*», Erika nosoratan-dRAHAROLAHY, Imprimerie d’Ouvrages Educatifs, Lib. Mixte, 1976, tak15

⁶ (Ch) RAVOAJANAHARY, «*Tantaran’ny haisoratra. 1895-1915*», S.TE.LA.RI.M, Antananarivo, 1973

Fanomezana voninahitra an'ireo nahitana masoandro ihany koa. Tahaka ny olona rehetra dia manana ny loharano nipoirany ihany koa ny mpanoratra.

1.1.1.1 Ny loharano nipoirany

Hoy i *Charles RAVOAJANAHARY* :

“(….) Zava-dehibe teo amin’ny Ntaolo ny mahafantara tsara ny razana niaviany (…) izany hoe, ny Razana no mahatonga antsika hitokian’ny olona mifanerasera amintsika na ifanaovantsika raharaha (...). Ny olona tsy fantatra ny Razana nipoirany, dia mahakaodikaody ny olona ka natao hoe : mba zana-jovy?”⁷.

Koa araka izany, **RAVALISOA Fortunat**, teraka tamin’ny 03 jona 1923, mpiasan’ny banky, ny rainy ary maty tamin’ny 28 aprily 1980.

RASOAMBOLOMANANA Berthe kosa no reniny, teraka tamin’ny 11 novambra 1928, mpanjaitra ary mbola miara-belona amin’ny mpanoratra hatramin’izao.

Izy ireo no loharano nipoiran’ny mpanoratra, mitondra ny anarana feno hoe : **RAVALISOA Andriamihajimanana Ratsizafy**, teraka tamin’ny 03 jona 1976 tao Ambohimena Antsirabe. Monina ao amin’ny 67ha, afovoany andrefana, eto Antananarivo izy ireo ankehitriny. Tsara marihina fa ny hoe Eric Ravalisoa dia anarana entiny amin’ny maha mpanakonto azy.

Manana ny tanindrazana niaviany ihany koa ny mpanoratra.

1.1.1.2 Ny tanindrazany

Araka ny voalazan-d**RAVELOJAONA**, ny tanindrazana, dia tsy inona fa :

⁷ (Ch) RAVOAJANAHARY, « *Fokonolona* », Tselatra, Lah-9

“(...) fonenan’ny razana hatrany, tany, fasana mirakitra ny karan-doha sy taolambalon’ny nahitany masoandro, nahalatsahan’ny tavoniny”⁸.

“Misy efatra ireo tanàna nipoiran’ny razana, fa i Ambohitompo no nosafidiana manokana ho tanindrazana hilevenana”⁹. Ao Ambatomena Mananara Manjakandriana, ao i Manandriana Avaradrano, ao Anosimasina Fiaferana, ao ihany koa i Ambohitompo Vilihazo. Ambohitompo, kaominina ambanivohitr’i Vilihazo, distrikan’Antananarivo avaradrano no misy ny tranon-drazany. Fa Ambonisoa, kaominina ambanivohitra Vilihazo, distrikan’Antananarivo avaradrano kosa no misy ny fiangonan-drazana : F.J.K.M Ambonisoa tanindrazana.

Marihina etoana fa tao anatin’ny kaominin’i Fiaferana, distrikan’Antananarivo avaradrano i Ambohitompo sy Ambonisoa hatramin’izay fa nanomboka tamin’ny taona 2004, dia nozaraina ho kaominina roa ny Kaominin’i Fiaferana, ka lasa nisy ny kaominina ambanivohitra Vilihazo ankehitriny.

Tsy zaza tokana akory ny mpanoratra fa manana ny iray tampo aminy, izay maro tokoa

1.1.1.3 Ireo iray tampo aminy

Misy folo mianadahy izy ireo no mpiray tampo. Indro aseho manaraka etoana, araka ny fizokiana sy ny asany avy.

⁸ RAVELOJAONA, *Tanindrazana sy firenena ary isika Malagasy*, Imprimerie Spéciale, Anjohy, 1972, tak72

⁹ Resadresaka nifanaovana tamin’ny mpanoratra, tao an-tranony, ny 01 jolay 2011

Laharana Ara-pizokiana	Anarana sy fanampiny	Asa
1	RAZAFINDRAMAVO Bebisoa Nomenjanahary	Mpitsabo
2	RAVALISOA Andriambolomanana Ratsizafy	Arkeôlôgy
3	RAMAVOANJALISOA Hanitra Ravalisoa	Mpampianatra taranja matematika
4	RAMAVONJANAHARY Andosoa Ravalisoa	Mpikarakara tokantrano
5	RAMAVOHARIMBOLOMANANA Laingo Ravalisoa	“Demarcheuse”
6	RAVALISOA Andriajoharimanana Ratsizafy	Manam-boninahitra lefitra
7	RAVALISOA Andrianalimanana Ratsizafy	Mpamily
8	RAVALISOA Andriamihajarimanana Ratsizafy	Sady mpanoratra no “traiteur”
9	RAVALISOA Andriamaherimanana Ratsizafy na i Hery Valisoa	Mpanentana sy mpamokatra fandaharana ao amin’ny R.N.M.
10	RAMAVOARIANJA Landilalaina Ravalisoa	“Couturière styliste modeliste”

Fafana 01 : Ireo iray tampo amin’ny mpanoratra sy ny asany avy.

Rehefa hita tetsy aloha ny mombamomba ny karapanondron'i Eric Ravalisoa, dia toy izao manaraka izao kosa ny momba ny tokotanim-pahazazany.

1.1.2 Ny tokotanim-pahazazany

Dingana iray tsy maintsy lalovan'ny olombelona ny fahazazana. Eo no fotoana ahitana fahasambarana indrindra eo amin'ny fiainana.

1.1.2.1 Ny kilalao fanaony

“Raha zaza tsy hilalao, modia ho tanora”, hoy ny fitenenana. Tsy nisy olana tamin'i Eric Ravalisoa ny tsy fisian'ny ankizy niara-nilalao taminy raha ny talohan'ny faharoa ambin'ny folon'ny taonany. *“Misy namana miara-milalao aminy, dia miara-milalao amin'izay ankizy vonona amin'izany izy. Fa rehefa tsy misy ny ankizy vonon-kilalao dia tsy miantso namana mihitsy izy fa milalao irery”*¹⁰. Fanaony ny mampiady biby : akoho, tanalahy, hala, vitsika, tiany ihany koa ny kilalao misy fifanandrianana.

Fa nanomboka teo amin'ny faharoa ambin'ny folon'ny taonany kosa, dia toa tsy dia nivoaka milalao tany an-tokotany intsony izy fa nijanona tao an-trano. Maro ny zavatra nataony tamin'izany : manao sary, mitendry gitara sy mihira irery, manamboatra zavatra samihafa toy ny mamantsipantsika sy mandrafidrafitra. Tia mamaky boky ihany koa izy : boky tantara, fianarana mitendry gitara ary koa solfezy. Izany no nahaizany nitendry gitara sy solfezy taty aoriana.

Zaza tahaka ny rehetra ihany ny mpanoratra, araka izany, saingy nanana ny kilalao fanaony manokana.

Nanampy tamin'ny famolavolana azy ho olom-banona ihany koa ny fanabeazana azony teo amin'ny lafiny finoana, izay hojerena manaraka.

¹⁰ Resadresaka nifanaovana tamin'ny mpanoratra, tamin'ny 16 octobra 2011

1.1.2.2 Ny fanabeazana azony

Raha teo amin'ny fanabeazana ara-pinoana kosa indray, dia natao batisa tao amin'ny F.J.K.M. Filadelfia Antsirabe i Eric Ravalisoa raha vao herintaona monja. Noraisina ho mpandray fanasan'ny Tompo kosa tamin'ny taona 1989, tao amin'ny F.J.K.M Andravoahangy Fivavahana.

Rehefa nitombo taona dia nirotsaka ho isan'ny mpikambana tao amin'ny Antoko Mpihira Andravoahangy Fivavahana.

Hita araka ireo fa nobeazina teo amin'ny lafin'ny finoana ihany koa ny mpanoratra ary tsy nataony an-tsirambina izany. Ny Baiboly dia milaza mihitsy fa:

“Zaro amin'ny lalana tokony halehany ny zaza, ka na dia antitra aza izy tsy hiala amin'izany”¹¹.

Mbola nanabe azy ihany koa ireo sekoly nodiaviny.

1.1.3 Ny fianarana nataony sy ny asany

Anisan'ny fototra iray mampijoro ny maha-olombelona ny olombelona ny fahazoany fitaizana आम-panabeazana feno. Nampidirina an-tsekoly ny mpanoratra rehefa tonga taona ho amin'izany.

1.1.3.1 Ny sekoly nianarany sy ny Mari-pahaizana azony

Rehefa niditra nianatra tany an-tsekoly i Eric Ravalisoa dia nisondrotra hatrany ary mahazo ny mari-pahaizana ara-panjakana.

¹¹ Ny Baiboly, « Ohab22, 6 », Fikambanana mampiely Baiboly Malagasy, Antananarivo, 1965

1.1.3.1.1 Ireo sekoly nianarany

Ny taona 1973 izy no nampidirina nianatra tao amin'ny E.P.P. Antarandolo Fianarantsoa. Avy eo dia nanohy izany tao amin'ny E.P.P. Akany Sambatra Itaosy sy ny C.E.G. 67ha ary ny “Lycée” Andohalo.

Ankoatra ny sekoly nolalovany dia mnanao fanompoam-pirenena ivelan'ny tafika nandritra ny roa taona ihany koa ny mpanoratra taorian'izany. Avy eo nanaraka fampianarana ampitain-davitra momba ny fitantanana, roa taona ny faharetany dia niditra tamin'ny sehatry ny asa avy hatrany.

1.1.3.1.2 Ny Mari-pahaizana azony

TAONA	SEKOLY	MARI-PAHAIZANA
1979	“E.P.P. Akany Sambatra Itaosy”	C.E.P.E
1985	“C.E.G. 67ha”	B.E.P.C.
1990	“Lycée Andohalo”	Bakalôrea

FAFANA 02 : Ny Mari-pahaizana azon'ny mpanoratra

Hoy **RANDRIAMIADANARIVO** :

“Tahaka ny mpianatra rehetra ihany, miankin-doha aman'olona izy mandrapahainy, fa rehefa tafita soa avy eo izy dia mandeha irery amin'izay manatitra ny azony sady manely izany amin'ny hafa. Raha mbola kely fialofana, fa rehefa lehibe ialofan'ny madinika”¹².

¹² **RANDRIAMIADANARIVO**, *Sikajin'ny Dadabe*, natonta faninefany, Trano Printy FJKM Imarivolanitra, Antananarivo

1.1.3.2 Ny asa sy ny andraikitra sahaniny

Rehefa vita ny fianarana izay nataony dia nirotsaka teo amin'ny sehatry ny asa amin'izay ny mpanoratra. Tsy nanakana azy tsy handray andraikitra ihany koa anefa izany.

1.1.3.2.1 Ny asany

Raha vantany vao vita ny fianarany dia lasa mpiasan'ny banky izy, nanomboka teo, tao amin'ny Bankin'ny Tantsaha Mpamokatra. Saingy noho ny fialan'ny fanjakana tamin'io banky io, dia isan'ny mpiasa noroahina i Eric Ravalisoa, fa tsy nahatratra dimy taona ny traikefa nananany.

Taorian'izay dia niasa tamin'ny “ Compagnie Malgache d'Assurance et de Réassurance” NY HAVANA, CNaPS, nanao ny asan'ny mpanao gazety ihany koa. Tsy nisy nahafa-po azy izany, ka nahatonga azy nianatra tao amin'ny “Centre de Formation Professionnelle ANDO” Isoraka. Nianatra momba ny “cuisine européenne” sy “cuisine chinoise”, “pâtisserie”, “glace” sns... nandritra ny roa taona : 2003-2004.

Nandray andraikitra teo anivon'ny fiangonana ihany koa ny mpanoratra.

1.1.3.2.2 Ny andraikitra noraisiny teo anivon'ny fiangonana

Rehefa nandray ny faha 17 taonany izy, dia nirotsaka ho isan'ny mpikambana tao amin'ny antoko Mpihira Andravoahangy Fivavahana. Lehiben'ny Vaomieran'ny Hira no andraikitra notanany tao. Ny Vaomieran'ny hira dia miandraikitra ny fampianarana hira sy mihira ary solfa ireo ankizy te handalina misimisy kokoa ankoatra ny rehetra. *“Folo taona no niandraiketako izany tao”*¹³.

¹³ Resadresaka nifanaovana tamin'ny mpanoratra tao an-tranony

Tamin'ny taona 2010, nankalaza ny faha 140 taona niorenany ny F.J.K.M. Ambonisoa Tanindrazana. Nanangana kômity hiandraikitra izany fotoam-pankalazana izany ny kristianina, anisan'ny nantsoina i Eric Ravalisoa. Mpivavaka tsotra fotsiny ihany anefa izy.

Ankoatra ny asa aman'andraikitra iantsorohana, samy manana ny fialam-boliny ny tsirairay.

1.1.3.3 Ny fialam-boliny

Tena ilain'ny olon-dehibe ny miala voly mba hampisinda ireo karazana teritery ateraky ny zava-misy tontolo andro : asa saina, asa vatana. Miankina amin'ny olona tsirairay, araka ny safidy sy ny fanabeazana azony, no mety ho fialam-boliny amin'izany. Ho an'i Eric Ravalisoa, dia ireto avy ny fialam-boly mahasarika azy : mamaky boky aman-gazety, mihaino onjam-peo samihafa, misotro sy mihinana, mitsidika ny natiora eny ambanivohitra, mahandro sakafo. Tsy hadinony ihany koa ny miresaka sy miady hevitra aman'olona. Fa ny fialam-boly iavahany amin'ny maro kosa, dia ny fandefasany eritreritra eo am-pitsotsorana, eo am-pandriana.

1.2 Eric Ravalisoa mpanoratra

Eto am-piandohana, heverinay sy azo lazaina fa tsy ho latsa-danja amin'izay voalaza tao amin'ny tantaram-piainany, amin'ny maha-olon-tsotra azy ny hambara sy hovelabelarina ato amin'ity toko faharoa nampitondraina ny lohantenany hoe : “*Eric Ravalisoa mpanoratra*” ity. Lohahevitra telo no hovahavahana mandritra izany, dia ny maha mpanoratra azy, ny fikambanana mpanoratra nirotsahany, ary ireo mpanoratra sy boky ankafiziny.

SARY 02 : Eric Ravalisoa teo am-panoratana



1.2.1 Ny maha mpanoratra azy

Efa novolavolaina tao anatin’ny kanto i Eric Ravalisoa fony izy mbola tsy mpanoratra. Izany hoe, amin’ny ankapobeny dia nandova talenta izy satria nanoratra ihany koa ny rainy, saingy tsy nahavoaka boky mandra-pahafatiny. Nandova ny talentan-drenibeny amin’ny fahaiza-mamoron-kira ihany koa i Eric Ravalisoa ; satria mpamorona ny hiran’ny tanoran’ny fiangonana tao amin’ny F.J.K.M. Filadelia Antsirabe ny renibeny antsoina hoe RASOANJANAHARY. Mpandova talenta i Eric Ravalisoa, saingy tsy nandova fotsiny izy, fa nanavao ny talentany ka nipoiran’ny asa soratra samihafa.

Hojerena manaraka ny firotsahany teo amin’ny sehatry ny haisoratra sy ny fotoana nanombohany nanoratra ary ny loharano niteraka ny asa sorany.

1.2.1.1 Ny firotsahany teo amin’ny sehatry ny haisoratra

Teo amin’ny faharoa ambin’ny folo taonany, dia nanomboka nanao sary. Nolaroina fanoratsoratana ady rima izany, ka niheverany ny tenany ho manan-talenta. Saingy izay voasoratra dia tsy nisy voatahiry, fa very an-tsavony teny.

Efa-taona taorian’io, dia nankafy mozika i Eric Ravalisoa. Niroso nanatevin-daharana ny A.M.A.F. ihany koa izy. Nohenoina avokoa izay karazana mozika rehetra misy ary ny fitambaran’izany no nampiraikitra tamin’ny mozika jazy, ka namolavola ny talenta famoronan-kira. Namorona hira ho an’ny A.M.A.F. : **“Ny Fitiavan’Andriamanitra”, “Raha ny finoana”** sns, ary mandraka androany, dia mbola tena mankamamy mozika jazy.

Voamariky ny mpanoratra ihany koa ny fotoana nanombohany nanoratra.

1.2.1.2 Ny fotoana nanombohany nanoratra

Rehefa misy fifaninanana momba ny fanoratana tononkalo na sombin-tantara dia navitrika nandray anjara ny mpanoratra. Ny fankafizany mamaky boky moa dia tsy niala mihitsy. Ny fitambaran'izany no nanosika an'i Eric Ravalisoa hanapa-kevitra tena hanoratra.

Tamin'ny taona 1994, dia nanao jery todika ny fiainany izy. Tao anatin'izany no nahatsapany fa nanana talenta amin'ny fanoratana ny tenany. Nanomboka teo dia tsy nanao ambanin-javatra ny fanoratana, fa dia nifofotra sy nilofo mafy tamin'izany tokoa i Eric Ravalisoa. Manamafy mikasika izany hevitra izany Ranöe ka nanambara hoe :

“Ny talenta miampy fandalinana sy fikarohana no mahakanto ny asa soratra satria ny fiontanana anaty fenoin'ny fikarohana, fehezina ny lalàna no miteraka aina ao amin'ny asa soratra”¹⁴.

Ankehitriny dia mbola manoratra ny mpanoratra ary tsy mitsahamitombo ny asa sorany.

1.2.1.3 Ireo loharano niteraka ny asa sorany

Tsy azo hadinoina fa olona tahaka ny olona rehetra ihany koa ny mpanoratra, miaina eo anivon'ny fiarahamonina ary miatrika ny fiainana andavanandro tahaka ny tsirairay.

Azo lazaina ho maro ny loharano niteraka ny asa soratra izay iangalian'i Eric Ravalisoa. Araka ny nambarany dia miainga avy amin'ny fiadiana hevitra aman'olona. Tsy ny olona rehetra akory, fa ny olona mivelatra fomba fijery. Izany hoe, azo ifanakalozana evitar tsara. Manampy izany ihany koa ny famakiana boky maro, isan-karazany. Tsy azo hadinoina ihany koa ny fahitana ny zava-misy mitranga eny amin'ny fiarahamonina izay tena loharano azo anovozana tokoa. Araka ny hevitr'i **WELLEK** sy i **WERREN**, raha nilaza ny momba izany dia : maneho ny

¹⁴ RANOE, *Haren-tsaina*, Edition Tsipika, Antananarivo, 2001, tak 101

zava-misy amin'ny vanim-potoana iainany izy, ary taratry ny fiarahamonina misy azy sy ny taon-jato ahavelomany ihany koa¹⁵.

1.2.1.4 Ireo asa soratr'i Eric Ravalisoa

Maro tokoa ireo asa sorany ankehitriny ary tsy vitsy no efa navoaka mba ho eny amin'ny mpamaky. Nirotsahany avokoa ny karazana asa soratra rehetra, toy ny : tononkalo, sombin-tantara, tantara tsangana, ary ny tantara foronina izay anaovana fandalinana etoana.

1.2.1.4.1 Ireo asa soratra mbola tsy nivoaka

- Tantara foronina :

➔ *Lalana roa*, notolorana loka fampirisihana tamin'ny fifaninanana tantara foronina “Loka Nirhy Lanto 2010” nokarakarain'ny Havatsa sy ny fianakaviana Nirhy Lanto. Tsy natolotry ny mpitsara ny loka voalohany.

- Amboaran-tsombin-tantara :

➔ *Lokom-panantenana*, notolorana loka fampirisihana tamin'ny fifaninanana fanoratana amboaran-tsombin-tantara nokarakarain'ny Havatsa sy ny fianakaviana Nirhy Lanto. Tsy natolotry ny mpitsara ireo loka telo lehibe nampanantenain'ny fifaninanana.

➔ *Manganana*, mahazo ny loka faharoa tamin'ny fifaninanana fanoratana amboaran-tsombin-tantara nokarakarain'ny Havatsa sy ny fianakaviana Nirhy Lanto : “Loka Nirhy Lanto 2010”. Tsy natolotry ny mpitsara ny loka voalohany.

¹⁵ (A) WELLEK et (A) WARREN, *La théorie littéraire*, ed du Seuil, Col. Poétique, Paris 1971, p 30

« *L'écrivain est aussi citoyen [...] porteur d'une vérité, et nécessairement, il est aussi porteur des vérités historiques et sociales [...] il doit être représentatif du siècle et de la société aux quels il appartient* »

SARY03: Ireo asa soratra novokarin'ny mpanoratra



1.2.1.4.2 Ireo asa soratra efa nivoaka

- Tantara foronina

➔ *Rehitra hambom-po*, tak 100. Editiona Eric Ravalisoa 2001. Nandray anjara tamin'ny fifaninanana famoronana tantara foronina “Loka Prosper Rajaobelina 1999”, nokarakarain'ny Edisiona Salohy sy ny fianakaviana Proser Rajaobelina. Tsy nahazo loka fa napetraky ny mpitsara ho eo amin'ny laharana fahadimy. Taorian'izay dia naverina nosoratana ny tantara rehefa avy nihaino ny tsikeran'ny mpitsara. Navoaka boky taorian'izay ary nanaovan'ny Soaniana Marie Rasefine “mémoire” tamin'ny taona 2007, ka nahazoana ny mari-pahaizana “Maitrise ès-lettres” Malagasy, teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Nampitondrainy ny lohateny hoe : “Ny endriky ny fitantarana nanehoan'i Eric Ravalisoa ny tantara foronina *REHITRA HAMBOM-PO* nosoratany” ny asa fikarohana izay nataony.

Tamin'ny taona 2007 kosa, dia lany ny boky ka natonta fanindroany. Namboarina ny endriny tao anatin'ny boky ka nofintinina ary lasa takila 62.

➔ ... *fa velona indray*, tak 144. Editiona Eric Ravalisoa 2009, nandray anjara tamin'ny fifaninanana fanoratana tantara foronina “Loka Régis Rajemisa Raolison 2005”, nokarakarain'ny Havatsa sy ny fianakaviana Régis Rajemisa Raolison. Tsy natolotry ny mpitsara ny loka telo lehibe nampanantenain'ny fifaninanana, fa notolorana loka fampirisihana kosa ny ... *fa velona indray*.

- Tantara an'onjam-peo :

Hananika ny valopolo ny efa voasoratra, ary efa nandeha tamin'ny onjam-peo samihafa avokoa : Radio Madagasikara, Aceem Radio, Radio Don Bosco.

- Angano sy sombin-tantara ho an'ny ankizy :

Noho ny fitakian'ny ray aman-dreny sasany, dia nanoratra azy io ny mpanoratra. Vita amboara izany ary navoaka tamin'ny taona 2009.

- Lahatsoratra famotopotoran-kevitra :

Ireto no tadidin'ny mpanoratra : “Iza no atao hoe Mpanoratra?”, voarakitra am-boky navoaka tamin'ny taona 2010, “Firenena”, lahatsoratra nivoaka tamin'ny gazety l'Observateur tamin'ny Volana jona 2011, sns...

Ilaina ny fifanereserana amin'ny hafa mba hanovozan-kevitra sy hifampizarana ny fomba fijery. Niditra tamin'ny fikambanana mpanoratra i Eric Ravalisoa. Ny mikasika izany no horesahina manaraka.

1.2.2 Ny fikambanan'ny Poeta sy Mpanoratra Malagasy

Ny fikambanan'ny Poeta sy Mpanoratra Malagasy na ny HAVATSA no misy an'i Eric Ravalisoa. Nisy ny antony nahatonga azy hiditra amin'izany, nandray andraikitra izy rehefa tonga mpikambana tao. Misy ihany koa ny tombontsoa azony tao amin'ny fikambanana.

1.2.2.1 Ny Antony nidirany amin'izany

“Rehefa nanoratra nandritra ny taona vitsivitsy taorian'ny taona 1994, dia nahatsikaritra fa toa mihena tsy misy fivoarana izay voasoratra : maivamaivana, hany ka ny eo ihany no eo”¹⁶. Rehefa nahavita asa soratra iray ka mamaky izany i Eric Ravalisoa dia tsapany toa tsotra be ka tsy mahaliana intsony. Nitady hevitra entina hanatsarana ny fahaiza-manoratra nanomboka teo ka tojo ny fikambanan'ny Poety sy Mpanoratra Malagasy na ny Havatsa.

¹⁶ Resadresaka nifanaovana tamim'ny mpanoratra ny 26 jolay 2011 tao an-tranony

1.2.2.2 Ny taona nidirany tao amin'ny HAVATSA sy ny andraikiny tao

Raha nankalaza ny fahadimy amby efapolo taonany ny U.P.E.M. tamin'ny taona 1997, dia nanova ny anarany ho HAVATSA. Izany dia nitarika fampidirana tanora maro hanatevin-daharana sy hamelo-maso ny fikambanana. Anisan'ny voafantina tamin'izany i Eric Ravalisoa.

Nandritra ny telo taona taorian'ny fankalazana nambara tetsy aloha (1997-1999) dia mpikambana tsotra. Fa taorian'izay ka hatramin'izao dia voafidin'ny mpikambana ho mpitan-tsoratra ny fikambanana. Nahitan'ny mpanoratra tombontsoa tokoa ny fidirany tao amin'ny fikambanana.

1.2.2.3 Ny tombontsoa azony tao amin'ny fikambanana

Maro ireo mpanoratra ao anatin'ny fikambanana. Afaka mifanakalo sy mitady hevitra amin'ireo mpanoratra efa manana ny maha izy azy, mifampizara traikefa sy ny fomba fijery ny zava-misy ara-piarahamonina ary koa mba hifankahalalan'ny samy mpanoratra. Hoy indrindra **RANJATOHERY** manamafy izany :

“Tsy misy asa soratra teraka ho azy avy amin'ny famoronan'ny eritreritry ny mpanoratra madiodio. Miainga avy amin'ny toe-javatra hita maso sy iainana ny asa soratra”¹⁷.

Ny fitambaran'ny fanovozam-pahalalana tamin'izany rehetra izany no lasa zezika nanondraka ny talenta tao anatin'i Eric Ravalisoa. Tsy nionona tamin'ny fikambanana fotsiny anefa izy fa nankafy mpanoratra sy boky ihany koa.

1.2.3 Ireo mpanoratra sy boky ankafizin'i Eric Ravalisoa

Maro tokoa raha ny nambaran'ny mpanoratra saingy santionany ihany no ambara etoana.

¹⁷ (H) RANJATOHERY, *Tsanganafo*, lah II, Antananarivo, May 1992, tak 2.

1.2.3.1 Ireo mpanoratra ankafiziny

Notsongain'i Eric Ravalisoa manokana ireto mpanoratra roa tonta ireto, dia **Randja ZANAMIHOATRA** sy i **Emilson Daniel ANDRIAMALALA**.

Araka ny nambarany dia “*hafa tokoa ny asa soratr'izy ireo sy ny fomba famboany ny fon'ny mpamaky*”¹⁸.

1.2.3.2 Ireo boky famakiny

Namaky ireo boky nosoratan'i **Emilson Daniel ANDRIAMALALA** rehetra ; ny boky *Vainafy tononkira ny 2003*, nosoratan-d**Randja ZANAMIHOATRA** ; ny boky *Le manifeste du parti communiste*, izay nosoratan'i **Karl MARX** sy i **Frederic ENGELS**; ny *L'action* nosoratan'i **Ferdinand NATHAN** ary ny Baiboly izay matetika tokoa.

Misy antony anefa ireo safidy ireo fa tsy notsongaina fotsiny amin'izao.

1.2.3.3 Ny anton'ny safidiny

Ahitana zava-baovao hatrany ny famakiana ireny karazam-boky ireny. Manatombo amin'izany ny boky filôzôfia sy ny boky psikôlôjia. Miresaka amin'ny an-tsipirihany ny singa isan-karazany nandrafitra ny maha olombelona sy ny manodidina azy ireny. Ny fahalalana izany dia mahatonga ny tena tsy ho voarebirebin-javatra arantirantin'ny mpanambaka sy ireo mieritreritra ny olona ho bado.

Ny famoronana manokana izay an'ny mpanoratra samirery, dia mampahiratra ny lalan-tsaina sy ny fomba fijerin'ireo izay liana mamaky boky. Ny namakian'ny mpanoratra ny asa soratr'i **Emilson Daniel ANDRIAMALALA**, ohatra, dia anisan'ny mampahafantatra fa “*fotaka avokoa ny ao ambadiky ny vola sy ny harena*”. Saingy na tsy izany avokoa aza ny ao ambadiky ny vola sy ny harena,

¹⁸ Resadresaka nifanaovana tamin'ny mpanoratra, ny 20 aogositra 2011, tao an-tranony.

araka ny tena zava-misy, dia nanokatra ny saina hahalala zavatra ireny asa soratra ireny. Tahaka izany ihany koa ny namakiany ny boky nosoratan-d***Randja ZANAMIHOATRA***, manokatra ny maso handinika amin'ny saina tsy jambampinoana ny momba ny fivavahana, fitaovam-pandemena ny sain'olombelona, nataon'ireo mitonona ho irak'Andriamanitra. Eny fa na dia tsy izany avokoa aza ny ataon'izy rehetra. Fa ankoatra izany dia ny haifanoratr'ireo mpanoratra ireo, dia hita sy tsapa ho mampiavaka azy, ka mampianoka lalandava ny hafinaretana ary koa mampiala voly.

Ny famakiana Baiboly kosa indray, dia tena nanokatra ny saina sy ny maso hahita amin'ny an-tsipirihany ny trangan-javatra eo amin'ny fiarahamonina mifandimby, lafiny teo-karena, pôlitika, teo-tsaina, hambom-po, fitsarana, fankahalana, sns, araka ny nambaran'ny mpanoratra.

Koa raha mamaky ireny karazam-boky ireny, dia tsy vaovao amin'ny teo-javatra rehetra, miseho eo anivon'ny fiarahamonina akory. Saika efa hita sy fantatra amin'ny alalan'ny famakiana ireny boky ireny avokoa mantsy ny zavamitranga rehetra amin'izao fotoana izao sy izay rehetra mbola ho avy angamba.

Ny boky tantara foronina no hokirakiraina ato amin'ity asa fikarohana ity. Ny momba ny “tantara foronina” indrindra no horesahina manaraka.

1.3 Ny momba ny “tantara foronina”

Samy manana ny fomba famaritany ny antsoina hoe “tantara foronina” ny mpandinika tsirairay. Toraka izany ihany koa, tsy mitovy ny famolavolan'ny mpanoratra ny tantara foronina izay soratany avy. Hojerena ato amin'ity toko fahatelo ity àry ny famaritana ny “tantara foronina” ary ny mampiavaka azy amin'ny lahatsoratra mirakitra fitantarana isan-karazany.

1.3.1 Famaritana ny antsoina hoe : “tantara foronina”

Raha ny famaritana ny “tantara foronina” no jerena, dia ao ireo mpanoratra mitovitovy fomba fijery. Ao koa anefa ireo manana ny fomba fijery

mifanipaka tanteraka. Famaritan'ny mpanoratra vitsivitsy ihany anefa no notsongainay. Omena mifanesy manaraka ny famaritan'ireo mpanoratra vahiny, araka ny hita ao amin'ireo rakibolana ary farany, araka ny famaritan'ireo mpanoratra malagasy.

1.3.1.1 Araka ny hevitra ny mpandinika vahiny

Araka ny mpandinika tsirairay dia misy hevitra vaovao hatrany :

- Hoy i **Annie ARNAUDIES** :

“Ny votoatin-kevitra ao amin'ireny tantara foronina ireny dia ny zava-misy na ny zava-miseho marina. Ny tena mpanoratra tantara foronina dia izay mahay mitantara”¹⁹.

- I **François MAURIAC** indray dia milaza fa :

“Mialoha ny zavatra rehetra ny tantara foronina dia fanovana endrika ny zava-misy fa tsy fandinihana azy fotsiny”²⁰.

- Ho an'i **Edmond JALOUX** :

Ny tantara foronina dia zavatra tsotra ary tena manaitra ny fihetseham-po, manana endrika malefaka, mandresy lahatra, manetry tena ary manan-danja²¹.

1.3.1.2 Araka ireo rakibolana samihafa

- Raha ny hita tao amin'ny **RAKIBOLANA Robert** :

“Ny tantara foronina dia asa soratra tsotra foronon'ny tontolo iray, ny mpanoratra anjara dia toy ny olona tena misy, ary mampahafantatra antsika ny teo-tsaina, ny anjarany, ny zotram-piainany”²².

¹⁹ (A) ARNAUDIES, *Le nouveau Roman*, Hâtier, Paris, 1974, p30 : « Un roman pour la plupart des amateurs et des critiques c'est avant tout une « histoire ». Un vrai romancier, c'est celui qui sait « raconter une histoire ».

²⁰ (F) MAURIAC, *le romancier et ses personnages*, Ed. RA, Corr ea, Buchet/Chastel, 1933, p 152 : « L'art du roman et, avant tout, une transposition du r el »

²¹ (E) JALOUX, « Fran ois MAURIAC, Romancier », *le romancier et ses personnages*. P49-50 : « Le roman est une chose simple, tr s touchant, il y a un style bris , souple, eloque, humble, arrogant ».

- Hoy i **Roy CLAUDE** :

“ Ny tantara foronina dia mitantara ireo andro izay nitrangan’ny fahamarinana”²³.

- Araka ny hita ao amin’ny rakibolana **Pluridictionnaire Larousse** :

“Ny tantara foronina dia asa soratra foronin’ny saina, ka ny fitantarana zotram-piainana samihafa, ny fanadihadiana fomba amam-panao no tena mahaliana ao”²⁴.

1.3.1.3 Araka ny hevitra ny mpandinika malagasy

Mpanoratra tantara foronina telo no nosinganinay tao anatin’ny maro. Anisan’ireny :

- **RANDRIAMIADANARIVO** :

“Ny tantara, na dia noforonina aza dia misy lafiny marina daholo, saingy ny tsirairay fa tsy izy rehetra, fa nisy marina tary sy tatsy no nangonina, dia nanjary hoatra ny tabilao nakambana, dia nahita sary vaovao”²⁵.

- Mitovy amin’izany ny hevitr’i E.D.A :

“Ny atao hoe tantara foronina, dia araka izany voalazanao izany : tantara kanefa foronina, ary nefa moa raha foronin’ny eritreritra aza dia tsy maintsy miompana amin’ny zava-misy ny zavatra tsy azo lavina [...]. [...], ohatra angaha, misy olona manao tantara [...] ary toetran’olona tsy fahita mihitsy no

²² Dictionnaire Robert, dictionnaire alphabétique et analogique 1959-1964 : « *C’est une œuvre d’imagination en prose, assez longue, qui présente et fait vivre, dans un lieu, des personnages donnés comme réels, nous fait connaître leur psychologie, leur destin, leur aventure* »

²³ Roy Claude, **Descriptions critiques**, Argon Romancier nalaina tao amin’ny Dictionnaires de citations, Larousse référence électronique, Grand Livre électronique édité par Larousse à partir des dictionnaires Larousse, 1992-1993 : « *Un roman est l’histoire des jours où une vérité se fait jour* ».

²⁴ **Pluridictionnaire Larousse**, Dictionnaire encyclopédie de l’enregistrement, Librairie Larousse, Paris 1997 : « *[Un roman es une] œuvre d’imagination en prose dont l’intérêt est dans la narration d’aventures, l’étude de mœurs ou de caractères, l’analyse de sentiments ou de passions* ».

²⁵ **RANDRIAMIADANARIVO**, Aingam-pivoarana, 1995, lah6, tak17

*lazainy ao anatin'ny tantara, dia izay no atao hoe : savoan-danitra [...] tsy hitako intsony izay maha-tantara azy fa karazan'angano*²⁶.

- Mbola hamafisin'i *Esther RANDRIAMAMONJY* izany hevitra izany amin'ny hoe :

*“Ny tantara foronina dia sarim-piainana misy nefa mety ho nisy antsangan'ny mpanoratra, arafiny sy arindrany hanana ny endriky ny fiainana tena misy, ary hanasongadinana ny marina sy ny kanto*²⁷.

1.3.1.4 Tsoa-kevitra avy amin'ireo tenina mpandinika samihafa ireo.

Ny tantara foronina, dia asa soratra esotra, noforonin'ny saina, maneho tantaram-piainana na zotram-piainana ; miorina amin'ny zava-misy na mety hisy ; ahitana mpandray anjara izay manome aina ny fitantarana ary koa misalotra ny fihetseham-pon'ny mpanoratra ; aseho amin'ny endrika kanto sy miavaka, manaitra sy mandresy lahatra ary manan-danja.

1.3.2 Ny mampiavaka ny “tantara foronina” amin'ny “sombin-tantara” ary ny “tantara tsangana”

Samy literatiora mirakitra tantara avokoa, na ny tantara foronina, na ny sombin-tantara, na ny tantara an-tsehatra. Tsy mitovy anefa ny anarana iantsoana azy ireo. Ny mampiavaka azy tsirairay indrindra no aseho eto ambany.

²⁶ (E.D) ANDRIAMALALA, tao amin'ny Radio Université 12 Desambra, 1966

²⁷ (E) RANDRIAMAMONJY, *Rary Kanto*, 1995, tak7.

	TANTARA FORONINA	SOMBIN-TANTARA	TANTARA TSANGANA
Halavany	Lava, voarakitra ao anaty boky iray na mihoatra	Fohy, voarakitra ao anaty takelaka vitsivitsy	Fohy, ny fanehoana an-tsehatra no mahamaro ny takila misy azy
Fomba fanehoan-kevitra	Ahitana lohahevitra maromaro izay mety hita eo amin'ny fiainana	Lohahevitra iray ihany no avoitra	Lohahevitra iray saingy ravahana hira sy seho amin'ny endriny samihafa
Zavatra tantaraina	Tantaram-piainan'olona feno. Ohatra : fahazazany	Tantara maneho ampaham-piainan'olona izay tiana hasongadina. Ohatra : fahoriana	Tantara fohy voafaritra mba ho azo aseho an-tsehatra. Ohatra : tokatrano iray
Fizotran'ny tantara	Miadana satria maro ny fandokoana sy fanoritsoritana	Haingana satria ny votoatin-dresaka no lazaina avy hatrany	Miadakadana, araka ny fe-potoana hilalaovana azy eo ambony sehatra
Fotoan'ny tantara	Maharitra, mety an-taonany maro na vanim-potoana mihitsy aza	Ao anatin'ny fotoana fohy, mety ho tranga tao anatin'ny ora iray	Ezahina fintinina anaty ora vitsivitsy ny vanim-potoana
Fotoanan'ny mpamaky	Miankina amin'ny tsirairay ny fe-potoana hamakiana azy	Tsy voafetra na dia fohy aza ny tantara	Voafetra ho amin'ny fotoana anehoana azy ny hijerena azy
Toerana	Tsy voafetra fa araka fe-potoana hamakiana azy	Voafaritra ho ety satria mifintina ny tantara	Aseho eo ambony sehatra izay toerana alehan'ny mpandray anjara
Fiafaran'ny tantara	Tsy mahaliana intsony rehefa tapitra ny tantara	Mbola maminavina ny mety ho tohin'ny tantara ny mpamaky	Tokony ho voarain'ny mpamaky ny anatra tiana hampitaina ary mifarana hatreo ny tantara

FAFANA 03 : Ny fahasamihafan'ny toetran'ny “tantara foronina” sy ny “sombin-tantara” ary ny “tantara tsangana”.

FAMINTINANA NY FIZARANA VOALOHANY :

Hita tao amin'ny fizarana voalohany ity ny famahavahana ny momba ny mpanoratra, dia i Eric Ravalisoa amin'ny maha olon-tsotra azy, amin'ny maha olon'ny fiarahamonina azy ary ihany koa amin'ny maha mpanoratra azy.

Voalaza tao amin'ny maha olon-tsotra azy ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany, ny tokotanim-pahazazany, ny fitohizan'ny fiainany nanomboka teo amin'ny fahatanorany mandraka ankehitriny, ary ny zava-dehibe nisongadina teo amin'ny fiainany.

Mpanoratra i Eric Ravalisoa ary manana ny mampiavaka azy amin'ny hafa. Misy ny fikambanana mpanoratra izay nidirany ary nandraisany andraikitra. Anisan'ny mankafy asa soratra sy mpanoratra ihany koa izy mba hanovozan-kevitra sy hanampiany fahalalana.

Ny toko farany ao amin'ny fizarana voalohany dia ahitana ny famaritana ny atao hoe "*tantara foronina*" sy ny mampiavaka azy amin'ireo asa soratra mirakitra tantara foronina hafa.

**FIZARANA FAHAROA : FANADIHADIANA NY
TANTARA FORONINA : ... *Fa velona indray***

Taorian'ny boky *Rehitra hambom-po* dia namoaka boky tantara foronina hoe ... *fa velona indray* ny mpanoratra. Nanana ny mampiavaka azy amin'ny boky tantara foronina izay nosoratan'i Eric Ravalisoa ity anaovanay fanadihadiana etoana ity.

Araka ny famaritana efa hita tany aloha, dia lahatsoratra tsy mirindra maneho fitantarana ny tantara foronina. Miorina ao anatin'ny toe-javatra toy ny : mpandray anjara, habaka, **fotoana ny zavatra tantaraina mba tsy hisavoandanitra. Hoy i BOURNEUF sy i QUELLET** raha milaza ny momba izany :

“ *Ny seho ao anatin'ny tantara foronina dia aorina ao anatin'ireto teo-javatra manaraka ireto : toerana, fotoana ary anjara asa*”²⁸.

Ireto avy àry ny hojerena ato amin'ity fizarana faharoa ity : ny momba ny boky ary ireo singa telo mandrafitra ny tantara foronina, dia ny mpandray anjara, ny habaka ary ny fotoana.

Ny mombamomba ny boky no hidirana voalohany.

2.1 Ny mombamomba ny boky

Boky manana ny mahaizy azy manokana ny ... *fa velona indray* na eo amin'ny endrika ivelany na eo amin'ny votoatiny.

2.1.1 Ny endrika ivelan'ny boky

Boky salantsalany, mirefy 20 sm ny halavany, 14,6 sm ny sakany ary 0,8 sm ny hateviny. Ahitana takila 144 ny ao anatiny. Manana ny mampiavaka azy ihany koa izy raha ny fonony no jerena.

²⁸ (R) BOURNEUF, (R) QUELLET, *L'univers du roman*, 4^e édition, Vendôme, P.V.F, Janv 1985 : « *Une scène dans un roman est soumise à des principes d'unité-lieu, temps, action ...* » tak61

2.1.1.1 Ny fonony

Miloko mavokely matroka sy mavokely tanora, atao anaty telozoro maromaro, sisinin'ny loko fotsy ny fonon'ny boky. Eny ambony indrindra ny sokajina literatiora an-tsoratra misy azy ; eo ampovoany ny lohatenin'ny boky, natao anaty faritra fotsifotsy. Eny amin'ny farany ambany no mipetraka ny anaran'ny mpanoratra.

Ho an'ny fonon'ny boky any aoriana indray dia miloko fotsy ny roa ampahatelony ary mavokely matroka ny iray ampahatelony. Ny sarin'ny mpanoratra no mibahana amin'ilay faritra fotsy ary ampahana teny taterina ao amin'ny boky, hita ao amin'ny takila 139 ny eo ambaniny.

2.1.1.2 Ny ao anatin'ny

Ny takila voalohany ao anatin'ny dia maneho ny soratra hita eo amin'ny fonon'ny boky ivelany, anoloana ary miloko fotsy sy mainty. Ny sokajina literatiora an-tsoratra misy ny boky no eny ambony indrindra.

Ny lohatenin'ny boky kosa no mibahana ny faritra afovoany ary eny amin'ny farany ambany no mipetraka ny anaran'ny mpanoratra sy ny edisiôna namoaka azy.

Ny “teny fanolorana” izay nataon'Andriamatoa **ANDRIAMANATSILAVO Seth**, mampianatra – mpikaroka, ao amin'ny “Ecole Normale Supérieure”, Oniversiten'Antananarivo, no ao amin'ny takila manaraka. Ao aorian'ny takila roa voalaza tetsy aloha vao tena manomboka ny fitantarana ny fiainan'i Miaro, izay mpandray anjara fototra ato anatin'ity ... *fa velona indray ity*.

Andeha hodinganina ireo takila maro mirakitra ny fitantarana, avy hatrany dia ny any amin'ny faramparan'ny boky no hojerena. Ao amin'ny takila faha 144 no mipetraka ny momba ireo asa soratry ny mpanoratra, amin'ny ankapobeny, dia ny efa nivoaka sy ireo asa soratra nahazo loka ary koa ny tantara an'onjam-peo voasoratra sy ny anaran'ny mpanoratra feno.

Tantara foronina

... *fa velona indray*

Eric Ravalisoa



Arakaraka ny mahalalina ny fahoriana, no mahajamba ny maso sy mahafohy ny fisainana. Fa ny fahoriana amam - pahantrana, manery ny eritreritra tsy hibanjina afa tsy ny tena irery.

Eo ambanin'ireo rehetra ireo ny adiresin'ny mpanoratra sy ny edisiôna namoaka ny boky.

Ny takila manaraka kosa dia ahitana toy izao : “AHITSIO NY DISO ATO AMIN'ITY BOKY ITY”, hita amin'izany ny pejy, ny andalana, ny diso ary ny marina amin'ireo teny diso ireo.

Rehefa avy notanisaina ny endriky ny boky ... *fa velona indray* dia hojerena avy hatrany ny votoatin'ny tantara.

2.1.2 Ny votoatiny

Ny firafitry ny tantara amin'ny ankapobeny sy ny famintinana ny tantara no horesahina ato amin'ity votoany ity.

2.1.2.1 Ny firafitry ny tantara amin'ny ankapobeny

I Miaro tovolahy diso fanantenana noho ny finoana izay nananany no tantaraina ato amin'ny ... *fa velona indray*. Takila 143 no nanomezan'ny mpanoratra aina ny tantara. Mizara dimy lehibe izany .

Fizarana	LOHATENY	Toko ao anatiny	Takila misy azy
I	Voaloham-pitia	1	07 – 12
		2	13 – 18
		3	19 – 26
		4	27 – 33
II	Voaloham-pankahalana	1	34 – 39
		2	40 – 45
		3	46 – 51
		4	52 – 60
III	Voaloham-pahasambarana	1	61 – 67
		2	68 – 75
		3	76 – 82
		4	83 – 91
IV	Voalohan-kizo	1	92 – 98
		2	99 – 105
		3	106 – 112
		4	113 – 120
V	Voaloha-mandrakizay	1	121 – 127
		2	128 – 133
		3	134 – 140
		4	141 – 142

Fafana 04 : Fizarana sy toko ao amin'ny ... *fa velona indray*

2.1.2.2 Ny famintinana ny tantara amin'ny ankapobeny

Zazalahy hafa amin'ireo zanaky ny ray aman-dreniny i Miaro izay mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara. Vao kely izy dia efa nisahiranana fatratra mba ho velona sy salama. Na dia mpamboly aza ireo nahitany masoandro dia nataon'izy ireo izay nahatafita azy teo amin'ny fianarana. Tsy nionona tamin'ny sekoly nisy teo ambanivohitra i Miaro fa mbola nandranto hatrany Iarivo. Nahavita taona faharoa teny Ambohitsaina izy no nijanona vokatry ny fahasahiranana. Maty tampoka ny rainy ka voatery hitady asa i Miaro ho fanampiana ny fianakaviany. Tao amin'ny rahalahin-drainy izy no nipetraka fony izy teto Iarivo. Tafiditra niasa izy taoriana kelin'izay. Tsy tantin'ny nenitoany ny fipetrahany tao an-tokatranony ka nataony izay nandroahana azy tamin'ny fomba an-kolaka. Tsy nanaiky ny hialan'i Miaro ao aminy kosa anefa ny rahalahin-drainy raha tsy manambady izy. Voataiza tao anatin'ny finoana kristianina i Miaro ka nohajainy fatratra izany finoany izany. Tojo an'i Felana izy rehefa nataon'ny dadatoany ny fifankahalalan'izy ireo. Toa nifandray ho azy ny fitiavana ary tonga hatrany amin'ny fanatanterahana ny fanambadiana tsy ho ela. Hitan'i Miaro amin'izay ilay *“voaloam-pitia”* izay nokatsahiny hatry ny ela.

Vita soa ny fanambadian'i Miaro sy i Felana. Faly sy ravo ny fianakaviana. Diso fanantenana anefa i Miaro noho ity vadiny tsy madio intsony. Teraka tao anatin'ny *“voaloham-pankahalana”* an'i Felana vokatry'izany. Notantarain'ny vavy ny lasany nahatonga azy ho toy izao, izay tsy faniriany akory fa vokatry ny hasomparan'ny sasany. Tsy nahoan'i Miaro izany satria nanantena ny hisantatra hamamiana tsy voaloto izy. Nataon'i Miaro hatrany izay handehanan'i Felana fa tsy nahomby izany. Hany heriny dia nikasi-tànana ka voatery nitsoaka i Felana. Faly i Miaro nanomboka teo ary nanao ireo karazana ditra rehetra mba hanadinoany ny fitaka izay natao azy.

Toa tsapan'i Miaro fa mila olona hiara-dàlana aminy izy ka nikatsaka izany. I Mendrika no nofidiny. Nifankatia tokoa izy ireo na dia mbola mpianatra aza ravehivavy. Izao vao tena *“voaloham-pahasambarana”* hoy i Miaro. Roa volana sy tapany no niarahan'izy ireo dia nitoe-jaza i Mendrika. Voatery nampanantsoin'ireo

ho rafozany i Miaro mba hifampidinika ny amin'ny fanaovana ny raharaha. Tapaka araka izany fa hatao ao anatin'ny iray volana na dia tsotsotra ihany aza.

Nanakana an'i Miaro tsy hiroso amin'ny fampankarana an'i Mendrika ny fisian'i Felana izay vady mariaziny. Niezaka nangataka andro tamin'ireo ray aman-drenin'i Mendrika i Miaro saingy tsy nahomby izany. Ela niandrasana izy ireo ka leo ny fangatahana andro lava. Ny nampidirana an'i Miaro any am-ponja no hany vahaolana ho azy ireo. I Mendrika raha teo mbola tsy feno taona. Nisedra “*voalohan-kizo*” i Miaro vokatr'izany. Rehefa vita ny fitsarana dia telo taona an-tranomaizina ny sazy miandry azy.

Nisy fotoana narary i Miaro fony izy tany am-ponja ka nalefa notsaboina teny amin'ny hôpitaly. Nihaona tamin'i Mamy sakaizany fahizay izy teny. Rehefa nitombo fahasalamana kosa anefa dia naverina teny am-ponja indray. I Felana vadiny no hany olon-tokana namangy azy taty aoriana. Tsy tanam-polo izy tamin'izany fa nivimbina izay azony nentina hatrany mba hanohanana an'i Miaro vadiny. Nivoaka ny fonja i Miaro rehefa tapitra ny saziny. Tsy namela azy ho irery mihitsy i Felana na dia teo aza ny hadisoana nataony. Niandry ny fivoahany mba hamonjy ilay tokantrano efa nanaovan'izy roa voady : “*voaloha-mandrakizay*” teo anoloan'Andriamanitra sy ny fiarahamonina. Toa tsapan'i Miaro ho mitsoka aminy indray ilay rivo-pahafahana tsy azony hatramin'izay. Otrik'afo namelona ny fifankatiavan'izy ireo ny sedra izay tsy maintsy nolalovana.

2.2 Ireo singa samihafa mandrafitra ny tantara foronina.

Fomba iray ahafahana nijery akaiky ny votoatin'ny asa soratra ny fikirakirana ireo singa samihafa mandrafitra azy. Hoy **ANDRIANIAINA Parson** raha milaza ny mikasika izany :

“Mazàna dia hevitra raketin'ny literatiora, na ny vontoahtiny no mahamaika ny olona eo amin'ny fanadihadiana. Tsara homarihina anefa fa

*manampy be dia be amin'ny fanakarana ny hevitra tian'ny mpanoratra hambara ny fandinihana ny endrika ivelan'ny literatiora*²⁹.

Toko telo mahamasa-nahandro, tsy azo hadinoina ao anatin'ny lahatsoratra mirakitra fitantarana ny mpandray anjara izay manome aina ny tantara, sy ny habaka ivelaran'ny tantara, ary ny fotoana anorenana azy. Nandeha ila ny tantara raha sendra ka tsy ao ny iray amin'ireo, ary raha handinika tantara dia tokony hojerena tsirairay ny mikasika azy ireo.

Ny mpandray anjara no horeshahina voalohany, vao ny toerana sy ny fotoana.

2.2.1 Ny mpandray anjara

Mialoha ny tena hanasokajiana ny mpandray anjara ao amin'ny ... *fa velona indray*, dia hofantarina aloha ny mampiavaka azy amin'ny “mpanoratra” sy ny “mpitantara”.

2.2.1.1 Ny mpanoratra

Ireto misy mpanoratra vitsivitsy azo anaovana sinton-kevitra :

- Ho an'i **Robert ESCARPIT** :

*“Ny famaritana ny atao hoe mpanoratra, dia olona mpanoratra boky”*³⁰.

- I **Yves REUTER** kosa dia manambara fa :

*“Ny mpanoratra dia ilay olona tena misy na efa nisy, olombelona nofo sy ra, miaina miaraka amintsika eto amin'ity tontolo misy antsika ity”*³¹.

- Toy izao kosa ny hevitr'i **François MAURIAC** :

²⁹ (P) ANDRIANIAINA, *Ny fiheveran'i Lisy Hary ny fitiavana tarafina amin'ny sombintantara nosoratana tao amin'ny gazety maresaka*, Mémoire de C.A.P.E.N., 1993, tak18

³⁰ (R) ESCARPIT, *Sociologie de la littérature*, coll. Que sais-je ? N° 777, P.U.F, Paris, 1964, Tak29 : « Une définition mécanique de l'écrivain : l'homme qui a écrit un livre ».

³¹ (Y) REUTER, *Introduction à l'analyse du roman*, Bordas, Paris, 1991, tak36 : « L'écrivain est celui qui existe ou a existé, en chair et en os, dans notre monde ».

“Ny mpanoratra tantara foronina, araka ny famaritana, dia ilay olona mahazo an-tsaina ireo fifanoherana samihafa ka mampifandona izany eo amin’ny fiainan’ny mpandray anjara samihafa”³².

Ny mpanoratra izany, araka ireo hevitra ireo dia : olona tahaka ny rehetra, miaina eo anivon’ny fiarahamonina, maneho ny fahaizany amin’ny alalan’ny fanoratana azy mampiaiina ireo mpandray anjara ao amin’ny tantara izay soratany. Manana fahaizana manokana izy amin’ny fanehoana hevitra araka ny tiany hampitaina.

2.2.1.2 Ny mpitantara

Manana ny mampiavaka azy ihany koa ny mpitantara, araka ny hevitr’ireto mpandinika ireto :

- Hoy i **Yves REUTER** :

“Ny mpitantara dia olona iray mpitatitra ny zava-nitranga ao anatin’ny tantara, saingy tsy misy izy ankoatra ny ao anatin’ny lahatsoratra”³³.

- I **TODOROV** dia milaza fa :

“Anjaran’ny mpitantara ny mamahavaha sy mitanisa ny foto-pisainan’ireo mpandray anjara tsirairay avy. Izy no misafidy ny fomba hilazany izany, na hataony teny taterina mivantana, na hanambarany araka ny fehezanteny manokana”³⁴.

- Toa izao kosa no hita tao amin’ny Internet, Encarta 2005, **Encyclopédie Microsoft** :

³² (F) MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, Coll. Livre de Poche, Paris, 1972, tak8 : « Un romancier, par définition même, est quelqu’un qui prend conscience des conflits et oppose des des personnages les uns aux autres ».

³³ (Y) REUTER, op cit, tak36 : « Le narrateur est celui qui semble raconter l’histoire à l’intérieur du livre, mais n’existe qu’en mots dans le texte ».

³⁴ (T) TODOROV, *Poétique*, Coll. Points, Ed. du Seuil, Paris, 1968, tak64 : « C’est le narrateur qui simule ou relève les pensées des personnages. [] c’est lui qui choisit le discours directe et le discours transporté ».

“ Ny mpitantara, mifanohitra amin’ny mpanoratra, dia tsy olona tena misy : namboarina hitazona ny anjara asan’ny mpitatitra fotsiny ihany”³⁵.

Araka izany, mety ho olona hafa tsy tafiditra ao anatin’ny tantara mihitsy no miandraikitra ny fitantarana. Manjohy sy manara-maso ny fihetsiky ny mpandray anjara tsirairay no tena antony.

Tsara marihina anefa fa misy sady mpandray anjara no mpitantara ao amin’ny tantara : mety ho mpandray anjara fototra, mety ho mpanampy, ary mety ho ravaka mpitazana fotsiny ihany koa.

Ato amin’ity ... *fa velona indray* ity izao, dia i Eric Ravalisoa no mpanoratra, fa i Miaro kosa no mpandray anjara fototra sady mpitantara. Manaporofa izany ny fitantaran’i Miaro ny fiainany eo amin’ny fiandohan’ny tantara sy ny fiafarany manao hoe :

“[] Vao nigadona teto an-tany, hono, aho dia efa nisahiranana ... fa ora roa taorian’ny nahalatsahako aho vao nitomany ... Nisy aina vao nisovoka tany anatiko, teo am-panarenana ahy”³⁶.

2.2.1.3 Ireo mpandray anjara

Singa iray maha tantara foronina ny tantara foronina ny mpandray anjara. Izy ireo no fototra iankinan’ny fizotry ny tantara amin’ny ankapobeny.

Araka izany :

“Mitazona andraikitra lehibe amin’ny fandrindrana ny tantara ny mpandray anjara. Izy ireo no mamolavola ny hetsika rehetra ao anatin’ny tantara, iharan’ny zava-mitranga ao, mampifandray ireo trangan-javatra samihafa ao anatin’ny, ary mampisy dikany ireny trangan-javatra ireny. Azo ambara aza fa ny tantara rehetra dia tantaram-piainan’ny mpandray anjara avokoa”³⁷.

³⁵ Internet, Encarta 2005, Encyclopédie Microsoft

³⁶ (E) RAVALISOA, ... *fa velona indray*, Ed. Eric Ravalisoa, Antananarivo, 2009, tak7 sy 143.

³⁷ (Y) REUTER, op cit, tak50 : « *Les personnages ont un rôle essentiels dans l’organisation des histoires. Ils déterminent les actions, les subissent, les relient et leurs donnent sens. D’une certaine façon toute histoire est histoire des personnages* ».

I *François MAURIAC* dia milaza fa : maka endrik’olona tanteraka ny mpandray anjara, saingy tsy olombelona nofo aman-dra fa olona namboarina sy noforonina ihany³⁸. Midika izany fa ny mpandray anjara dia olona foronin’ny mpanoratra hampiana ny tantara. Ao anatin’ny tantara ihany no isehoan’ny maha olona azy, saingy ataon’ny mpanoratra toy ny olona tena izy.

Misy karazany telo miavaka tsara ny mpandray anjara ao amin’ny tantara foronina, miankina amin’ny anjara toerana tazoniny avy : ny mpandray anjara fototra, ny mpandray anjara mpanampy ary ny mpandray anjara ravaka.

- a) – Ny mpandray anjara fototra : mety ho olon-tokana na maromaro saingy olona ifotoran’ny tantara. Manamafy izany i **Goldenstein** :

*“Ny mpandray anjara fototra ao amin’ny tantara foronina no ifotoran’ireny teo-javatra tantaraina ireny”*³⁹.

Ao amin’ny boky ... *fa velona indray* dia i Miaro no mpandray anjara fototra. Nomen’ny mpiara-mianatra aminy anaram-bositra hoe : “pasitera” izy. Tovolahy eo anivon’ny hatanorana, saingy misedra olam-piainana maro samihafa. Ahitana izany ny voalaza ao amin’ny tak10 :

*“Nanombana ahy ho mpitoka-monina ireo niara-nihira tamiko. Pasitera, hoy ny sasany”*⁴⁰.

- b) – Ny mpandray anjara mpanampy : olona maromaro amin’ny ankapobeny, olona mifandray amin’ny mpandray anjara fototra. Izy ireo dia mandray anjara feno ao amin’ny tantara. Misy ny mpametraka olana ary misy ny mpamaha olana. Izany hoe, nisy misakana ny mpandray anjara mba tsy hahatonga azy amin’ny tanjona iriny ary misy ihany koa anefa ny manampy azy mba hahatongavana amin’ily zavatra kendreny

³⁸ (F) MAURIAC, op cit, tak 154-155 : « *Les personnages romanesques forment une humanité ui n’est pas une humanité de chair et d’os, mais qui en est une image transposée et stylisée* ».

³⁹ GOLDENSTEIN, *Pour lire le roman*, ed. J Duculot, Paris, Gembleoux, 1983, tak44 : « *Le héros ou héroïne, de roman représente celui à qui l’aventure narée, est arrivée* ».

⁴⁰ (E) Ravalisoa, op it, tak10

Hoy i *François MAURIAC* :

“Ny mpandray anjara mpanampy dia olona mpindrana mivantana ny sarin’ny fiainana”⁴¹.

Ao anatin’ny ... *fa velona indray* dia maro tokoa ny mpandray anjara manampy. Ireto avy izy ireo : dadatoan’i Miaro, nenitoan’i Miaro, Ramahefason (dadatoany), nenitoan’i Miaro, Mamy, Setra, Felana (mpiara-mianatra amin’i Miaro), Felana (vadiny), Randria, Mendrika, rain’i Mendrika, renin’i Mendrika.


- d) – Ny mpandray anjara ravaka : izy ireo indray dia natao handravaka ny tantara. Izany hoe, natao ho ravaka hanaingoana ny fitantarana. Tsy voatery hisy ifandraisany amin’ny mpandray anjara fototra ny mpandray anjara ravaka. Indreto ny hita ao amin’ny boky : ireo iray tampo amin’i Miaro, ny mpiaramonina any ambanivohitra, ireo zana-drahalahin’ny rain’i Miaro, dadatoan’i Setra izay mpampiasa an’i Miaro tany amin’ny “Lycée”, ireo tovovavy roa niara-nikorana tamin’i Miaro sy i Mamy, ireo olona mpandalo eny an-dàlana, Rajao, fianakaviana rehetra, ireo mpiray voafonja, ny mpiambina, dokotera, mpamangy marary, Ramino, pôlisy. Tahaka izao raha aseho ao anaty fafana ny mpandray anjara rehetra hita tetsy aloha :

⁴¹ (F) MAURIAC, op cit, tak88, « ..., les personnages de second plan sont ceux qui ont été imprimés à la vie directement ».

Mpanoratra	Eric Ravalisoa
Mpitantara	i Miaro
Mpandray anjara fototra	i Miaro na i pasitera
Mpandray anjara mpanampy	Dadan'i Miaro, nenitoan'i Miaro, Ramahefason, nenitoan'i Miaro, Mamy, Setra, Felana, Felana (vadin'i Miaro), Randria, Mendrika, rain'i Mendrika, renin'i Mendrika
Mpandray anjara ravaka	<ul style="list-style-type: none"> • ireo iray tampo amin'i Miaro • ny mpiara-monina any ambanivohitra • ireo zana-drahalahin'ny rain'i Miaro • dadatoan'i Setra, naman'i Miaro • ireo mpiasa ao amin'ny garazy • ireo mpiara-mianatra amin'i Miaro • ireo tovovavy roa naman'i Mamy sy i Miaro • ireo olona mpandalo eny an-dàlana • Rajao sy ny fianakaviana rehetra • ny mpiray tanàna any ambanivohitra • ireo mpiambina • dokotera • mpamangy marary • Ramino • Pôlisy

Fafana 05 : Ireo mpandray anjara ao amin'ny ... *fa velona indray*

Toy izao ny tetiarana, miainga amin'ny mpandray anjara fototra, raha atao kisary :



Kisary 01 : Tetiarana mikasika ny fifandraisan'i Miaro amin'ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara

Fanazavana sary :

01 : Miaro, “ego”

02 : Felana, vadin'i Miaro

03, 04, 05, 06, 07 : ireo zana-drahalahin'ny rain'i Miaro

08 : Mendrika, olon-tian'i Miaro

09, 10, 11, 12 : iray tampo amin'i Miaro

13 sy 14 : ray aman-drenin'i Mendrika

15 : rain'i Miaro efa maty

16 : renin'i Miaro

17 sy 18 : ray aman-drenin'i Felana sy rafozan'i Miaro

19 sy 20 : Ramahefason sy ny vadiny, dadatoa sy nenitoan'i Miaro

21 sy 22 : raibe sy reniben'i Miaro, samy efa maty

⋮ : fiarahana tsy tanteraka hatramin'ny farany

┌ : mpivady

△ : lahy

○ : vavy

Fampitana hafatra ny literatiora. Amin'ny ankapobeny dia atafin'ny mpanoratra amin'ireo mpandray anjara ny toetra tokony hananana na mila fanovana ka tiany hampitaina amin'ny mpamaky. Anjaran'ny mpamaky tsirairay ny misintonkevitra ao amin'ny tantara. Azo atao fenitra ny fiainan'ny mpandray anjara raha tsara na mety ny ataony. Anatsoahana anatra kosa raha mifanohitra amin'izany, araka ny voalazan'i **F. MAURIAC** hoe :

Noforonina ireny mpandray anjara ireny mba hanatsoahana lesona eo amin'ny fiainana⁴². Hojerena manaraka ny mikasika ny mpandray anjara asa.

2.2.1.4 Fitarafana ny tantara araka ny mpandray anjara asa na “actant” na ny “schéma actanciel”

Ny “schéma actanciel” dia kisary maneho ireo mpandray anjara rehetra ao anaty tantara, miaraka amin'ny anjara asany avy, amin'ny ankapobeny.

Ny mpandray anjara fototra sy mpanampy no tena ho hita ao, mety ho olona na zavatra tsy miaina na tsy olona izy ireo.

Noho ny mpandray anjara ravaka tsy mandray anjara fitenenana sy tsy maneho hetsika ao anatin'ny tantara dia tsy hita ato izany.

Misy enina ny anjara asa ary mitsinjara toy izao :

1 – Ny “destinateur” : na mpaniraka, mpisintona, izay mety ho olona na tsy olona, miantefa na misarika ny “sujet”.

2 – Ny “objet” : na tanjona dia matetika zavatra na toe-javatra na olona

3 – Ny “destinataire” : na ny tolora dia mety ho olona na zavatra

4 – Ny “adjuvant” : na hery mpanosika dia mety ho olona na tsy olona, ary manampy ny “sujet”.


5 – Ny “sujet” : na ny tompon'ny hetsika dia izay ivondronan'ny zava-misy rehetra izay matetika dia olona.

⁴² (F) MAURIAC, op cit, tak195 : « *les personnages qu'ils (romanciers) inventent ne sont nullement créés, si la création consiste à faire quelque chose de rien* ».

6 – Ny “opposant” : na hery mpanohitra dia mety ho olona na tsy olona, ary misakana ny “sujet” mba tsy hahazo izay iriny.


Ireo anjara asa enina ireo ihany koa matetika no antsoina hoe mpandray anjara asa fototra. Ary azo ampiharina amin’ny karazan’asa soratra rehetra izay miraikitra fitantarana io kisary etsy ambany io⁴³.

⁴³ GOLDENSTEIN, *Pour lire le roman* : « *Ce schéma, primitive pensé en fonction des manifestations mythiques seulement (...) on puisse l’appliquer (...) au discours narratif « littérature »* » tak59




Kisary 02 : Ny fifandraisan'ny tompon'anjara asa ao amin'ny tantara

Raha hampiarahina amin'ny boky ... *fa velona indray* io kisary io dia tahaka izao manaraka izao : hanasongadinana ny fiainan'i Miaro fony izy nianatra aloha, ary faharoa rehefa niasa izy.



Kisary 03 : Ny fiainan'i Miaro fony izy nianatra



Kisary 04 : Ny fiainany fony izy niasa

Fanazavana kisary

Raha ny fizotran'ny fiainan'i Miaro , fony izy nianatra no jerena, dia azo lazaina fa nihoarany ny rainy ary efa nanakaiky ny tanjona izy no tojo olana. Nitozo hatrany izy tamin'ny fianarana, nanampy azy ny fianakaviany, teo ihany koa ny finoana izay ananany. Noho ny zava-misy izay tsy niankina taminy dia tsy tratrany hatramin'ny farany ilay tanjona nokendreny, satria maty ny rainy. Vokatry izany dia sahirana ny fianakaviana ary voatery nijanona tamin'ny fianarana izay vitany tamin'io fotoana io i Miaro.


Raha ny fiainan'i Miaro fony izy niasa indray no hazavaina dia manana tanjona roa izy ; ny hiadana, ary ny faharoa ny ho sambatra ao antokantranony : ... *fa velona indray* no natao lohatenin'ity boky ity, mba hanehoana ilay fahaveloman'i Miaro indray tamin'ny fahadisoam-panantenany. Tsy ho azy irery ihany anefa fa ho an'izy mivady mihitsy izay nisedra olana ka tafiaraka indray avy eo.

Raha izay ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara asa, ndeha hirosoana indray ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny fizotrany.

2.2.1.5 Firafitry ny tantara tarafina amin'ny fizotrany


Amin'ity fizarana ity no hahafahatarana ny fizotran'ny tantara manomboka tany am-piandohana ka hatramin'ny fiafarany. Ny fivoaran'ny fiainan'ny mpandray anjara fototra no tena resahina etoana.

Tahaka izao ny fanehoana azy an-tsary :




Kisary 05 : Ny mety ho fivoaran'ny tantara

Manomboka amin'ny "0" ny toe-javatra niainan'ny mpandray anjara fototra. Raha mihatsara izany, dia misondrotra "1" hatrany. Raha miharatsy kosa indray, dia ambaratonga "-1" no misy azy ary mety hitotongana araka ny zava-misy. Ohatr'izany hatrany hatrany ny kisary, araka ny fiainan'ny mpandray anjara fototra. Toa izao ny kisary maneho izany, araka ny lalan-tsain'i **Claude BREMOND** :



Azo atao mizara telo ny zotram-piainan'i Miaro amin'ity fizarana ity :


- ny fiainany fony izy nianatra
- ny fiainany fony izy niasa ka mipetraka tao amin'ny dadatoany
- ny fiainany taorian'ny fanambadiany



Kisarary 06 : Ny fiainan' i Miaro fony izy nianatra


Maneho ny sarin'ny fiainana ny kisary hita etoana. Misy ny tsara ary ifandimbiasan'ny ratsy izany. Niezaka hatrany i Miaro mba hanatratra ny tanjona ambony kokoa teo amin'ny fiainany saingy nitotongana izany noho ny fahoriana nihatra tamin'izy mianakavy. Voatery nionona tamin'izay vitany hatreo i Miaro, satria *“natao ho fanamboarana ny olombelona ny fahoriana, fa tsy natao ho fanimbana azy akory, raha mahay mandray azy amin'ny saina hendry izy”*⁴⁴.

⁴⁴ RAFANOHARANA, *Ilay Veromanitra*, tak33



Kisary 07 : Ny fiainany fony izy niasa ka nipetraka tao amin'ny dadatoany

Tsy afa-nanohy ny fianarany i Miaro ka voatery niasa. Tsy nokoboniny ho azy irery ny fahasoavana azony fa nentiny nanampiana ny hafa. Tsy niakatra araka ny niriany ny zotram-piainany noho ny fisian'ny nenintoany izay nikasa ny handroaka azy. Ny fanambadiana no tsy maintsy tanterahina mba hananany fiainana manokana. Tsy mbola nieritreritra ny momba izany anefa izy teo. Nampisondrotra ny zotram-piainany ny fahitana an'i Felana. Toa tsapany fa izy no ho ravaky ny tokantranony ka nikasa ny hanatanteraka ny raharaha.



Kisary 08 : Ny fiainan'i Miaro taorian'ny fanambadiany

Vita ny fanamasinana ny fanambadian'i Miaro sy i Felana. Nihevitra ity voalohany fa hiakatra hatrany amin'izay ny fiainany kinanjo vao mainka nitotongana hatrany. Nataony izay handehanan'i Felana. Nosolony an'i Mendrika ity vadiny. Mbola tojo olana hatrany ary nidina hatrany amin'ny “-3” ka ny fonja no lasa solon-tranony. Maneho ny sarin'ny fiainana izay iainan'ny olombelona ny zavatra iainan'i Miaro. Tsy nijanona tamin'ny ambany teo fa niakatra hatrany indray ary tafaverina amin'ny lamina niandohany indray ny tokantranony.

2.2.2 Ny habaka

Manana safidy amin'ny toerana izay asehony ao amin'ny tantara soratany ny mpanoratra tsirairay. Samy manana ny tetika hanehoany azy ireny izy ireo mba hoentina manintona ny mpamaky. Amin'ny ankapobeny dia toerana efa niainan'ny mpanoratra no lazainy ao anatin'ny asa sorany, ary vinavinainy fa hain'ny mpamaky ihany koa. Miankina amin'ny fahaizan'ny mpanoratra maneho ireny toerana ireny no mahatonga ny mpamaky ho voasarika. Manana ny heviny maro ny habaka ao amin'ny tantara foronina, ary indraindray dia azo amaritana ny mahaizy azy ny tantara foronina iray izany. Araka ny nambaran'i *Emilson Daniel ANDRIAMALALA*, dia mitovy ny angano sy ny tantara foronina raha apetraky ny mpanoratra any amin'ny toerana tsy misy, ny tantara. Hoy izy : *“Ohatra angaha misy olona manao tantara ka any amin'ny tany tsy fantatra any no ametrahany ny zavatra tantarainy (...)* ; *dia izay angaha no atao hoe savoan-danitra, ka na dia tantara foronina aza dia tsy hitako izay maha tantara azy fa karazana angano”*⁴⁵.

Ireto avy no azo resahina raha hitsikera ny habaka ao amin'ny ... *fa velona indray* : ny toerana nisy ny mpanoratra teo am-panoratana ny tantara, ny toerana misy ny mpamaky tolora ny tantara, ny toerana ao amin'ny vontoa'ny tantara, ny toetoetry ny habaka ary ny teknikan'ny fanoritsoritana ny habaka.

⁴⁵ - Resadresaka nifanaovan-dRamatoa *David ANDRIAMIHARISOA* sy *Emilson Daniel ANDRIAMALALA*, notanisain-dRATREMA William, Rafi-pisainana iorenana sy aorin'ny asa soratr 'i *Emilson Daniel ANDRIAMALALA*, Librairie – Mixte, Antananarivo, 1983, tak188 -

2.2.2.1 Ny toerana nisy ny mpanoratra teo am-panoratana ny tantara.

Azo heverina fa toerana fantatry ny mpanoratra avokoa ny toerana ao amin'ny boky. Tsy mahagaga izany, satria mponin'Antananarivo ny mpanoratra amin'izao fotoana izao, ary efa tao anatin'ny taona maro izany.

Azo antoka fa teto Antananarivo i Eric Ravalisoa no nanoratra ny ... *fa velona indray*.

Manaporofa izany ny fomba fanoratany, rehefa namarana ny tantara ary rehefa manondro ny toerana eto Antananarivo izy dia mampiasa ny mpisolo manondro toerana hita maso, toy ny : aty, eny, teny, ...

Araka ny hita ao amin'ny :

- tak 11 : “*Goavana izany hoe : hianatra aty Iarivo vantany vao afa-panadinana*”.
- tak 19 : “*Malaza ho mpianatra eny amin'ny sekoly ambaratonga ambony aho*”.
- tak 21 : “*Nitambotsitra teo an-tokonana i Dada (...) Voatery nentina teny amin'ny hôpitalany teo no ho eo*”.

Araka ny fantatra ihany koa, dia eny amin'ny 67ha andrefana no misy ny trano fonenan'i Eric Ravalisoa. Eto Antananarivo renivohitra ihany koa izy, amin'ny ankapobeny no miasa, araka ny lalam-barotra hitany. Koa fantany tsara ny toerana manodidina sy ny eto an-drenivohitra. Teto ihany koa ny toerana nandianany ny fahatanorany, araka ny nambara tao amin'ny tantaram-piainany. Toy izao ny soratra nentiny namarana ny tantara. tak 143 : “**Tapitra**

Antananarivo, martsa 2005

Eric Ravalisoa”

2.2.2.2 Ny toerana misy ny mpamaky tolorana ny tantara

Azo heverina ho ny mpamaky eto Antananarivo ihany koa no tolorana ny tantara. Ireto no antony ahafahana milaza izany. Atolotry ny mpanoratra ireo toerana vitsivitsy eto Antananarivo ary avy eo soritsoritany ho azo sary an-tsaina ny toerana izay mbola eto Antananarivo ihany. Heverin'i Eric Ravalisoa izany fa mahafantatra amin'ny antsipiriany ireo toerana voalazany ny mpamaky. Ohatra amin'izany ireto : Ambohitsaina, Ambohidratrimo ary Antanimora, ...

- tak 28-29 : “..., *hianatra momba ny fitantanana eny Ambohitsaina*”.
- tak 73 : “*Nihazoz an’Ambohidratrimo izahay ... Vohitra tsy nosainina mialoha akory*”.
- tak 121 : “*Antanimora, fonja*”.

Rehefa milaza ny habaka ivezivezen'ny mpandray anjara ny mpanoratra dia manoritsoritra fotsiny ihany fa tsy milaza ny anaran-toerana mba haminanian'ny mpamaky ny habaka izay lazainy ary koa mba hahazoana sary an-tsaina.

2.2.2.3 Ny toerana ao amin'ny votoatin'ny tantara

Anisan'ny manampy amin'ny fahazoana ny hevitra ny fikirakirana ny toerana ao anatin'ny tantara. Amin'ny ankapobeny dia apetraky ny mpanoratra amina habaka tena misy izy ireny na namboariny avy amin'ny toerana efa hitany sy fantany tsara⁴⁶. I **François MAURIAC** dia nanambara fa : “*tsy misy tantara mety miforona mihitsy ao an-tsainy raha tsy apetrany amina toerana efa niainany*”⁴⁷. Hita taratra izany, araka ny efa nambara tany aloha, raha ampifandraisina amin'ny ... *fa velona indray* ny tantaram-piainan'ny mpanoratra. Eto Antananarivo sy ny manodidina avokoa ireo toerana tanisain'i Eric Ravalisoa ao. Toerana onenany mandraka ankehitriny, ka voafehiny tsara ny eto an-drenivohitra. Raha atsitoko dia misy sokajy

⁴⁶ (F) MAURIAC, op cit, tak 89 : « *Le romancier choisit de situer action et personnages dans un espace réel ou à l'image de la réalité* ».

⁴⁷ - Ibid, tak 89 : « *Aucun drame ne peut commencer de vivre dans mon esprit si je ne le situe dans le lieux où j'ai toujours vécu* ».

roa ireo toerana ao amin'ity tantara foronina ity. Ao ireo toerana azo hamarinina ara-jeôgrafia. Ary misy kosa ireo toerana izay alaina sary an-tsaina ihany.

2.2.2.3.1 Ny toerana na habaka azo hamarinina

Ireto avy izy ireo :

- Iarivo : toerana nanohizan'i Miaro ny fianarany. Hita ao amin'ny tak11: ***“Iarivo nahalalako zava-marô tao anatin'ny fotoana fohy”***.
- Lycée teknika eny Alarobia : sekoly nianaran'i Miaro voalohany teto Iarivo. Tak26 : ***“Izaho, ilay nisafidy ny Lycée teknika eny Alarobia hovantanina”***.
- Ambohitsaina : toerana nianaran'i Miaro rehefa vita ny teny Alarobia. tak26 : ***“Hahahafa tamiko ny nandao ny fianarako, (...) Nampandeferiko Ambohitsaina”***.
- Mahajanga : toerana nipetrahan'i Ndriana, ilay zana-drahavavin'i nenitôa, nipetrahan'i Miaro. tak28 : ***“nitongilanan'ny vintana i Ndrina, ilay zana-drahavavin'i nenitôa tany Mahajanga”***.
- Ambihidratrimo : toerana nitsangatsanganan'i Miaro sy i Mendrika. tak73 : ***“Nihazô an'Ambohidratrimo izahay”***.
- Antanimora : toerana nanagadrana an'i Miaro. tak121 : ***“Antanimora, fonja”***.

2.2.2.3.2 Ireo toerana alaina sary an-tsaina

- Any ambanivohitra : nonenan'i Miaro fahiny niaraka tamin'ireo ray amandreniny sy ny iray tampo aminy. tak 19 : ***“Nitosaka tamiko ny vokatra kely tany ambanivohitra”***.
- Tao an-tanàna : toerana nonenan'i Miaro fahiny ary mbola hipetrahan'ireo fianakaviany. Tsy voafaritra mazava ny anarany. tak 19 : ***“Nampitombo voninahitra azy ireo ny fitantarany ahy tamin'ireo mponina tao an-tanàna”***.
- Ny toerana nandehanan'i Miaro tamin'ny andro nanantanterahana ny fanambadian'izy sy i Felana. Mbola tsy voafaritra mazava ihany koa saingy

tondroin'ny mpanoratra. tak 34 : “Avy any an-trano, ka hatrany am-piangonana. Eny, hatrany amin'ny fisakafoanana, nisaloran-tsiky avokoa ny fianakaviana”.

- Ny hôpitaly nitsaboana an'i Miaro. tak 121 : “Fa ny hôpitaly, fonja ihany koa : famatrarana ireo lany hery mikiry ny ho velona”.

2.2.2.4 Ireo singa iantefan'ny fanoritsoritana sy ny anjara asan'ny habaka

- Ny trano fonenan-dry dadatoa, izay nipetrahan'i Miaro teto Iarivo : ahitana fandriana malemitemy sy mivoatra kokoa noho ny hitan'i Miaro tany ambanivohitra. tak 7 sy tak 23 : “ Na tsotsotra ihany aza ato amin-dry dadatoa, misy tokoa ny fahasamihafana amin'ny tanàn-dehibe sy ambanivohitra. Izany fandriako e : (...) malemitemy mandrotsirotsy tsy hetsahina”.

➔ Maneho ny fari-piainana.

- Ny fandriana any ambanivohitra. tak 7 : “Izany fandriako e : (...) Tsy toy ny tany aminay : maozamaozatra mikitoantoana. Saika ho isa-minitra mihitsy no mihoatra, noho ny fanindrantsindron'ny bozaka any an-damosina any”.

➔ Taratry ny fahasahiranana teo amin'ny fianakavian-dry Miaro.

- Ny efitrano fianarana any ambanivohitra sy aty an-drenivohitra. tak 13 : “Na tsotsotra ihany aza ao am-pianarana, misy dia misy ny fahasamihafan'ny sekoly an-tanàn-dehibe sy ny eny ambanivohitra...Izany efitrano e! Malaladalaka mazavazava. (...) Tsy toy ny tany ambanivohitra : teritery maizimaizina”.

➔ Maneho ny zava-misy iainan'ny mpianatra amin'ny ankapobeny. Renivohitra : mandroso, ny eny ambanivohitra : mbola mila fanarenana samihafa ny sekoly.

- Ny trano fianarana teny Ambohitsaina sy ny birao fiasan'i Miaro. tak 26 : “Izany latabatra e! mivelabelatra mangirangirana. (...) teny Ambohitsaina : teritery manosika hanao baranahiny. Saika ho isa-minitra mihitsy no sorena, noho ny fanakorontanana ataon'ny hafa”.

➔ Nampahafantatra ny zava-misy iainan'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony, ao amin'ny trano fianarana.

➤ Ilay tovovavy mpivaro-tena niaraka tamin'i Miaro. tak 57-58 : ***“Zipo fohy mampiharihary ny feny tsara voatra sy mampidera foitra (...) Lava volo, ny endriny mampifilafila izay mijery azy (...) Laroany harika kely ny filanjalanjany ilay orona maranitra (...) Izy? Hisalotra ireo fitafiany manara-batana. Vatana mpihantsy ireo mpankamamy lalao”***.

➔ Misarika avy hatrany ny sain'ny mpamaky hiditra ao amin'ny tontolon'ny tantara ary nampahafantatra ny toetran'ilay mpivaro-tena.

➤ Trano figadrana. tak 113-114 : ***“Ny toerana onenana no manery hifankahalala. Rindrina mandifitra olona telo mifanao an-tsangory (...) olo-maro be eo an-tokotany kely”***.

➔ Tery ny toerana iainana ary manery ireo gadra.

➤ Ny fiainan'i Miaro teny amin'ny hôpitaly. tak 123 : ***“Izaho irery mantsy no marary vory hery aman-tanjaka ; tsy mankatoa fitsaboana, ahina hilefa, ka gejaina rojo vy. Aiza ka izay heverina hahasitrana, tsy mitehika ny milotro avokoa”***.

➔ Maneho ny zava-misy iainan'ny gadra marary eny amin'ny hôpitaly ka tsy misy mpikarakara.

2.2.2.5 Ny tekkinan'ny fanoritsoritana ny habaka

Ny tekkinan'ny mpaka sarimihetsika no tena mibahan-toerana, satria, manara-maso akaiky izay toerana misy na alehan'ny mpandray anjara fototra ny mpanoratra fa tsy mba mitazan-davitra. Ny mpitantara rahateo moa, sady mpitantara no mpandray anjara fototra, hany ka niaina izay zava-miseho rehetra. Ireto misy ohatra vitsivitsy maneho izany.

➤ Ny zava-nisy niainan'i Miaro fony izy avy niresaka tamin'ireo ray amandrenin'i Mendrika. tak 92 : ***“Nirepirepy aho teo am-pisarahany. Varavarana malalaka no nidirako, nefa dia varavarana ety no nivoahaka. (...) Saika tsy hitako hatramin'ny lalan-kivoahana. Nony teny ivelan'ny***

trano indray, dia nikomy tamiko avokoa izay nojereko. Ny olona nifanena amiko avy no toa milanjalanja loha avokoa. Ny fiarakodia moa dia tsy sasatra mampitatata ny anjomarany rehefa mba miampita iny aho”.

Mbola ahitana taratra ny maha izy azy ity mpanoratra ity ihany koa araka izany, ny fomba fikirakirany ny habaka ao amin’ny tantara. Fa ankoatra ireo dia tsy afa-misaraka amin’ny mpandray anjara sy ny habaka ihany koa ny fotoana, raha tsy izany dia handeha ila ny fitantarana ka tsy ho feno ny maha tantara ny tantara foronina. Manana ny fomba fikirakirany izany fotoana izany koa i Eric Ravalisoa.

2.2.3 Ny fotoana

Ao amin’ny tantara foronina, dia tsy azo sarahina mihitsy ny mpandray anjara, sy ny habaka ary ny fotoana. Samy manana ny toerana itrangany avokoa ny tranga rehetra ao amin’ny tantara. Voalazan’ny mpandinika fa ny literatiora, indrindra ny tantara foronina dia zava-kanto mivelatra amin’ny fotoana⁴⁸. Noho izany dia tsy maintsy jerena tahaka ny natao tao amin’ny habaka sy ny mpandray anjara ny momba ity fotoana ity. Misy karazany maromaro ny fotoana ao anatina tantara foronina, ka ireo no hoezahina hohadihadina etoana.

2.2.3.1 ny fotoana ivelany

Iray amin’ireo singa fototra mampiorina ny tantara foronina ny fotoana. Araka ny voalazan’i *Goldenstein* mantsy :

“Raha zava-kanton’ny habaka no jeren’ny olona ny hosodoko mazàna, ny tantara foronina kosa dia zava-kanton’ny fotoana”⁴⁹.

⁴⁸ (G) MICHAUD, *L’œuvre et ses techniques*, lib., Nizet, Paris, 1971, tak 129 : « *La littérature, singulièrement le roman, est un art de temps* ».

⁴⁹ Goldenstein, Op cit : « *on a souvent voulu avoir dans la peinture un art de l’espace, et dans le roman un art de temps* ». tak 103

Ny hojerena amin'ity fotoana ivelany ity àry, dia ny fotoanan'ny mpanoratra, ny fotoanan'ny mpamaky ary ny fotoanan'ny tantara.

2.2.3.1.1 Ny fotoanan'ny mpanoratra

Ny fahafantarana ny fotoana niainan'ny mpanoratra dia anisan'ny manampy amin'ny fahazoana mamantatra ny foto-kevitra avoitrany ao amin'ny tantara izay soratany. Azo lazaina fa vavolombelon'ny zava-misy ara-tantara, ny mpanoratra. Hita taratra ao amin'ny asa sorany, amin'ny ankapobeny, ny fotoana niainany. Hoy i Goldenstein raha mamahavaha io fotoana niainan'ny mpanoratra io :

“Tsy azo lavina fa misy fiantraikany amin'ny mpanoratra ny zava-misy sy ny fiantraikan'ny haisoratra amin'ny vanim-potoana iray, tsy azo lavina toa izany koa fa miovaova ny vanim-potoana nanoratany azy teo amin'ny fiainany : nandritra ny fahatanorany na tamin'ny faramparan'ny fiainany, ny asa soratry ny mpanoratra iray. Mety ho maharitra taona maro koa ny nanoratany asa soratra iray. Nanam-potoana niovaovana, araka izany, ny fomba fijerin'ny mpanoratra ny fiainana , ny lohahevitra ny boky nosoratany, ny fomba fanorany”⁵⁰.

Teraka tamin'ny taona 1967 i Eric Ravalisoa, araka ny nambara tao amin'ny fizarana voalohany. Fotoana taorian'ny nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovan-tena. Araka ny nambarany dia : *“enina ambin'ny folo volana ny fotoana namolavolana ny tantara ... fa velona indray ary efa-taona ny fotoana lany nanoratana azy”⁵¹*. Ny taona 2005 no vita tanteraka ny fanoratana ny boky, izany hoe, teo amin'ny faha 38 taonan'ny mpanoratra. Ny taona 2009 kosa ny tantara vao navoaka boky mba ho azon'ny rehetra vakina.

Azo lazaina fa tao anatin'ny fahamatorana tanteraka i Eric Ravalisoa ary koa afaka mandinika sy mamakafaka tsara ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-

⁵⁰ Goldenstein, Pour lire le roman, Ed. J. Duculo, Paris Gembloux, 1983 tak 104 : « *On admet sans peine l'influence qu'une époque donnée, qu'un monde littéraire exercent sur un écrivain aindi que les variations subies par les œuvres selon qu'elles sont écrites au début de la vie d'un romancier ou à la fin de son existence. La rédaction d'un ouvrage s'étend souvent sur plusieurs annés. Les conceptions que le romancier se fait de la vie, du sujet du livre qu'il compose, de l'écriture, ont amplement le temps de se modifier dans ces conditions* ».

⁵¹ Resadreska natao tamin'ny mpanoratra ny 20 aogositra 2011 tao an-tranony

monina. Manampy izany dia efa tao anatin'ny tokantrano ihany koa. Hita araka izany fa efa manana traikefa eo amin'ny lafiny fitiavana. Raha ny taonany no jerena tamin'izy nanoratra ny tantara dia azo lazaina fa olona efa matotra ary ao anatin'ny fahalalana tsara ny trangam-piarahamonina i Eric Ravalisoa. Toa asehony mivantana mihitsy ny fihetsiky ny tanora ankehitriny izay tsy dia miraharaha intsony, amin'ny ankapobeny, ny fampianarana ara-pinoana izay ambara aminy, ka toa izany mihitsy no nanetsika ny mpanoratra hamorona tantara miorina amin'izay ifotoran'ny fitiavan'olon-droa.

Raha izay ny fotoana niainan'ny mpanoratra, dia andeha hojerena indray ny fotoanan'ny mpamaky.

2.2.3.1.2 Ny fotoanan'ny mpamaky

Ny vanim-potoanan'ny mpamaky no ijerena ny asa soratra etoana. Ny maneho fa voarain'ny mpamaky ny asa soratra, dia ny fiparitahany eraky ny trano fivarotam-boky sy izay toerana natokana ho amin'izany. Manampy izany ny fitetezany vanim-potoana ka tsy mahalefy ny lazany. Natao ho an'ny olona rehetra ny asa soratra, amin'ny fotoana izay tiany hamakiana azy. Misy ihany anefa indraindray olona nokendren'ny mpanoratra manokana handray ny asa sorany⁵². I **Robert ESCARPIT** dia nilaza fa :

“Ny fisian'ny mpamaky no loharano miteraka ny famoronana”⁵³.

Mifanaraka tanteraka amin'ny vanim-potoanan'ny mpanoratra ny vanim-potoanan'ny mpamaky, raha ny ... *fa velona indray* manokana no jerena. Ny mpitondra fiangonana sy ireo mpanabe tanora ara-pinoana ary ny tanora ao anatin'ny sehatry ny fitiavana no mpamaky nokendren'i Eric Ravalisoa manokana handray ity tantara ity. Ny antony dia ny mba hahafantaran'izy ireo fa : “tsy ny

⁵² (J.P.) SARTRE, *Qu'est ce que la littérature.*, coll. Idées, Ed. Gallimard, Paris, 1948 : « *A première vue, cela ne fait pas de doute : on écrit pour le lecteur universel ; et nous avons vu, en effet, que l'exigence de l'écrivain s'adresse en principe à tous les hommes* ». tak 87

⁵³ (R) ESCARPIT, op cit, : « *Autrement dit, un public-interlocuteurs existe aux sources même de la création littéraire* ». tak 98

“virginité” akory no mampaharitra ny fiarahan’ny mpifankatia lahy sy vavy, fa ny fitiavana”⁵⁴.

Azo lazaina fa maneho ny zava-misy izay iainan’ny tanora ankehitriny ihany koa ity tantara ity raha ny zava-mitranga alohan’ny fanambadiana no jerena. Mety hanampy ireo ray aman-dreny amin’ny fanabeazana ny tanora izay hiditra amin’ny tokantrano. Hojerena manaraka indray ny fotoanan’ny tantara.

2.2.3.1.3 Ny fotoanan’ny tantara

Ny vanim-potoana ara-tantara nametrahan’ny mpanoratra ny tantara no ambara etoana. Manana ny safidiny ny mpanoratra tsirairay amin’izay fotoana anorenany ny tantara izay soratany. Araka izany dia misy ny mpanoratra tsy mba miresaka tantaram-pirenena mihitsy ao amin’ny asa sorany. Hoy mantsy i *Goldenstein* :

“Ny tantara dia mety ho nitranga tamin’ny vanim-potoana niainan’ny mpanoratra na tsia. Fa ny tena azo avahana amin’ny fomba hentitra, dia ireo tantara foronina miompana amin’ny tantaram-pirenena maneho tantara nitranga tany aloha be tany. Ny tantara foronina koa indraindray dia mety hitodika amin’ny ho avy izay vinavinain’ny saina tahaka ireo izay maneho teo-javatra mahatahotra na toe-javatra mety ho vokatry ny fandrosoana any aoriana any”⁵⁵.

Amin’ity boky ... *fa velona indray* ity, Eric Ravalisoa dia maneho fotoana ankehitriny amin’ny zavatra tantaraina. Izany hoe, vanim-potoana ankehitriny no nofidian’ny mpanoratra hametrahana ny tantara. Amin’ny ankapobeny dia ny tanora 2002-2012. te haneho ny maha izy azy ny tsirairay, indrindra fa ny tanora ; na eo amin’ny lafiny hevitra na ihany koa fitondran-tena.

⁵⁴ Resadresaka nifanaovana tamin’ny mpanoratra, tao an-tranony

⁵⁵ (J.P) Goldenstein, op cit, tak 105 : « *La fiction, quant à elle, peut se situer à l’époque contemporaine du romancier ou non. On distinguera nettement le roman historique qui met en scène un passé reculé. La roman se tourne également parfois vers un futur imaginaire comme dans le cas des œuvres fantastiques et d’anticipation* ».

Hita tetsy aloha ny momba ny fotoana ivelany, hojerena manaraka kosa indray ny mikasika ny fotoana anatin'ny.

2.2.3.2 Ny fotoana anatin'ny

Azo sokajiana ho roa ny fotoana anatin'ny : ny fotoana nivelaran'ny tantara na ny zavatra tantaraina (F.T), sy ny fotoanan'ny fitantarana (F.F).

2.2.3.2.1 Ny fotoana nivelaran'ny tantara F.T

Indraindray dia milaza daty mazava ny mpanoratra ao amin'ny asa sorany, indraindray koa anefa dia tsy avy hatrany dia milaza daty mazava ireny mpanoratra ireny fa fantarina amin'ny alalan'ireo zavatra nambarany ny mety ho fotoana nitrangan'ilay tantara⁵⁶.

Tsy dia manoritsoritra ny fotoana ny mpanoratra, izany hoe, tsy dia ampifandraisiny mivantana ao amin'ny tantara ny ora na ny andro sy ny volana ary ny taona lalovan'ireo mpandray anjara ireo, nefa ezahiny kosa ny haharahan'ny mpamaky ny zava-mitranga sy ny filaharan'ny hetsika rehetra ao amin'ny tantara.

Na dia tsy voasoritra mazava ao amin'ny ... *fa velona indray* aza ny taonan'i Miaro izay mpandray anjara fototra, dia azo ambara fa ny teo anivon'ny fahatanorany tanteraka no nivelatra betsaka ao amin'ny tantara. Raha halahatra araka ny fisesiny ny zava-nitranga teo amin'ny fiainany dia toy izao no azo :

1. Nanahirana ireo ray aman-dreniny i Miaro teo am-pahaterahany
2. Nianatra tany amin'ny ambaratonga voalohany
3. Narary saika nindaosin'ny fahafatesana raha vao fito taona
4. Nentina tany amin'ny dokotera
5. Nianatra tany amin'ny ambaratonga faharoa

⁵⁶ *Litterature et langage*, vol3 : «*Le roman, le récit, le cinéma*», coll. Dirigée par Henri MITTERAND, Ed. Fernand Nathan, Paris, 1971, tak 141 : «*en le datant d'une manière absolu ou en renvoyant à des signes extérieurs de l'écoulement temporel, l'autre situe l'évènement dans le temps*».

6. Nipetraka tao amin'ny rahalahin-drainy taty Iarivo
7. Nianatra teny amin'ny "Lycée" teknika Alarobia
8. Notaomin'ireo namany haditra
9. Nobedesin'ny nenitoany
10. Norahonan'ny dadatoany hiala ao amin-dry zareo raha mbola mamerina
11. Nahazo ny baka teknika
12. Nidina tany ambanivohitra namangy fianakaviana
13. Tafiditra nianatra teny Ambohitsaina
14. Maty ny rainy
15. Nitady asa izy
16. Nahita asa tao amin'ny orinasa mpanamboatra fiara, rehefa nampian'i Fetra namany
17. Voatery najanona ny fianarany
18. Lasa nanam-bola i Miaro ary afaka nanampy ny fianakaviany
19. Nitadiavana vady izy alohan'ny hitokanany trano
20. Nampahafantarina an'i Felana, mpiara-mivavaka amin'ny dadatoany
21. Nifankatia tamin'i Felana
22. Niara-nitsangatsangana izy roa
23. Natao ny fanambadiana
24. Diso fanantenana i Miaro noho ny tsy fahadiovam-badiny
25. Nandroaka an'i Felana hiala ny tokantranony
26. Namono am-badiny mba handehanany
27. Nitoetra irery tamim-pifaliana tao an-tranony
28. Tojo an'i Mendrika, tovovavy nahasarika azy
29. Nifankatia tamin'i Mendrika
30. Nitoe-jaza i Mendrika
31. Nampanantsoin'ireo ray aman-drenin'i Mendrika
32. Nampanantena ny hampiakatra an'i Mendrika
33. Notorian'ireo ho rafozany noho ny zanak'izy ireo tsy ampy taona
34. Nigadra teny Antanimora
35. Niresaka tamin-dRandria mpiray fonja aminy

36. Narary ka notsaboina teny amin'ny hôpitaly
37. Nifankahita tsy nahy tamin'i Mamy mpiara-misa aminy fahiny
38. Niverina teny am-ponja indray rehefa nihatsara ny fahasalamany
39. Novangian'i Felana vadiny
40. Nivoaka ny fonja rehefa vita ny saziny
41. Notsenain'i Felana
42. Nifampitory fitia indray izy mivady
43. Niara-nody tao an-tokantranony fahiny

2.2.3.2.2 Ny fotoanan'ny fitantarana (F.F.)

Manana safidy manokana ny mpanoratra momba ny fitantarana ity fotoana ity. Azo atao ny mampifamadika ny zava-nitranga ara-potoana tao anatin'ny tantara, rehefa ao anatin'ny fitantarana F.T. izy. Hita araka izany fa azo alahatra toy ny fotoana nivelaran'ny tantara : F.T. ihany koa ny fotoanan'ny fitantarana : F.F. :

- 1' Nipetraka tao amin'ny rahalahin-drainy teto Iarivo
- 2' Nianatra tany amin'ny ambaratonga voalohany
- 3' Narary saika nindaosin'ny fahafatesana raha vao 7 taona
- 4' Nentina tany amin'ny dokotera
- 5' Nianatra tany amin'ny ambaratonga faharoa
- 6' Nianatra teny amin'ny "Lycée" teknika Alarobia
- 7' Notaomin'ireo namany haditra
- 8' Nobedesin'ny nenitoany
- 9' Norahonan'ny dadatoany hiala ao amin-dry zareo raha mbola mamerina
- 10' Nanahirana ireo ray aman-dreniny izy teo am-pahaterahany
- 11' Nahazo ny baka teknika
- 12' Nakany ambanivohitra namangy fianakaviana
- 13' Tafiditra nianatra teny Ambohitsaina
- 14' Maty ny rainy
- 15' Nitady asa izy
- 16' Nahita asa tao amin'ny orinasa iandraiketan'ny dadatoan'i Fetra

- 17' Voatery najanona ny fianarany
- 18' Lasa nitombo ny vola teo amin'i Miaro ary afaka nanampy ny fianakaviany
- 19' Nitadiavana vady izy alohan'ny hitokanany trano
- 20' Nampahafantarina an'i Felana, mpiara-mivavaka amin'ny dadatoany
- 21' Nifankatia tamin'i Felana
- 22' Niara-nitsangatsangana izy roa
- 23' Notanterahana ny fanambadiana
- 24' Diso fanantenana i Miaro noho ny tsy fahadiovam-badiny
- 25' Nandroaka an'i Felana hiala ny tokantranony
- 26' Namono am-badiny mba handehanany
- 27' Faly vokatry ny fitsoahan'i Felana
- 28' Tojo an'i Mendrika izay nahasarika azy
- 29' Nifankatia tamin'i Mendrika
- 30' Nitoe-jaza i Mendrika
- 31' Nampanantena ny hanambady an'i Mendrika
- 32' Nampanantsoin'ireo ray aman-drenin'i Mendrika
- 33' Notorian'ireo ho rafozany noho ny zanak'izy ireo tsy ampy taona
- 34' Nigadra teny Antanimora
- 35' Niresaka tamin-dRandria mpiara fonja aminy
- 36' Narary ka notsaboina teny amin'ny hôpitaly
- 37' Nifankahita tsy nahy tamin'i Mamy mpiara-misa aminy fahiny
- 38' Niverina teny am-ponja indray rehefa nihatsara
- 39' Novangian'i Felana vadiny
- 40' Nivoaka ny fonja rehefa vita ny saziy
- 41' Notsenain'i Felana
- 42' Nifampitory fitia indray izy mivady
- 43' Niara-nody am-pifaliana indray tao an-tokantranony


2.2.3.2.3 Ny fifandraisan'ny F.T. sy ny F.F.

Azo atao tsara ny mampifandray ny F.T. sy ny F.F. araka ny hita tetsy aloha. Araka ny voalazan'i GOLDENSTEIN hoe :

“Azo atao ny maneho an-tsary ny fifandraisan'ny fotoanan'ny tantara sy ny fotoanan'ny fitantarana”⁵⁷. Raha hampitaina amin'ny alalan'ny tsipika marin-drano izy roa ireo, dia ahazoana izao kisary manaraka izao :

⁵⁷ (J.P) GOLDENSTEIN, op cit :

« *Les temps de la fiction et de na narration sont unis par une serie des rapports que l'on peut représenter graphiquement (...)* ».



Kisary 9 : Ny fifandraisan'ny F.T. sy ny F.F. ao amin'ny ... *fa velona indray*

Fanazavana ny kisary :

F.T. : fotoana nivelaran'ny teo-javatra tantaraina, misesy araka ny nitrangany

F.F. : fotoanan'ny fitantarana araka ny nandaharan'ny mpanoratra azy

Araka ny hita ao amin'ny kisary dia nampifandraisina ny F.T. sy ny F.F. ao amin'ity ... *fa velona indray ity*. Hita araka izany fa mirazotra tanteraka izy ireo.

FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA :

Hita tao amin'ny fizarana faharoa ny mombamomba ny boky sy ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra.

Nambara tao amin'ny mombamomba ny boky ny endrika ivelany sy ny vontootin'ny tantara amin'ny ankapobeny.

Novelabelarina tao amin'ny toko faharoa kosa ny mikasika ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra. Nojerena tamin'izany ny mpandray anjara sy ny manodidina azy rehetra ; ny habaka na ny toerana misy ny mpanoratra teo ampanoratana, ny nisehoan'ny tantara ary ny fomba nanoritsoritan'ny mpanoratra azy. Tsy azo hadinoina ihany koa ny mikasika ny fotana. Novahavahana tamin'izany ny momba ny fotoana ivelany sy ny fotoana anatiny.

**FIZARANA FAHATELO : NY FANABEAZANA
HITA TARATRA AO AMIN'NY BOKY**

Tsy diso anjara ao amin'ny sehatry ny fanabeazana ny literatiora. Natao ho an'ny olona rehetra izy saingy miankina amin'ny tsirairay ny fahatafitan'ny hevitra tiany hambara. Hoy mantsy i **Lila RATSIFANDRIHAMANANA** :

*“Manampy ny tsirairay eo amin'ny fanefena ny mahaolona azy ny literatiora”*⁵⁸.

Manamafy izany ihany koa ny voalazan'i **NOFY** manao hoe :

*“Natao handresy lahatra ny vahoaka amin'ny levilevim-piainana mianjady, fitaovan-tserasera atao hanabeazana olom-pirenena vonona [ny literatiora]”*⁵⁹. Azo ambara araka izany fa tsy afa-misaraka ny literatiora sy ny fanabeazana.

Ahitana taratra fanabeazana ny boky tantara foronina ... *fa velona indray*. Hojerena ato amin'ity fizarana fahatelo farany ity ireo hevitra azo tsoahana ao amin'ny boky. Manana ny hevitra tiany hampitaina amin'ny mpamaky ny mpanoratra raha nanoratra ireny karazana asa soratra ireny. Hoy indrindra i **Jean Paul SARTRE** manambara izany :

*“Ny anjara asan'ny mpanoratra dia ny mampita hafatra ho an'ny mpamaky”*⁶⁰.

Tsy voatery ho hita miharihary anefa ny heviny fa anjaran'ny mpamaky ny mikarakara izany. Ny tara-kevitra fanahezana hita ato amin'ny boky no hotrandrahana etoana, ahitana ireto toko ireto : fampahafantarana momba ny atao hoe fanabeazana ; ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara ary ny azo tsoahana amin'ny vontoatin'ny tantara.

⁵⁸ (L) RATSIFANDRIHAMANANA, in *Rary Kanto*, 1995, tak11

⁵⁹ NOFY, in *Ambioka*, lah 64, 2001, tak 4

⁶⁰ (JP) SARTRE, *Qu'est ce que la littérature ?*, Ed. Gallimard, Paris, 1948, tak 35 : « [la] fonction de [l'écrivain] est de délivrer des messages à des lecteurs ».

3.1 Fampahafantarana momba ny atao hoe fanabeazana

Ambetin-teny mandrakariva ankehitriny ny teny hoe fanabeazana. Miteny izany avokoa na ny madinika, na ny olona azo lazaina fa manam-pahalalana. Eny, fa na eo amin'ny andrim-panjakana aza, misy sampana manokana misahana izany fanabeazana izany. Azo lazaina mantsy fa antoky ny fahombiazam-pirenena eo amin'ny lafiny fampandroasoana ny fanabeazana. Araka ny nambaran'ny FETY Michel hoe :

*“Fanalahidim-pandrosoana ny fanabeazana”*⁶¹. Entina hanavahana izany fanabeazana izany, dia hojerena tsirairay manaraka eto ny famaritana azy ara-piforonan-teny, araka ny rakibolana ary ny fiheveran'ny mpandinika hafa.

3.1.1 Famaritana ara-piforonan-teny

Raha ny fanabeazana no ifotorana dia tsara ny mamaritra izany fohifohy. Raha raisina ny teny hoe fanabeazana dia toy izao no azo : **f – ana – be – az – ana**. Ny **“f”** dia tovana famoronana anarana toy ny fahita amin'ny hoe fanajitra, famaky : manambara fitaovana avokoa ireo. Noho izany fitaovana koa ny fanabeazana. Ny fototeny **“be”** indray dia manambara zavatra na toe-javatra iray ngeza na maro. Ny **ana- ...-ana** kosa dia tsirinteny sara-droa. Raha ampifandraisina ireo voalaza ireo dia azo ambara ho fitaovana mitondra, mitarika ivelan'ny ... ny fanabeazana. Inona koa àry ny fanabeazana? Araka izany dia ny kely sy bitika ary ny madinika no beazina. Azo lazaina fa ny tsy fahafenoana amin'ny lafiny maha-olombelona rehetra no ambara etoana, dia ny ara-batana, ara-tsaina ary ny arapanahy no ampitomboina. Ny fanabeazana izany dia fampitomboana.

Misy koa ireo rakibolana manome famaritana momba ny atao hoe fanabeazana.

⁶¹ (M) FETY, *Fanabeazana sy fainam-pirenena*, Edisiona Antso, Imarivolanitra Antananarivo, 1985, tak 76

3.1.2 Araka ny rakibolana

Hoy ny rakibolana vahiny raha mamaritra ny atao hoe fanabeazana :

“Ny fanabeazana dia fampianarana na fampahalalana ny fitsipi-piainana ao amin’ny fiarahamonina, ary koa fampivoarana ny toetra ara-batana, ara-pitondran-tena ary ara-tsaina izay mamolavola ny olona iray”⁶².

Voafaritra mazava avy amin’izany fa fampianarana sy fampahalalana ny fanabeazana ary tsy anavahana fa voafaritra ao avokoa ny olona rehetra. Amin’ny ankapobeny ny zaza no mila famolavolana mba hahalavorary sy hampirindra ny fiainan-ko hoaviny. Tsy azo hadinoina ihany koa anefa fa tsy vitsy ireo olon-dehibe tsy mbola ampy fahamatorana ka mila beazina.

Tsy mifanalavitra amin’izany ity famaritana iray ity :

“Ny fanabeazana dia asa fampitomboana, fanatsarana ireo fahalalana sy ny fomba fitondran-tena, ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy, izay heverina ho zava-dehibe mba hahazoana ny fetram-pahalalana irina”⁶³.

Ny lehibe, amin’ny ankapobeny no heverina fa manana ny fahalalana ampy sy manana traikefa maro ka ny zaza sy ny tanora no mila beazina mba hahalala ny tokony hatao sy hanampy fahalalana hoenti-miatrika ny fiainana any aoriana.

Indro ihany koa mbola misy famaritana iray hafa :

“Ny fanabeazana dia fampianarana sy fampahalalana ny olona iray ireo fomba rehetra ampiasaina amin’ny asa fanabeazana. Fahalalana sy fitambaran’ireo fahafantaran-javatra eo ivelany na ny taova amin’ny alalan’ny fomba na fampiasana mifandraika amin’izany”⁶⁴.

⁶² *Pluridictionnaire*, Ed. Larousse, Imprimerie Berger 19 Levrault Nancy, 1977 : « *L’éducation c’est l’enseignement des règles de conduite sociaux et formation des facultés physiques, morales, intellectuelles qui président à la formation de la personnalité* ».

⁶³ *Dictionnaire/Education, Encarta 2008* : « *L’éducation est l’action de développer un ensemble de connaissances et de valeurs morales, physiques, intellectuelles, scientifiques considérées comme essentielles pour atteindre le niveau de culture souhaitée* ».

⁶⁴ *Encyclopedia Universalis*, Edition 2010 : « *Edication : fait pour de former et d’instruire quelqu’un, l’ensemble des moyens utilisés pour cette action. Savoir et ensemble des acquisitions morales d’une personne. Développement d’une faculté, d’un sens ou d’un organe à l’aide d’une méthode ou d’exercice appropriés* ».

Miavaka amin'ireo famaritana efa hita tetsy aloha ireo ny an'i **Régis RAJEMISA RAOLISON**, ny azy voafaritra mazava ny olona mila fanabeazana :

“Ny fanabeazana dia fanolokoloana ny zaza mba hanomezana azy toetra ka hahatonga azy ho lehibe, ho olom-banona. Zava-tsarotra, ary manomboka indrindra eo amin'ny fianakaviana ny fanabeazana ny zaza”⁶⁵.

Ny zaza no nambaran'ny mpanoratra satria miainga avy eo no ampitana ny fanabeazana raha tiana hahomby. Ny tanjona dia ny hahatongavany ho olon-dehibe ary koa ho olom-banona. Miainga eo amin'ny fiarahamonina kely indrindra, izany hoe ny fianakaviany ary mitohy hatrany amin'ny seha-piarahamonina maro tsy maintsy holalovany. Ny fiandohan'ny fanabeazana sy ny tanjona kendrena amin'izany no tena avoitran'ny mpanoratra eto. Misy koa ireo mpandinika sasany manana ny fiheverany mikasika ny fanabeazana.

3.1.3 Fiheveran'ny mpandinika hafa

Hoy i **Robert DOTRENS** raha namaritra ny fanabeazana :

“Araka ny famaritana mahazatra, ny atao hoe manabe dia mitaiza ny olona hanana fahazarana, hahay hanaraka toromarika, hanamafy ny finiavana hanatsara ny fitondran-tenany, ny fihetsiny, hahatsapa ny lanjan'ny adidy aman'andraikitra ara-moraly na amin'ny tenany na amin'ny hafa, mba hahatonga azy hahay hifandray araka ny tokony ho izy amin'ny vondron'ny mpiara-belona aminy”⁶⁶.

Ny fanabeazana araka izany dia natao ikolokoloana ny olona hahay miaina ao anati'ny fiarahamonina misy azy. Manampy ny fanabeazana ny olona mba hahatonga azy ho olom-banona ihany koa ny sekoly sy ny fifandraisany amin'ny manodidina azy..

⁶⁵ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, Ambozontany, Fianarantsoa, 1985

⁶⁶ (R) DOTRENS et al, *Eduquer et instruire*, NATHAN/UNESCO, Imprimerie Union, Paris 1996, p19 : « Eduquer au sens courant du terme, c'est faire des habitudes, respecter des consignes, intensifier le désir de se bien conduire et de bien agir, acquérir le sens du devoir et des obligations morales que l'on a à l'égard de soi-même et l'autrui, de telle sorte que l'être éduqué puisse s'intégrer normalement dans la communauté de ses semblables».

3.2 Ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny fomba nananganann'ny mpanoratra ny tantara

Ny horesahina ato amin'ity zana-pizarana ity dia ny fisintonana hevitra momba ny fanabeazana araka ny hita tao amin'ny fizarana faharoa.

Ireto hevitra rehetra izay mahasahana ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny firafitry ny tantara, ny fotoana ao amin'ny tantara ary ny toerana ao amin'ny tantara no horesahina etoana.

Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny firafitry ny tantara no hidirana voalohany.

3.2.1 Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny firafitry ny tantara

Mbola azo zaraina telo ihany koa ny fomba anehoana ny fanabeazana amin'ity firafitry ny tantara ity. Ireto avy izany : ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara, ny avy amin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara asa ary ny avy amin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny fizotrany. Izay azo tsoahana avy amin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara no hojerena voalohany amin'izany.

3.2.1.1 Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny mpandray anjara

Ny mpandray anjara fototra no mby ao an-tsaina voalohany raha vao miresaka mpandray anjara satria izy no ivon'ny tantara. Ny ao amin'ny boky ... *fa velona indray* dia tokana ny mpandray anjara fototra, lehilahy ary teo amin'ny fahatanorany no tena nivelaran'ny tantara. Maro ny fanabeazana azo tsoahana miainga avy amin'io safidin'ny mpanoratra io. Tokana ny mpandray anjara fototra, mora ifantohana kokoa ny fiainany sy izay rehetra mahakasika izany. Azo lazaina fa ivon'ny fiainan'ny tantara ao amin'ny boky ary tompon'andraikitra amin'ny zavadrehetra miseho vokatry ny nataony izy. Tsy voatery hizarazara ny sain'ny mpamaky ny amin'ny lesona tokony hotsoahany avy amin'io fiainan'ny mpandray anjara

fototra io. Miainga avy amin'ny fahitany izany mantsy no ahitany izay tokony hitondrany ny tenany manoloana ny trangam-piainana izay tsy maintsy lalovany amin'ny ankapobeny.

Raha nitera-boka-tsoa ho an'ilay mpandray anjara ny toetra amampihetsiny manoloana ny fiainany, dia azo lazaina ho modely izy amin'ny fitondran-tena, eo anatrehan'ny mpamaky. Raha ny mifanipaka amin'izany kosa indray no hita dia azo lazaina ho lesona ho an'ny mpamaky ny fiainana nodiaviny mba hahafahan'ity farany manapa-kevitra raha mety ho tojo ny toy izany.

Safidin'i Eric Ravalisoa manokana ny nampiasa mpandray anjara tokana, manamora ny fandraisana fampianarana izany. I Miaro no mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara. Ny fanabeazana ataon'ny mpanoratra eto dia ny fanehoana fa ny fifankatiavana irery ihany no mampaharitra ny tokantrano ary koa fototra mampijoro azy. I Miaro dia zazalahy lahy tokana, niezaka tamin'ny fiainana mba hiadana kokoa noho ireo ray aman-dreniny. Nafantoky ny mpanoratra taminy ny fizotran'ny tantara mba hanamora ny fandraisana azy.

Niezaka ireo ray aman-drenin'i Miaro ny anao izay hahatafita azy. Tsy hadinon'izy ireo ihany koa ny nanabe azy araka ny finoana kristianina. Hoy i Miaro ao amin'ny boky, takila 09 : “... *Raha manana finoana hoatra ny voantsinampy iray aza ianareo ka hiteny amin'io tendrombohitra io hoe : mifindra ery, dia hifindra izy ; ary tsy hisy tsy ho hainareo*”.

Hita ato amin'ny tantara fa andraikitry ny ray aman-dreny ny manome fanabeazana ny zanany. Hoy tokoa mantsy *Ramarolahy* :

“Teo amin'ny Ntaolo, ny tokatranon-dray aman-dreny no sekoly fianarana fanabeazana ara-toetra sy asa-tsaina fotsiny, fa fianara-draharaha koa, noho izany, dia izay asa fanaon-dray aman-dreny ihany no nataon'ny zanaka koa”⁶⁷.

Mba hampirindra ny fiainam-piarahamonina dia mandray ny fanabeazana izay omen'ny ray aman-dreny ny zanaka, toy izany no nataon'i Miaro

⁶⁷ RAMAROLAHY, *Rakitry ny elan'ny Ntaolo Malagasy* : Tafa, Resaka, Dinika, Kabary, hainteny, ohabolana, Ip. Catholique Antanimena, Tananarive 1971

Mora handraisana fampianarana tokoa, araka izany, ny fampiasana mpandray anjara fototra olon-tokana. Nofidian'ny mpanoratra manokana izany satria misy lesona tiana havohitra tamin'ny fiainan'i Miaro. Ny fanabeazana tian'ny mpanoratra ampitaina mantsy dia ny hoe ny fitiavana no lehibe indrindra sy mampaharitra ny tokantrano fa tsy ny fahadiovana akory na ny hoe "*virginité*". Nikendry ny ambony sy ny tonga lafatra hatrany i Miaro teo amin'ny fiainany. Nataon-drainy izay tsy hahabado azy. Hoy i Miaro ao amin'ny boky raha nitantara ny ezaka ataon-drainy ; takila 21 : "*Nikely aina nanao izay ho afany [...] i dada [...] Saika ho isan'andro izy mamatsy ahy amin'izay kely azony, ny tsinay no vatsiny*".

Tsy ny ray aman-dreny niteraka ihany anefa no manabe fa ao koa ireo olon-kafa, toy ny rahalahin-drain'i Miaro. Tsy vitan'ireo loharano nipoirana ny fanabeazana ny zanany fa mandray anjara ihany koa ny havana sy ny fiarahamonina izay misy ny tsirairay. Hoy ny boky, takila 20 : "*Reharehan'i Dadatoa ny hahatafita ahy*". Nipetraka tao amin'ny rahalahin-drainy i Miaro raha vantany vao nahazo ny B.E.P.C. satria tsy misy ny fianarana manaraka ny fahazoana azy io intsony tany ambanivohitra fa nifarana teo.


Araka izay voalaza teo aloha izay dia tsy voatery ho ireo ray aman-dreny irery no manolotra fanabeazana ny zanany fa ny fiaramonina izay manodidina azy ihany koa efa manabe.

Ny fanabeazana azon'ny olona rehetra raisina eto izany dia ny hoe : tsy maintsy ampitain'ireo izay nahazo fanabeazana, amin'ny hafa izay rehetra azony : izay manana fahaizana sy traikefa ary fahalalana noho ny hafa dia tokony hampita izany amin'ireo tsy mahay sy tsy manana.

Hita taratra arak'izany fa mampiseho fanabeazana sahady ny fomba nanehoan'ny mpanoratra ny mpandray anjara ao amin'ny tantara. Koa hozahana manaraka indray ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara asa.

3.2.1.2 Ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara asa

Ny horeshina mikasika ity mpandray anjara asa ity dia ny zavatra rehetra izay nandray anjara amin'ny fampizorana ny tantara. Azo aseho amin'ny alalan'ny kisary ny zotram-piainan'ny mpandray anjara fototra, araka ny efa nambara sy hita tao amin'ny fizarana faharoa. Nozaraina ho roa ny kisary maneho ny fiainan'i Miaro. Miainga amin'izany no hanatsoahana ny fanabeazana hita taratra ao. Ny kisary voalohany hanasongadinana ny fiainan'i Miaro fony izy nianatra ary ny faharoa rehefa niasa izy.




Kisary 03 : Ny fiainan'i Miaro fony izy nianatra

Raha ny fiainan'i Miaro no jerena dia nanana tanjona izy teo amin'ny fiainany fony izy nianatra, dia ny ho tafita amin'ny fianarana. Azo anatsoahana lesona sahady izany, ny olona tsirairay amin'ny ankapobeny dia samy manana ny tanjona tiany hotratrarina. Araka izany dia misy ireo manampy mba hanatrarana azy ary tsy azo hadinoina ihany koa anefa ireo izay mpanohitra tsy mamela ny fahatongavana amin'ny tanjona izay kasaina.

Nanampy an'i Miaro araka izay azony natao ireo fianakaviany mba hahatongavany amin'ny tanjona izay iriny. Azo ambara araka izany fa ilaina ny fanampiana avy amin'ny hafa fa tsy misy olona mahavita tena raha mbola eto antany. Tsy mionona amin'izany fanampiana izany fotsiny anefa fa mila ezaka araka izay tratra sy vita mba tsy ho enta-mavesatra eo anivon'ny fianakaviana na ho an'ny hafa sy ny firenena mihitsy aza.

Nisy tranga izay tsy azon'i Miaro nialana ka nanakana ny zavatra nokasainy, dia ny fahafatesan-drainy izany. Sahirana ny fianakaviana satria lavo ilay andry iankinana. ***“Toy ny tavim-bilany ny aina ka tsy fantatra izay hahavakisany”***, hoy ny ohabolana malagasy. Lâlana tsy maintsy lalovan'ny zava-manana aina rehetra ny fahafatesana. Tsy mijanona eo akory ny fiainan'ny velona fa mitohy hatrany. Tokony hahay handray ny zava-misy am-panantenana ny olona mba hitraka sy hikatsahana ny vahaolana izay mety hahasoa ny tenany. Tsy vita sy tsy tanteraka izany raha tsy te handroso. Hita fa misy ny olona izay tsy maintsy sedraina, natao hovahana izy ireny fa tsy hampaketraka akory. Manampy izany ihany koa dia tsy voatery hizotra araka izay iheverana azy akory ny fiainana. Indraindray misy ny tranga izay tsy nosainina akory kanefa dia niseho. Raha te ho tafita sy handroso dia tsy maintsy mitady vahaolana. Tompon-tsafidy anefa ny tsirairay amin'ny fanapahan-kevitra izay raisiny ary iankinan'ny fiainan-ko avy izany. Mbola misy ambara ihany koa raha ny kisary faharoa no anaovana fanadihadiana.



Kisary 04 : Ny fiainan'i Miaro fony izy niasa

Rehefa niasa i Miaro dia nilamina ny lafiny ara-bolany. Nitady izay afaka hiara-dàlana aminy izy ka tojo an'i Felana. Fotoana fohy no nifankahalalana dia niroso tamin'ny fanatanterahana ny fanambadiana izy ireo. Ny tanjon'i Miaro dia ny hiadana sy ho sambatra ao amin'ny tokantrano izay vao nahorin'izy mivady. Ny tenany sy ny vadiny no antenainy ho tojo izany. Nisy anefa ireo antony tsy nahatanteraka izany fikasan'i Miaro izany : ny tsy fahadiovan'i Felana vadiny niditra ny tokantranony. Tsy tojo an'i Felana anefa izy raha tsy nanampy azy ny rahalahin-drainy. Ny lesona azo tsoahana avy amin'izany dia ny hoe ilaina ny fizahan-toetra maharitra mialoha ny fanambadiana, izany hoe, tokony hofantarina ny tantaram-piainan'ny olona izay kasaina hiara-dàlana amin'ny tena, mba tsy isian'ny nenina any aoriana.

Nisy olona nanampy an'i Miaro hanatratra ny tanjony, ankoatra an'i Felana vadiny, dia i Mendrika. Tsy tanteraka hatramin'ny farany ny fanirian'i Miaro satria nisy ireo mpisakana : ny rain'i Mendrika sy ny fonja izay nanagadrana azy.


Hita araka izany fa tsy azo atao ny mitsara na manombana ny toetran'ny olona ety ivelany. Nifankatia fatratra i Miaro sy i Felana saingy tsy noeritreretin'ity voalohany ny tranga nahazo an'ity faharoa tany aloha tany. Teo ny finoany an'Andriamanitra, fa Izy no manome ny anjarany, sy ny fitiavany an'i Felana saingy tsy araka ny nokasainy ny zava-nitranga. Nanampy izany dia manankasina ny fanambadiana ka tsy tokony horavaina na inona na inona antony tsy ifanarahana. Niaraka tamin'i Mendrika i Miaro, fahasambarana sy fiadanana no nokasainy kanefa dia fonja no nandray azy. Ny olona tsirairay, araka izany dia manana ny kilema fa tsy misy tonga lafatra akory. Azo lazaina fa anisan'ny fanabeazana ny tanora hiditra na efa ao anatin'ny sehatry ny fitiavana no havoitran'ny mpandray anjara asa raha natao ny fanadihadiana ity farany.

Raha toy izany ny fanabeazana azo notsoahana tamin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny mpandray anjara asa, dia hojerena manaraka indray ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny fizotrany, araka ny lalan-tsain'i **Claude BREMOND**.

3.2.1.3 Ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny firafitry ny tantara tarafina amin'ny fizotrany


Tahaka izao indray ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny fizotran'ny tantara, araka ny lalan-tsain'i **Claude BREMOND**, miainga amin'ireo kisary telo hita tao amin'ny fizarana faharoa : ny fiainan'i Miaro fony izy nianatra, ny fiainany fony izy niasa ka nipetraka tao amin'ny dadatoany ary ny fiainan'i Miaro taorian'ny fanambadiany.

Marihina etoana fa efa hita tao amin'ny fizarana faharoa ny fanazavana ny kisary, ny fanadihadiana izany mba hisintomana ny fanabeazana hita taratra amin'ny firafitry ny tantara no hany atao etoana.




Kisary 06 : Ny fiainan' i Miaro fony izy nianatra

Ny fiainan'i Miaro fony izy nianatra, dia niainga teo amin'ny "0", niakatra "+1" ary nisondrotra hatrany ka tonga hatrany amin'ny "+3". Rehefa avy eo dia nidina tsikelikely, nony farany tafaverina teo amin'ny "0" toy ny tany ampiandohana. Azo lazaina fa ny endriky ny fiainana izay tsimbalivaly no hita teto amin'ity dingana voalohany ity. Izany hoe, misy fotoana izy miakatra ho ambony, indraindray mety tojo olana sy fahasahiranana ka lasa mikoroso fahana. Ndeha hojerena manaraka indray ny zotra-piainan'i Miaro rehefa nahita asa fivelomana.



Kisary 07 : Ny fiainany fony izy niasa ka nipetraka tao amin'ny dadatoany

Rehefa tafiditra niasa i Miaro dia mbola nipetraka tao amin'ny dadatoany. Niainga teo amon'ny "0" ary mbola niakatra ka tonga teo amin'ny "+2". Tsy nijanona teo fa nidina teo amin'ny "1" ary tafaverina teo amin'ny"0". Nony farany dia niakatra teo amin'ny "1" indray ary tafajanona teo. Nivoatra tsy toy ny teo aloha izany ny fiainan'i Miaro teto. Azo tsoahana araka izany fa tsy voatery ho raikity ny zotra-piainan'ny olona tsirairay fa miankina amin'ny asa sy ezaka izay ataony ihany. Tsy nijanona toe ny tantaran'ny mpandray anjara fototra fa mbola mitohy ka izany indrindra no horeshina manaraka.



Kisary 08 : Ny fiainan' i Miaro taorian' ny fanambadiany

Araka ny hita teo amin'ny kisary : niala teo amin'ny “0” nidina “-1”, “-2”, niakatra teo amin'ny “-1” indray, avy eo nidina hatrany amin'ny “-3”. Ny tohiny dia niakatra tsikelikely ka tafaverina teo amin'ny “0”, izay lamina tany ampiandohan'ny fiainany. *“Toy ny kodiaran-tsarety ny fiainana ka indraindray ambony, indraindray ambony”*, araka ny fiteny malagasy.

Hita eto amin'ity tantara ity tokoa fa mifamadibadika hatrany ny toerana misy ny tsirairay, indraindray toa tafalatsaka amin'ny tany ka heverina ho tsy tafarina intsony. Tsy maintsy mandalo izany anefa ny olombelona fa anjaran'ny tsirairay ny miala amin'ny toerana izay heveriny fa tsy tsara ka mankany amin'izay metimety kokoa noho ny teo aloha.

Manampy izany dia asehon'ny mpanoratra, ao amin'ny boky ihany koa fa misy antony avokoa ny zava-mitranga eo amin'ny fiainana. Hita soritra araka ny fiainan'ny mpandray anjara fototra, ao amin'ny tantara, fa zava-dehibe eo amin'ny fiainana ny faniriana hisondrotra hatrany. Ny olana sy ny sedra tsy maintsy atrehina vao tafita na tojo amin'ny tanjona nirina. Hoy indrindra ny ohabolan'ny Ntaolo :

“Aza mitady tany malemy hanorenam-pangady”⁶⁸.

Mbola hamafisiny amin'ny hoe :

“Ny mandry maraina tsy mba hanana. Fa ny mifoha maraina hanam-be”⁶⁹.

Hojerena manaraka indray ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny fotoana ao amin'ny tantara

3.2.2 Ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny fotoana ao amin'ny tantara

Ny vanim-potoana taorian'ny nahazoan'ny vahoaka malagasy ny fahaleovantena no nahaterahan'ny mpanoratra. Ny taona 2005 no vita tanteraka ny

⁶⁸ *Memoire de l'academie Malgache, Ohabolan'ny Ntaolo, exemples et proverbes des enciens*, Ed° critique, tradition et classification de Bakoly Domenichini – Ramiaramanana, Tananarive, 1972, tak 610

⁶⁹ *Ibid*, tak 616.

fanoratana ny tantara foronina : ... *fa velona indray*, araka ny efa nambara tao amin'ny fizarana lehibe faharoa. Tsy azo hadinoina fa ny fampifandraisana ny fotoana'ny mpanoratra sy ny fotoanan'ny zavatra tantaraina dia efa azo anatsoahana fanabeazana. Nitantara ny zava-nisy niainan'ny olona nandritra ny vanim-potoana nanoratany i Eric Ravalisoa. Raha faritana misimisy kokoa dia azo lazaina hoe zava-misy niainan'ny tanora maniry hianatra sy hanohy fianarana aty an-drenivohitra. Azo ambara niainga avy amin'izany fa raha hanolotra fampianarana ho an'ny hafa dia zavatra fantatra, hay ary ananana fahalalana betsaka no lazaina. Azo lazaina araka izany fa maneho mialoha ny zava-misy mety hiainan'ny mpianatra avy any ambanivohitra hanohy ny fianarany aty an-tanàn-dehibe. Asehony mialoha ny tranga sy olana mety ho tojo azy ireny mba hisorohany mialoha ny lesoka tokony harenina na ny tsy mety tokony hialana. Ny zava-misy amin'izao vanim-potoana izao no havoitran'ny mpanoratra.

Nofinidiny manokana io vanim-potoana ankehitriny io mba hahafahany manolotra ny mety ho toe-java-miseho raha toa ka tsy fantatry ny tanora sy ny ray aman-dreny izany, noho ny tontolo misy samihafa. Tsy manolotra daty mazava ny mpanoratra saingy nofaranany tamin'ny taona nanoratany sy ny toerana ny fiafaran'ny tantara.

Mifanakaiky ny fotoanan'ny mpanoratra sy ny fotoanan'ny mpamaky, ary ny vanim-potoana nametrahany ny tantara mba hifanakaiky ny fomba fampitan-kafatra sy ny zava-misy iainana.

Hita teo ary ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny fotoana ao amin'ny tantara, ny avy ao amin'ny toerana indray no hasian-teny manaraka.

3.2.3 Ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny toerana ao amin'ny tantara

Toerana roa samihafa no niainan'ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara, dia tany ambanivohitra sy teto andrenivohitra. Raha ny momba ny toerana nambara voalohany no resahina dia tany no nandanian'i Miaro ny fahazazana. Tsy hoe nilamina hatrany akory ny fiainany fa nisy ny olana izay tsy maintsy nosedrainsa. Fony vao teraka izy dia efa tojo olana : ora maro taorian'ny

nahalatsahany vao nitomany. Nanam-paniriana ny hanohy fianarana aty Iarivo ihany koa izy rehefa tapitra nolalovany ireo sekoly nisy teny ambanivohitra. Voatery nikiry sy nihafy izy mba hahafahany manatratra ilay tanjona. Toa ny faniriany, notohizana taty Iarivo ny fandratoana fahalalana. Nisy anefa ny tranga izay nanakana ny fianarany, dia ny fahafatesan-drainy izany. Voatery najanona ny fianarana fa niasa izy mba hanampiana ny hafa. Nanambady izy nony avy eo, niova tontolo hafa indray, dia ny tokantrano. Nisy indray koa ny olana. Hay ka tsy virjiny intsony ity vady, niditra ny tokantranony. Niteraka fankahalana tao anatin'i Miaro izany. Toa tsy hainy ny hamela am-badiny satria zava-dehibe sy sarobidy aminy loatra ny fahadiovan'ny vehivavy miditra ny tokantrany. Tafasaraka ihany izy mivady rehefa nataon-dralehilahy izay andehanan'ny vadiny. Tsy navelan'ny hasin'ny fanambadiana samy haka ho azy anefa izy ireo taty aoriana, rehefa samy nandalo sedra teo amin'ny fiainany avy. Ka niara-tafaverina tao amin'ilay tokantrano niarahananorina indray.

Azo anatsoahana fanabeazana ny nambara rehetra tetsy aloha. Tsy mitovy ny zava-misy iainana fa miankina amin'ny toerana misy ny tsirairay. Fony i Miaro nitoetra tany ambanivohitra izao dia ny tontolo tany ihany no fantany. Tsy hita soritra tamin'ny fiainany ny resaka rendrarendra sy haitraitra fa azo lazaina ho tso-piainana aza. Raha vao mirava avy mianatra dia ny lâlana mody no diavina. Tonga ao an-trano indray dia efa misy tsinjara asa izay ataon'ny tsirairay. Toy ny mampiditra ireo biby fiompy, ohatra, ny maka rano sy ny sisa. Hita araka izany fa na dia kely aza ny zaza dia efa samy manana ny andraikitra izay tontosainy. Indraindray toa miendrika kilalao ny asa izay atao kanefa efa fanazarana azy sahady ireny ny amin'ny adidy izay tsy maintsy vitainy mba hampirindra ilay fiarahamonina kely na ny fianakaviana izay misy azy.

Rehefa nianatra teto andrenivohitra indray ny mpandray anjara fototra dia tontolo hafa mihitsy indray no niainany. Raha ny zava-misy teny amin'ny "Lycée" teknika teny Alarobia no resahina dia mifanohitra amin'ny hita teny ambanivohitra no hita. Notaomin'ireto mpiara-mianatra aminy i Miaro mba hiaraka hisotro. Zava-mahamamo kay ity noheverina fa ranom-boankazo. Ny sigara tsy hainy nandrenitra no natohok'ireo, heveriny ho namany, ny vavany. Niezaka ny hitsoaka

amin'ny fomba rehetra ilay Miaro tia fianarana saingy tsy afa-nanoatra. Toa voasinton'ireto namany vaovao izay tsy azo lazaina ho namana akory aza. Hita araka izany fa eto andrenivohitra, maro tokoa ny fakam-panahy mety hahazo ny tanora raha tsy mitandrina. Betsaka ny tsena mpivarotra, maro izy ireny no tsy mifidy sokajin-taona, hivarotana zava-pisotro mahamamo, fa rehefa manam-bola dia hampandrosoana avokoa. Toa notarihin'ireo mpiara-mianatra aminy i Miaro mba hanao ny fanaon'izy ireo. Indray mandeha ihany anefa izy no tafaraka tamin'izy ireo saingy rehefa hitany ny voka-dratsiny dia nataony hatrany izay tsy hifanenana na hiarahana amin'izy ireo, izay hita fa mitondra any amin'ny fomba ratsy tsy mahasoaka akory. Raha izay voalaza izay izao no jerena dia tsapa fa manana safidy amin'ny toerana tiany haleha ny tanora saingy miainga avy aminy ny mety hahatsara na tsia ny vokatra tiana na ratsy ho azy. Ny tontolo izay hipetrahana dia anisan'ny mamolavola ny mety ho fiainan-ko avin'ny tanora iray. Manana saina hahafahany mandinika sy mamakafaka izy mba hialany amin'izay heveriny fa mety hanimba azy. Araka ny nataon'ny mpandray anjara fototra tao amin'ny tantara. Nisy fanabeazana hita taratra ao amin'ny boky ... *fa velona indray*, na dia ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara fotsiny aza no jerena. Mbola maro ihany koa anefa no azo ambara mikasika io lohahevitra io raha jerena ny vontootin'ny tantara. Ndeha àry hojerena manaraka izany.

3.3 Ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny vontoa-tin'ny tantara

Efa maro tokoa ny lesona azo notsoahana tamin'ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara, araka izay nolazaina tetsy aloha. Mbola misy fanabeazana azo tsoahana ihany koa anefa ao amin'ny vontoa-tin'ny tantara, mba hahafeno ilay fanabeazana ny olona amin'ny maha-olona azy feno. Hozaraina zana-dohateny telo ny hevitra hojerena amin'izany : ny fanabeazana ny ankizy, ho fanomanana azy ireo eo amin'ny adidy sy andraikitra rahatrizay lasa ray aman-dreny ; ny endri-panabeazana aroson'ny mpanoratra ho an'ny tanora ary ny fanabeazana ny fanahy atolotr'i Eric Ravalisoa.

Fanabeazana ny ankizy, ho fanomanana azy ireo eo amin'ny adidy sy andraikitra rahatrizay lasa ray aman-dreny no hojerena voalohany.

3.3.1 Ny fanabeazana ny ankizy, ho fanomanana azy ireo eo amin'ny adidy sy andraikitra rahatrizay lasa ray aman-dreny.

Mpanabe voalohany eo anivon'ny fianakaviana ny ray aman-dreny. Samy manana ny andraikiny izy ireo amin'izany saingy kosa mifameno izany. Ny tanjona ami'izany dia ny mba hananana taranaka vanona.

3.3.1.1 Ny anjara asan'ny ray

Ny raim-pianakaviana dia manana anjara asa goavana eo anivon'ny ankohonany : sady mpanabe no mpamelona ary mpanatontosa ny adidy eo amin'ny fiarahamonina. Izy no antsoina hoe loham-pianakaviana. Tompon'andraikitra tanteraka ny ray amin'ny fanabeazana ny zanany mba ho olom-banona ihany koa. Maneho izany i Eric Ravalisoa ao amin'ny boky tak-10 :

***“Ry Miaro, tsy ilaiko mijanona amin'ny fianarana izany mihitsy!
Lehilahy ho lohan'ny fianakaviana ialahy, ka tokony ho feno fahalalana”***

Teny nataon'ny rain'i Miaro taminy izany mba handrisihana an'ity zanany amin'ny fianarana. Manampy ny fanabeazana tao an-tokantrano ny fahaizana amam-pahalalana rantovina any am-pianarana. Hamafisin'ireo mpandinika izany ka hoy izy hoe :

“Manana anjara lehibe ny sekoly eo amin'ny fampivoarana ny maha-olona sy ny fampitomboana fahalalana”⁷⁰.

Entitra tokoa ny rainy amin'ny fianaran'i Miaro ary niezaka izy, nanao izay tratry ny ainy mba hahatafita ity zanany, izay lahy tokana. Azo ambara mantsy fa mifameno ny fanabeazana ao an-tokantrano sy ny any an-tsekoly.

Manampy izany dia ampianarina hatrika ny fiainana irery ihany koa ny zanaka. Fianarana ny fiainana, koa rehefa tonga ny fotoana tokony hitokanan'ny ankizy na handaozany ireo ray aman-dreny dia mora aminy izany satria tsara ny famolavolana ny fanabeazana azy teo anivon'ny fianakaviany. Rehefa nanohy fianarana taty Iarivo i Miaro dia voatery nisaraka toerana tamin'ny fianakaviana.

Niezaka nanampy an-janany araka izay tratrany sy vitany ny rain'i Miaro mba hahavitany ny fianarany. Hoy ny boky manamafy izany :

“Nikely aina nanao izay ho afany i dada. (...) Saika ho isan'andro izy mamatsy ahy amin'izay kely azony, ny tsinay no vatsiny”. Hita araka izany fa tsy nitandro hasasarana ny rain'i Miaro mba hamelona ity zanany, manao vy very ny ainy, misedra ny sarotra mba ho fanampiana an-janany. Asa tsy maintsy miandry ny loham-pianakaviana ny famelomana ny taranany ary koa hanao izay hahatafita azy ireo. Mila finiavana sy fandavan-tena tanteraka ny asa mafy miandry ny ray mba hanehoany amin'ireo zanany ny anjara asany. Izany ihany koa no maneho fa tena lehilahy. Hoy **RABETAFIKA** manamafy izany :

“Ny fikirizana hanefa ny sarotra no mampiharihary ny tena lehilahy”⁷¹.

⁷⁰ (D) GOANAH et (C) GOLDBERGER, *Manuel de Psychologie pour l'enseignement*, Ed° Hachette, Imprimé en Italie par G. Canale et C.S tak 218 : « *L'école exerce évidemment un rôle essentiel sur le développement cognitif et l'acquisition des connaissances* ».

⁷¹ (J) RABETAFIKA, *Tsy kivy, tsy ketraka, sambatra !* in Mpanolotsaina, tak 162, Oktobra 1942

Tsy nionona tamin'ny asany fotsiny ny rain'i Miaro fa mbola nitady izay hampiakatra na hampitombo ny fidiram-bola. Hita ao amin'ny V.A. tak 21.

“Saika ho isan'andro izy miakatra mitady lalam-barotra metimety, ny tongotra no fiarany”.

Fitaratra ihany koa ny ray amin'izay rehetra ataony. Izany hoe, tokony hanana fitondran-tena mendrika, fakan-tahaka ho an'ny zanany izy, amin'ny mahampanabe azy. Nasehon'ny mpanoratra tao amin'ny V.A. fa sady be herim-po amin'ny famelomana ny ankohonany ny rain'i Miaro no niezaka izay tratry ny ainy mba hahatafita an-janany ary nataony ambanin-javatra mihitsy aza ny ainy tamin'izany. Hoy i Miaro, ao amin'ny tak 21 :

“Saika ho isan'andro izy mamatsy ahy amin'izay kely azony, (...) Ny isan'andron'ny zotony anefa, tsy isan'andron'ny tanjany. Nitambotsitra teo an-tokonana izy, indray andro. (...) Maizina ny amiko”.

Niezaka namita ny adidiny amin'ny maha ray azy ny rain'i Miaro hatramin'ny fara fofon'ainy.

Iaraha-mahalala fa mifameno ny fanabeazana sy ny fitaizana ataon'ny ray aman-dreny. Manatombo eo amin'ny toe-batana ny ray, izany hoe manatombo kokoa ny azy ny hery sy ny tanjaka. Maneho fanabeazana ara-batana ny zanany ny fampiasany izay amin'ny asa fambolena izay ataony. Misy ihany koa anefa ny anjara asan'ny reny manokana.

3.3.1.2 Ny anjara asan'ny reny

Manana ny anjara asany manokana ihany koa ny reny raha ny toerany eo anivon'ny ankohonana no jerena. Manana adidy izy amin'ny maha-reny azy ary tsy afa-miala amin'izany mihitsy. Loharanon-taranaka izy. Hoy ny Ntaolo :

“Ny fanambadian-kiterahana, ny hiteraham-ko dimby”.

Ny reny dia tsy afa-mandositra ny amin'ny fitaizana sy fanabeazana ny zanany. Hita eny anivon'ny fiarahamonina iainana ankehitriny ny ray mandositra adidy na ihany koa tsy misoratra ao amin'ny kôpian'ny zanany ny anarany, amin'ny ankapobeny. Ny reny kosa tsy afa-miala fa tsy maintsy misoratra aminy hatrany ny zanany naterany. Tsy asa-mitsoaka amin'ny adidy maha-reny ny vehivavy iray raha vao miteraka ny zanany. Miezaka manatanteraka ny anjara asany araka izay vitany izy ary mikaroka sy manolotra hatrany izay hahasoa sy hahatafita an-janany. Hamafisin'i Miaro izany amin'ny anarana iantsoany an-dreniny, ao amin'ny V.A. tak 7 :

“Kibo nitondra ahy folo volana, kibo nahitako masoandro, kibo nitsinjo ahy hatrany”.

Manana adidy ihany koa ny reny amin'ny maha-vady azy. Manampy am-badiny hatrany izy miara-mikaroka izay vahaolana rehefa tonga ny sarotra. Nisy fotoana narary i Miaro tao an-trano. Efa natao avokoa ireo hevitra noeritretina fa hahasitrana azy kanefa tsy niafana ny aretina. V.A. tak 8-9 :

“Tsirin-kevitra avy tamin’Andriamanitra tao an’eritreri’i Neny, hono, no nananany saina nitondra ahy tany amin’ny dokotera (...). Saika tsy nahita masoandro intsony raha tratra aoriana kely monja”.

Ilaina ny reny satria raha tsy misy azy ny tokantrano dia hita taratra eny ihany ny fahabangana. Tsy ny fanampiany mivantana, ihany no ilaina fa ilay fitiavana avy aminy ihany koa. Hamafisin-d**RAHARIMANGA** sy **REVELOJAONA** izany ka hoy izy ireo :

“Ny fihavanana sy ny fifankatiavana no kofehy saro-bahana mamatotra ny fianakaviana”⁷².

Ny reny ihany koa no antsoina hoe :

“Ilay niankin-drindrina irery, nisotra ny rano tsy tiana”.

Naneho ilay fitiavan-janaka tsy manam-pahataperana izany.

Teo amin'ny fiainan'i Miaro dia nanampy azy hatrany ny reniny ary nanoro ny tsara ho azy ihany koa. Fony i Miaro nitady vady ka nila fanampiana tamin'ny olona dia ny reniny no nanome soso-kevitra ho azy voalohany. Hita izany ao amin'ny V.A. tak 29 :

“I Raivo mpiray tanàna any ambanivohitra, hono, no mba tiany ho vinanto”.

Tsy raikitra anefa izany satria tsy nifanojo ny fitiavan'izy rao, tsy nanery an-janany ny renin'i Miaro tamin'izany. Rehefa nahazo vady sahaza azy indray i Miaro ka nisy olona teo amin'izy ireo taty aoriana dia mbola nanefa ny adidiny hatrany ny reniny amin'ny fananarana azy. Hoy izy tamin'izany, ao amin'ny V.A. tak 61 :

⁷² (EF)RAHARIMANGA,(MS) RAVELOARIMANANA, *Rakoto Ratsimamanga Albert, Ny Malagasin'ny Taon-jato Faha-XX, « Ny Androko Vololona 1907-1931 », imp Mamy, Ambondrona, A^{vo} 2000*

“N’ion’iona olana misy ao amin’ny tokantrano, ny mifandefitra ihany no mampirindra fiainana”.

Ny hahasoa an-janany hatrany no vain-doha an-draharahany amin’izany.

Maro tokoa ny asa sahanin’ny renim-pianakaviana eo anivon’ny ankohonany. Nataony am-pitiavana avokoa izany ary ho famenoana ny adidy aman’andraikitra izay efa sahanin’ny raim-pianakaviana. Tsy tafita any amin’ireo taranaka anefa ny ezaka ataon’ireo ray aman-dreny raha tsy vonon-kandray izy ireo.

3.3.1.3 Ny tokony ho fihetsiky ny zanaka eo anivon’ny ankohonana.

Ny fitambaran’ny ray aman-dreny sy ny zanaka no mamaritra ny atao hoe ankohonana. Ny fahaizan’izy ireo mifandray no mampirindra ny fiainan-tokantrano. Manana ny anjara andraikiny ny zanaka manoloana ny fanabeazana ataon’ny ray aman-dreny sy ireo rehetra heverina fa mpanabe. Tokony hankato ray aman-dreny amin’ny lafiny rehetra, araka ny asehon’i Miaro ao amin’ny V.A. tak 10:

“Niray lâlana ny faniriako sy ny hevitr’i dada. Nanomboka teo? Sakaizam-pianarana tokoa aho : tsy rembin-dalao, tsy nankamamy torimaso, tsy rendriky ny fanampiana an-dry Dada sy i Neny ...”.

Niezaka nankato hatrany i Miaro, nankato ireo ray aman-dreniny mba ho fanajana azy ireo sy ho fanehoana ny maha mpankato azy. Tsapan’i Miaro ihany koa ny ezaka nataon’ireo ray aman-dreniny mba hahatafita azy ka tsy nataony ambanin-javatra ny fianarany, V.A. tak 10 :

“Raha ny fahitako ny fari-piainany, tsy tokony ho nahalaza izany i Dada. Ny fianarana ataoko mantsy tsy hampitombo ny vokatra eny an-tsaha ; vao mainka aza hampihena ny renivola entiny manatsara ny fivelomany. Hontsa azy ireo aho. Hamaly babena”.

Rehefa nahatsapa ny ezaka nataon’ny ray aman-dreniny i Miaro dia niezaka hilofo amin’ny fianarana izay nataony. Tsy nitsahatra tamin’izany izy raha tsy teo anilany intsony ilay andry iankinany.

Niezaka ny nitraka sy nitady vahaolana i Miaro rehefa nindaosin'ny fahafatesana ny rainy. Nitady asa mba ho fanampiana ny fianakaviany tany aminy. Hita taratra teo aminy ilay hoe fifamatorana aina eo amin'ny mpiray tampo. Tsy nanary ny iray tampo aminy izy na dia azo lazaina fa izy ireny ihany no nandingana teny amin'ny ambaratonga ambony tamin'izy mpiray tampo.

Tsy ny iray kibo ihany no tokony hifanampy fa ny olon-drehetra izay mila izany ka azon'ny tsirairay hifanampiana. Hita ao amin'ny V.A. ohatra ny fanampian'i Miaro ny zanaky ny dadatoany, tak 23, niresaka amin'ny nenitoany i Miaro :

“Noborahiko taminy ny fanampiako ny zanany tamin'ny fianarana tsy azony”.

Toy izany koa ny fanampian'i Mamy, naman'i Miaro azy, fony ity farany tojo olana, V.A. tak 54-55 :

“(...) nanaiky ny fanasan'i Mamy, mpiara-miasa amiko aho. (...) Tokiko ny namako. Faniloko amin'izay ho hasambarako manomboka eto i Mamy”.

Anjaran'ny zanaka ny mankoto ireo ray aman-dreny. Mahatsapa ny ezaka ataon'ireto farany ka tokony tsy hanao an-tsirambina ny fianarana. Mila mifanampy ihany koa ny mpiray tampo mba hanehoana ilay fifankatiavana.

Tsy nijanona teo akory ny endri-panabeazana naroson'ny mpanoratra fa mbola misy ihany koa ny ho an'ny tanora.

3.3.2 Ny endri-panabeazana aroson'ny mpanoratra ho an'ny tanora.

Tsara marihina fa tanora ny mpanoratra, izany hoe manana traikefa ifampizarana amin'ireo tanora mpamaky ny tantara foronina ... ***fa velona indray***, na eo amin'ny lafiny fitondran-tena na ny fiainam-pitiavana na ihany koa eo amin'ny fikatsahana vahaolana.

3.3.2.1 Eo amin'ny lafiny fitondran-tena

Ambara ombieny ombieny fa “ny tanora no ho avin'ny firenena”. Mitaky fandraisana andraikitra goavana anefa izany fa tsy vitan'ny teny imolotra fotsiny. Amin'izany, ohatra, ny fiezahana hanatatra ny tanjona izay nokendrena. Nianatra i Miaro ary ny hahavitan'ny fianarany hatramin'ny farany ny tanjony. Tsy tanteraka anefa izany noho ny fahafatesan-drainy tampoka. Tsy nijanona teo anefa ny fianarany fa mbola notihy hatrany. Tsy nataon'i Miaro sakana ho azy ny lahatr'Andriamanitra fa vao mainka aza nandrisika azy hitady hevitra mba hanampiana ny fianakaviany. Nitady asa izy ka tojo izany ary tsy nataony ambanin-javatra ny fanampiana ny reniny sy ny iray tampo aminy avy eo, V.A. tak 26 :

“Hafahafa tamiko ny nandao ny fianarako. (...) Teo anefa vao tsapako ho voavaha ny olako. Eny fa na hatramin'izay ho fahasahiranan-dry Neny aza, hisinda mora foana. Nampandeferiko Ambohitsaina”.

Re matetika ihany koa fa “***Fahaizana tsy arahim-pahendrena zava-poana ihany***”. Anisan'ny fanabeazana arosan'ny mpanoratra ho an'ny tanora ihany koa ny fiezahana hanao ny tsara hatrany. Natafiny ny toetran'ny mpandray anjara fototra na i Miaro izany mba ho fitaratra ho an'ny tanora. Niezaka nanao ny tsara i Miaro mba ho fanajana ny tenany sy ny manodidina azy. Rehefa nianatra izy dia tsy nandany ron-doha tamin'ny zavatra hafa fa dia tena nianatra tokoa. Tsy mba variana tamin'ny fitiavana sy ny ditra fa tena nilofo tamin'ny fitrandrahana fahalalana. Izany no antony nametahan'ny mpiara-mianatra aminy hoe :

“Fa ialahy ve bandy mohaka e!” (...) ***Sarimbavy***”

Hita izany ao amin'ny V.A. tak 15-16. Rehefa tsy nanao ny fanaon'ny tanora sasany, na dia efa hita fa ratsy aza, dia heverina fa tsy lehilahy.

Mbola tanora ny mpanoratra, hainy ny mampita ny lesona amin'ny mpamaky amin'ny alalan'ny zava-misy iainan'ny tanora ankehitriny. Mitaky fandraisana andraikitra sy fanapahan-kevitra entitra ary mitondra any amin'ny tsara ny fiainan'ny tanora raha te haomby. Manampy izany ny fiezahana hanatratra ny tanjona izay nokendrena mba tsy ho very maina ny ezaka izay efa natao. Mbola

manan-kambara ihany koa anefa ny mpanoratra eo amin'ny fiainam-pitiavana izay tena mahakasika ny tanora tokoa.

3.3.2.2 Eo amin'ny fiainam-pitiavana

Manana anjara lehibe eo amin'ny fanabeazana ny olona iray ny fitiavana. Rehefa atao am-pitiavana ny fananarana sy ny fanabeazana dia azo antoka fa voarain'ny olona izay tiana hiantefan'ny hafatra. Mbola anisan'ny mamelona ny olona tsirairay ihany koa ny fitiavana ary tena zava-dehibe tokoa eo amin'ny fiainana. Manambara izany ny **Soratra Masina** manao hoe :

“Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra : ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana, fa ny fitiavana no lehibe indrindra amin'ireo”⁷³.

Manana lesona tiana hampitaina ihany koa ny mpanoratra eo amin'ny sehatry ny fitiavana raha ny tanora no resahina. Ilaina ny fifampizahan-toetra rehefa mifankatia. Rehefa nifankahalala i Felana sy i Miaro ka nikasa ny hiara-dia dia nifaneresera matetika aloha. Mba tsy hanenina rehefa tena tafara-dàlana ka tsy ho disa fanantenana any aoriana amin'ny toetran'ilay olon-tiana dia tokony fantarina avokoa ny momba azy rehetra. Ao amin'ny V.A. dia mifankatia tamin'i Felana i Miaro. Tsy naharitra ny fiarahan'izy ireo na ny fifankahalalany dia efa natao ny fanambadiana. Rehefa vita izany vao nanenina i Miaro noho ny tsy fahafantaran'ny tantaram-piainam-badiny tany aloha. Izany no antony niteraka fankahalana tao ampony ka nampisaraka azy ireo. Hita araka izany fa ilaina ny mahafantatra ny tantaram-piainan'ny olona hovadiana mba tsy hisian'ny nenina any aoriana.

Rehefa tafaraka ny olona anankiroa ka nanorina ny tonkatrano teo anatrehan'ny fianakaviana sy ny fanjakana ary nanamafy orina izany tany ampiangonana dia manan-kasina. Tsy voatery ho lamina foana akory ny hisy ao an-tonkatrano na ihany koa eo amin'ny fiainana fa misy olana sy sedra ihany koa. Tsy antony natao hampisaraka ny mpivady anefa izany.

⁷³ Baiboly, I Kor13,13

Nasehon'ny mpanoratra tao amin'ny asa sorany fa nitady hevitra izay hisarahana amin'ny vadiny i Miaro, vokatry ny tsy fahadiovan'i Felana niditra ny tokantranony izay tsy fantany raha tsy taty aoriana. Nanenina tokoa izy tamin'izany ; V.A. tak 36 :

“Diso aho nitazam-potsiny fahiny. Tsy nahalala nioty dia nitahiry. ‘Zao ‘ty ifatraran’ny efa nisy nandalo... . Menatra hiseho masoandro aho. Na ny hitonon-tena etsy sy eroa ho efa manan-tokantrano aza tsy sahiko”.

Taty aoriana tafasaraka izy roa, rehefa samy nanana ny fiainany manokana tany anefa dia tafakambana indray taty aoriana. Talohan'izany anefa dia nisy ny sedra izay tsy maintsy nolalovan'i Miaro sy i Felana. Toy ny fonja izay nampidirana an'i Miaro dia sedra ho azy roa, V.A. tak 113 :

“(...) ny fanodinkodinana zaza tsy ampy taona, miditra am-ponja avy hatrany”.

Tsy nanafoana ny fitiavan'i Felana an'i Miaro anefa izany satria aminy, manan-kasina ny fanambadiana ka tsy tokony horavana mihitsy rehefa nifanome toky teo anatrehan'ny lanitra sy ny tany. Antintranterin'ny mpanoratra ny fanabeazana ny tanora eo amin'ny fiainam-pitiavana fa masina ny tokantrano.

Mbola havoitran'i Eric Ravalisoa ihany koa fa ny fifankatiavana no anisan'ny mampaharitra ny fanambadiana. Tsy nanary an'i Miaro mihitsy i Felana vadiny na dia nandroaka azy tany aloha satria tiany sady efa nanolorany ny fiainany manontolo. Na dia teo azo ny fahadisoana nataon'i Miaro tsy nampiova ny fitiavan'i Felana azy izany satria fitiavana tsy manam-petra ary ***“tokana aman-tany hono, ny voady nataony”***, V.A. tak 143. niandry ny fivoahan'i Miaro vadiny ny fonja izy mba ho fanehoana amin'ity voalohany ny fitiavany azy tsy misy fetra. Nambaran'izy roa tao amin'ny V.A. tak 143 ihany fa :

“(...) solika mampandeha sy mampirindra ny fiainana ny Fitiavana”.

Matoa misy ny olana dia natao ho vahana fa tsy hampivalaketraka akory. Mbola misy ihany koa ny lesona ampitain'ny mpanotratra ho an'ny tanora eo amin'ny fikatsahana vahaolana.

3.3.2.3 Eo amin'ny fikatsahana vahaolana

Ny fiaian'ny olombelona amin'ny ankapobeny dia misedra olana. Tsy natao hahakivy ireny fa natao hovahana sy hitadiavana vahaolana. Raha ny fiainan'i Miaro no jerena dia maro tokoa ny olana nosedrainy. Nisy ny hetsika nataony mba hamahana izany. Azo lazaina ho torohevitra naroson'ny mpanoratra ihany koa anefa izany. Ny tokony hatao voalohany dia tsy mora kivy fa mandray andraikitra hatrany. Izany hoe, tsy variana amin'ny olana fa mieritreritra izay tokony hatao mba hamahana izany. Hita tao amin'ny boky fa maty ny rain'i Miaro. Lavo nanomboka teo ilay andry iankinany. Nikaroka asa izy mba hanalana ny fahasahiranana izay nianjady taminy ary koa mba hanampiana ny fianakaviany. Hita teto ihany koa, ohatra, ny fandrainingana andraikitra amin'ny fanampiana ny reniny sy ny iray tampo aminy, amin'ny maha solon-drainy azy.

Toetra takina faharoa ihany koa ny fieritreretana ny ho avy hatrany rehefa mandray fanapahan-kevitra mba tsy hanenina any aoriana. Araka ny hita ao amin'ny boky, takila 34 :

“Hasambarana tamin'iny andro iny. Fa rehefa nivadika indroa ny alina, dia nivadika ny fitempon'ny foko, (...) fa ny hasosorako, marivo tototra isan'andro”.

Hita araka izany fa diso fanantenana tamim-badiny i Miaro. Efa nandray fanapahan-kevitra ny hanambady azy anefa izy ary tontosa tokoa izany. Nanenina izy taty aoriana, tsy noeritreretiny akory ny fiainan-ko aviny. Lasa namono ny afom-pitiavana tao an-tokantranon'izy sy i Felana ilay fankahalana tao anatiny ary dia niafara tamin'ny fisarahana mihitsy. Ambaran'ny mpanoratra anefa fa tsara ny mieritreritra ny ho avy amin'izay rehetra atao.

Fanabeazana aroson'ny mpanoratra ihany koa ny fahaizana mandanjalanja ny fihetseham-po rehefa tojo olana. Mety hiteraka voka-dratsy amin'ny hafa mantsy izany satria ***“ny fo tezitra tsy anana-drariny”***, araka ny fiteny mahazatra. Ny fihetseham-po tsy voalanjalanja mantsy mampidi-doza. Ny fifampiresahana amin'ny fo tony sy feo tsy mivatratra no hahitana ny vahaolana raha toa ka misy ny savorovoro.

Rehefa hita tetsy aloha ny endri-panabeazana arosan'ny mpanoratra ho an'ny tanora dia hojerena manaraka indray kosa ny fanabeazana ny fanahy.

3.3.3 Ny fanabeazana ny fanahy atolotry ny mpanoratra

Hita tany amin'ny fizarana voalohany fa nobeazina tao anatin'ny finoana an'Andriamanitra ny mpanoratra hatramin'nyfaha keliny. Ny asa soratra izay navoakany araka izany, indrindra ny ... *fa velona indray* dia maneho ny finoany an'Andriamanitra sy ny maha-izy azy an'Andriamanitra. Havohitrany amin'izany ny endrika fitoriana sy ny vokatra azo avy amin'ny finoana an'Andriamanitra ary ny toetra tokony hananan'olombelona manoloana izany.

3.3.3.1 Ny endrika fitoriana

Efa hatry ny ela no nahalala ny fisian'Andriamanitra ny Malagasy. Mino izy ireo fa mahita ny miafina Izy ary koa mpahary izao rehetra izao. Manaporofy izany ny fampiasana ireto ohabolana ireto rehefa miteny :

“Aza ny lohasaha mangina no jerena fa Andriamanitra ao antampon'ny loha” ; “Andriamanitra tsy andrin'ny hafa andrinay mavomavo eto ihany”, ary ny hoe: *“Ny adala no tsy ambakaina, Andriamanitra no atahorana”.* sns, ...

Andriamanitra no mpamorona izao rehetra izao ary koa mpamelona ny zava-manana aina nohariany. Hita ohatra izany ao amin'ny V.A. tak 9 :

“[Izy] ilay Mpahary ny hazavana (...) ary mpanome ainavao isan'andro”.

Ankoatra izany dia mampianatra ny tenin'ny Soratra Marina ihany koa ny mpanoratra ao anatin'ny asa soratra izay nokirakiraina. Misy tenin'Andriamanitra naverin'ny mpanoratra indimby ambin'ny folo ao anatin'ny V.A. toy izao izany :

“... Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinampy iray aza ianareo, ka hiteny amin’io tendrombohitra io hoe ; mifindrà eryl, dia hifindra izy ; ary tsy hisy tsy ho hainareo atao”.

Mampianatra ny tombontsoa azo avy amin’ny fiankinana amin’ny finoana an’Andriamanitra ny mpanoratra ary manantintranitra ny tokony hiainana izany finoana izany eo amin’izay atao rehetra. Ohatra, ny fanantenan’i Miaro ny amin’ny hahazoany vady, ny fomba fitadiavany vahaolana raha sendra ny sarotra ary koa raha hiatrika asa izay tsy mbola nataony. Niharihary hatrany ny finoan’i Miaro nandritry ny fiainany manontolo ka izany no nahavonjy azy hatrany.

Hery lehibe ho an’ny tsirairay ny finoana izay ananany. Miantoka ny fiainan-ko aviny iray manontolo izany. Miantoka ny fahaveloman’ny fiainampanahin’ny olombelona ny tenin’Andriamanitra izay vakiny. Araka ny nambaran’ny V.A., tak 22, manao hoe :

“ Tsy mofo ihany no iveloman’ny olona fa ny teny izay aloakan’ny vavan’Andriamanitra”.

Ilaina izany mba hamelombelomana ny finoana izay efa ananana.

Manoro ny tsirairay ny tokony hataony ihany koa ny tenin’Andriamanitra ary indraindray aza dia toy ny arofanina mba tsy hianjera any amin’ny fahotana. Tsy azo hadinoina fa kristianina ny mpanoratra ary manana adidy sy andraikitra amin’ny fampianarana ny hafa, amin’ny maha kristianina azy. Manoro ny tokony atao ny tenin’Andriamanitra ary manome fampianarana ho an’ny mpino, tak 35 :

“... Ary voalaza hoe ; na zovy na zovy misaotra ny vadiny, dia aoka izy hanome an-dRavehivavy taratasy fisaoram-bady. Fa izaho kosa milaza hoe : izay misaotra ny vadiny, afa tsy noho ny fijangajangana ihany, dia mampijangajanga azy ; ary na zovy na zovy manambady izay voasaotra, dia mpijangajanga”⁷⁴.

Izany hoe, miezaka manoro ny lalan-tsara izay tokony arahina ny tenin’Andriamanitra.

⁷⁴ Baoboly, Mt5, 31-32

Nomena fahefana teo amin'ny fiainana io Andriamanitra io noho ny fitantanany ny fiainan'ny tsirairay. Misy akony eo amin'ny tsirairay anefa ny finoana izay ananany.

3.3.3.2 Ny vokatry ny finoana

Rehefa manana finoana ny olona iray dia manana fanantenana amin'izay rehetra atao. Ny finoana an'Andriamanitra no mampirindra ny fiainan'ny zanak'olombelona. Ambaran'ny *Rakibolana malagasy* fa ny finoana dia :

“Herim-panahy mahatonga hino ny fisian-javatra tsy hita maso noho ny filazan’Andriamanitra na ny irany”⁷⁵.

Azo lazaina araka io famaritana hita testy aloha io fa manome hery ny fanahy ao amin'ny olona iray ny finoany an'Andriamanitra. Izany hoe, mamelombelona ny aim-panahiny izay efa misy ao anaty. Araka ny nambaran'i Miaro matetika ao amin'ny boky manao hoe :

“... Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinampy iray aza ianareo, ka hiteny amin’io tendrombohitra io hoe : mifindra ery, dia hifindra izy ; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao”.

Nobeazina tao anatin'ny finoana ny mpanoratra, araka ny hita tao amin'ny fizarana voalohany. Niezaka mampita izay rehetra ananany ho an'ny mpamaky ny asa sorany i Eric Ravalisoa. Navohotrany amin'izany fa tsara ny mino an'Andriamanitra satria misy mpanolon-tsaina ny mpino amin'izay ataony rehetra. Hita izany, ohatra ao amin'ny boky, tak 35 :

“Naka saina aho. Nitamberina tao an-tsaiko avokoa ny teny naloaky ny vavan’Andriamanitra, izay fihinako tao amin’ny mangingina”.

Hita taratra etoana ny maha kristianina ny mpanoratra. Anisan'ny boky famakiny matetika ny Baiboly izay ahitana ny Tenin'Andriamanitra.

⁷⁵ (R) RAJEMISA-RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, Ambozontany Fianarantsoa, 1985, tak 323

Tsy mora kivy eo amin'ny fiainana ihany koa ny olona manana finoana an'Andriamanitra. Hita amin'ny fijerena ny fiainan'ny mpandray anjara fototra ao amin'ny boky izany. Nisy sedra maromaro nolalovany vao tonga tamin'ny tanjona niriany izy. Anisan'izany ny fahafatesan-drainy izay nisy fiantraikany taminy, ny fialany amin'ny fianarana vokatry ny fahasahiranana ary ny fahadisoampantenany noho ny nataom-badiny. Raha tsy nanana ny finoany izy dia mety namohy fo na ihany koa nivary lavo tany amin'ny zavatra ratsy. Tsy izany no nataony fa dia nametraka ny finoany an'Andriamanitra ho ambony sy mahalala izay rehetra mahaso azy.

Maro ny voka-tsoa azo avy amin'ny finoana an'Andriamanitra. Tokony haseho eo amin'ny toetra ihany koa anefa izany fa tsy vitan'ny an-tendromolotra fotsiny ihany.

3.3.3.3 Ny toetra tsara tokony hananan'ny olombelona

Misy fepetra mahatonga ny olona iray ho kristianina. Fihetsika telo no andrasana aminy eto : ny fanoloran-tena ho an'Andriamanitra, fahaizana mitondra tena ary ny fitsimbinana ny hafa mba hino an'Andriamanitra.

Misy fomba roa iantsoan'Andriamanitra ny mpino Azy : avy amin'ny alalan'ny fihainoana ny teniny sy ny fikapohana. Izany hoe izay mandre ny teniny sy ny antsony ary tonga dia manolo-tena avy hatrany, V.A. tak 9.

“Fantatro, ilay tsirin-kevitra kely nipoitra tao an'eritreritr'i Neny no notondrahan'ny fahasitranako, ka nampadrobona ny finoana tao an-trano. Dia niraondrona isan-kariva talohan'ny natoriana ny hira fiderana ilay Mpahary ny hazavana (...). Narahina famakiana tenin'ny Soratra Masina hatrany izany, (...) dia nanomboka teo no nahavoakititika ny saiko, hany ka ny teny nafafy no nampitsimoka ny finoako”.

Niori-paka tao anatin'i Miaro ny finoany ka nanolo-tena ho an'Andriamanitra izy nanomboka teo. Nampihariny sy nasehony teo amin'ny fitondran-tenany izany.

Izay rehetra nataon'i Miaro dia nametrahany ny finoany avokoa. Ohatra, izy naniry hianatra aty Iarivo sy ho afa-panadinana isaky ny miatrika izany. Nisy fotoana ihany koa izy notaomin'ireo naman-dratsy hanao hadalana. Rehefa tsapany fa tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra izany dia nitady hevitra izy mba hialana, tak 16 :

“Nihatraika tato am-parahatoko ny tenin'i Dadatoa, nikapoka ahy handositra an-dry zalahy namako. Namana tokoa ve ny mapirisika amin'ny tsy fanao mahazatra? (...) Ela nandinihana aho. Tsapako : mpiara-mianatra amiko ry zalahy, fa tsy izaho indray no ho mpiara-misotro aminy”. Mila manana toetran'olona mendrila ny atao hoe kristianina fa tsy vitan'ny am-bava fotsiny ihany.

Rehefa mino ihany koa dia manana adidy sy andraikitra amin'ny fitaomana ny hafa izay mbola tsy mahalala. Ho an'i Miaro manokana izao dia tsy ny toriteny mivantana no nentiny nitory ny finoany tamin'ny hafa fa ny fihetsika rehetra izay nataony. Niezaka hatrany izy ny ho masim-pitondran-tena. Araka ny hita ao amin'ny tak 36, amin'ny V.A. :

“Diso aho nitazam-potsiny fahiny. Tsy nahalala nioty sy nitahiry. (...) Izaho, ilay nirehareha tamin'ny fahendrena (...) voadokadoka ho masina (...) nalain-tahaka ho filamatra”. Niezaka i Miaro niala tamin'ireo naman-dratsy sy ny zavatra mitondra any amin'ny fahotana. Nisy fotoana naiditra am-ponja izy noho ny tsy mety nataony. Tsy nanary ny finoany anefa izy tamin'izany satria tsapany fa, tak 117 :

“Tsy nahay nanovo fahaiza-miaina tamin'ny lasako aho (...) Ny lehibe no notsinotsiniaviko : ny finoana, (...) Saingy tsy ho levona aho anefa. Ny fahazarana nino tato anatiko, anantenako ny zavatra ho avy”. Ny fahitan'ny hafa izany ataon'i Miaro izany no mety haharesy lahatra azy hino ihany koa. Nasehon'ny mpanoratra ny fahasoavana azon'izay miankina amin'ilay Mpahary na dia ao anatin'ny mafy sy mangidy indrindra aza. Nomarihany fa ny kapoka mihatra amin'ny olombelona dia fitiavany azy ihany koa fa tsy voatery ho famaizana hatrany satria nataony izany mba hampiverina ilay olona amin'ny lalan-tsara izay nosoritany ho azy.

FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO :

Noezahana navohitra ny fanabeazana hita taratra tao amin'ny boky ...
fa velona indray tao anatin'ny fizarana fahatelo.

Nampahafantarina voalohany ny momba ny atao hoe fanabeazana, izany hoe nomena ny famaritana azy ara-piforonan-teny sy ny rakibolana ary ny fiheveran'ny mpandinika hafa azy.

Ny fanabeazana azo notsoahana avy amin'ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara no nojerena faharoa. Ireo singa mandrafitra ny tantara foronina tao amin'ny fizarana faharoa no nanantsoahana lesona izay tian'ny mpanoratra hampitaina. Samy ahitana fanabeazana avokoa na ny fomba nandrafetan'ny mpanoratra ny tantara na ny fotana nanorenany azy ary na ny toerana nametrahany azy.

Natao hampitan-kafatra ny asa soratra na dia heverin'ny mpamaky ho fialam-boly fotsiny aza indraindray. Manana adidy sy andraikitra ny tsirairay amin'ny fanabeazana ny taranaka mba ho lasa olom-banona sy vonona hiatrika ny fiainana. Arosan'ny mpanoratra amin'ny mpamaky àry ny fanomanana ny ankizy ho vonona hiatrika ny adidy aman'andraikitra rahatrizay lasa ray aman-dreny, ny fomba tokony hiatrehan'ny tanora ny fiainana ary koa ny fanabeazana ny fanahy.

TENY FAMARANANA

I Eric Ravalisoa sy ny tantara foronina nosoratany mitondra ny lohateny hoe : ... *fa velona indray* no nohadihadiana tamin'ity asa fikarohana nataonay ity ka notsoahana avy tao ny “*fanabeazana aroson'ny mpanoratra*”.

Nofidianay manokana io lohahevitra io noho ny fahatsapanay fa tokony hampahafantarina ny maro, satria mbola vao olon-tokana monja no nanao asa fikarohana tamin'ny tantara foronina nosoratany. Teo ihany koa ny fahafantarana fa ny mpanoratra dia mbola ao anatin'ny fahatanorana tanteraka ary afaka mampita hevitra amin'ireo tanora hafa. Ireny mpanoratra ireny manko dia miezaka hatrany mamoa ny heviny, ny hetahetam-pony, ny zava-misy iainany ary ny tiany hotratrarina ao anatin'ny asa sorany amin'ny alalan'ny mpandray anjara isan-karazany, ny fotoana ary ny toerana hanehoany ny tantara.

Nambara ihany koa fa tsy natao ho fialam-boly fotsiny ny boky tantara foronina fa natao hanabeazana ihany koa. Maro ny hevitra azo sintonina ao aminy ary tsy vitsy ihany koa ny lesona rakeniny izay manampy ny tsirairay, indrindra ny tanora amin'ny fiatrehana ny fiainana.

Ao anatin'ny fandaharam-pianarana kilasy voalohany ny fanadihadiana tantara foronina. Mety hanampy ny mpampianatra ihany koa izao asa izao amin'ny fitrandrahana tantara foronina ankoatra ny efa mahazatra isan-taona.

Teo am-panatontosana ny asa dia nisy ny olana nosedraina. Ny lehibe tamin'ireny dia ny tsy fahatomombanana ara-pahasalamana. Ny fitsaboan-tena no vahaolana nentina namaha izany.

Rehefa manao asa fikarohana dia tsy maintsy manaraka haitsikera, mba tsy hampivoana ny asa. Ny haitsikera nanompanana ny asa fikarohana nataonay dia ny lalan-tsain'i **Sainte BEUVE** sy i **GOLDENSTEIN** ary i **Claude BREMOND**, tena nanampy tokoa ireo tamin'ny fanadihadiana ny tantara foronina. Tsy azo hadinoina mantsy fa tsy vita ny asa raha haitsikera tokana ihany no intondrana azy. Manamarina izany ny tenin-d**RANARISON** manao hoe :

*“Tsy misy mantsy haitsikera tokana ahazoana mandinika asa soratra. Petra-kevitra samihafa no iaingan’ny mpahay tsikera arakaraka izay lafiny kendrena havoitra”.*⁷⁶

- **Famintinana ny voka-pikarohana**

Araka ny efa natolotra tany amin’ny teny fampidirana, dia fizarana telo lehibe no novahavahana tamin’ity asa ity.

Tao amin’ny fizarana voalohany no namantarana ny tantaram-piainan’ny mpanoratra amin’ny ankapobeny. Ary mbola nozaraina ho toko telo izany fizarana voalohany izany. Nojerena tao amin’ny toko voalohany ny hoe Eric Ravalisoa olon-tsotra. Novahavahana tao ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany, ny fianarana nataony sy ny asany ary ny fialam-boly fanaony. Ny toko faharoa indray dia miresaka ny mahampanoratra azy. Izany hoe, ny firotsahany teo amin’ny sehatry ny haisoratra, ny fikambanana mpanoratra misy azy ary ireo mpanoratra fanta-daza sy boky ankafiziny. Hita tao amin’ny toko fahatelo farany kosa ny momba ny **“tantara foronina”**. Nofaritana ny atao hoe **“tantara foronina”** araka ny hevitr’ireo mpandinika ary nomena ny mampiavaka azy amin’ireo asa soratra mirakitra fitantarana hafa.

Ny fizarana faharoa lehibe tamin’ity asa fikarohana ity dia ny fanadihadiana ny tantara foronina : ... *fa velona indray* izay nosafidinay manokana. Notsinjaraina ho zana-pizarana roa ity fizarana faharoa ity. Ny voalohany no nanaovana ny mombamomba ny boky izay nohadihadina. Nambara tamin’izany ny momba ny endrika ivelany sy ny vontootiny. Tao amin’ny faharoa indray no nijerena ireo singa samihafa mandrafitra ny asa soratra. Hita tsirairay tamin’izany ny mpanoratra anjara izay mamelona ny tantara sy ny fiovaovana ary ny fizotran’ny fiainan’ny mpanoratra anjara fototra ao amin’ny tantara. Nambara ihany koa ny mikasika ny toerana na habaka voalaza ao amin’ny tantara. Misy ny hifandraisan’izany amin’ny toerana misy ny mpanoratra ary ny toe-javatra tantaraina.

⁷⁶ *Aingam-pivoarana, Loharano manokana, Avo, 1979, tak 71*

Tsy azo hadinoina ihany koa ny fijerena ny fotoana tamin'ity fizarana ity. Mahasahana ny fotoana ivelan'ny tantara sy ny fotoana anatin'ny tantara izany.

Tao amin'ny fizarana fahatelo farany kosa no niresahanay ny fanabeazana hita taratra tao amin'ny boky izay nokirakiraina. Io tara-kevitra io no hitanay ho mibahan-toerana na teo amin'ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara izany na teo amin'ny vontoatin'ny tantara ihany koa. Tsy niresaka ireo tara-kevitra tsy dia misongadina loatra ao amin'ny boky izahay. Nosokajina ho toko telo ihany koa ny zana-pizarana nojerena tao anatin'ity fizarana farany ity. Ny voalohany dia ny fampahafantarana momba ny atao hoe fanabeazana, ara-piforonan-teny sy araka ny rakibolana ary ny fiheveran'ny mpandinika hafa. Ny faharoa kosa ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara. Nambara tao avokoa ny fanabeazana azo notsoahana avy amin'ny firafitry ny tantara, avy amin'ny fotoana ary avy amin'ny toerana ao amin'ny tantara. Ny zana-pizarana fahatelo farany dia nanehoana ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny vontoatin'ny tantara. Ahitana zana-toko telo ihany koa io zana-pizarana farany io : voalohany ny fanabeazana ny ankizy, ho fanomanana azy ireo eo amin'ny adidy sy andraikitra rahatrizay lasa ray aman-dreny, faharoa, ny endri-panabeazana arosan'ny mpanoratra ho an'ny tanora ary fahatelo farany, ny fanabeazana ny fanahy atolotry ny mpanoratra.

Tsara marihina anefa ny mahafeno ny fanabeazana dia ny fifamenoan'ny fanabeazana ara-tsaina sy ara-batana ary ara-panahy. Tsy natao lohateny miavaka tao anatin'ny asa fikarohana izay notontosainay ireo saingy nolazaina araka ny fifandraisany ao amin'ny fizarana fahatelo izay nambara tetsy aoha.

- **Ny fetran'ny asa**

Nasiana fetrany ihany ny asa satria tsy ho àry voatanisa ato avokoa ny mikasika ny fanabeazana rehetra. Ny hita taratra tao amin'ny boky ihany no noezahana notrandrahana.

Azo lazaina araka izany fa mbola maro ny asa azon'ny zandry any aoriana hatao miainga amin'ity asa soratr'i Eric Ravalisoa ity.

BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA

I – RAKIBOLANA

Encarta 2005

Encarta 2009

Encyclopédie Universalis Edition 2010

LAROUSSE *Dictionnaire encyclopédie de l'enseignement*
Pluridictionnaire. Librairie Larousse. 114 Paris.
1977. 1472p

LAROUSSE *Dictionnaire encyclopédie illustré 47 000*
articles.
Bordas. Paris. 1993

Lungua – Tech International. **Le Logiciel de consultation** : dictionnaire de citations.
Larousse Référence électronique. Grande livre électronique éditée par Larousse à
partir des dictionnaires Larousse. Larousse SA France 1992-1993 (Stendhal. Le
Rouge et le Noir)

ROBERT *Dictionnaire alphabétique et analogique*
1959-1964.

RAOLISON (R.R) *Rakibolana Malagasy.* Librairie Ambozotany.
Fianarantsoa. 1985. 1061 tak

II – BOKY AMIN’NY TENY VAHINY

- ARNAUDIES (A) *Le nouveau roman*. Hâtier. Paris. 1974. 127p
- BOURNEUF (R) et QUELLET (R) *L’univers du roman*. 4^{ème} édition. Vendôme.
Janvier 1985
- DOTTRENS (R) et all *Eduquer et instruire*. Edition
Nathan/UNESCO. Paris. 1972. 368p
- DURKEIM (E) *Education et sociologie*. 4^{ème} édition.
- ESCARPIT (R) *Sociologie de la littérature*. Collection Que
sais-je ? N° 777. P.U.F. Paris. 1964
- GOLDENSTEIN (J.P) *Pour lire le roman*. Edition de Boeck – J.
Duculot Paris. Gembloux 1983- 128 p
- GOANACH (D) et GOLDER (C) *Manuel de psychologie pour l’enseignement*
Edition Hachette. Italie. 362p
- MAURIAC (F) *Le romancier et ses personnages*. Edition R.A.
Corria Buchet / Chastel. Collection Livre de
poche. Paris 1972. 222p
- REUTER (Y) *Introduction à l’analyse du roman*.
Bordas. Paris. 1991
- RINCE (D) et
LECHERBONNIER (B) *Littérature Textes et documents*.
Edition nathan. Paris. 1986

TODOROV (T) *Poétique*. Collection Points. Edition du Seuil.
Paris. 1968

WELLER (R) et WARREN (A) *La théorie littéraire*. Edition du Seuil Collection
Poétique. Paris. 1971. 265p

III – BOKY AMIN’NY TENY MALAGASY

FETY (M) *Nahoana no avondrona ho fokonolona isika?*
Edition Salohy. Trano Printy Loterana
Malagasy. 1975

RAFANO HARANA *Ilay veromanitra*

RAJAONA (S) *Erika*. Imprimerie d’Ouvrages Educatifs.
Librairie Mixte. 1976

RAMAROLAHY *Rakitry ny elan’ny Ntaolo Malagasy : Tafa,
Resaka, Dinika, Kabary, Hain-teny,
Ohabolana.*
Imprimerie catholique Antananarenina.
Tananarive. 1971. 359 tak

RANDRIAMAMONJY *Rary kanto*. 1995

RANÖE [pseud] *Haren-tsaina*. Edition Tsipika. Antananarivo
2001. 101 tak
Norbert Eugène

RANDRIAMIADANARIVO *Ny sikajin’IDadabe*. Natonta faninefany. Trano
Printy F.J.K.M. Imarivolanitra. Antananarivo

- RANJATOHERY (H) *Tsanganafy*. Loharano II. Antananarivo.
May 1998
- RAVALISOA (E) [pseud]
ANDRIAMIHAJARIMANANA
Ratsizafy *... fa velona indray*. Edisiona Eric Ravalisoa.
Antananarivo 2009. 143 tak
- RAVELOJAONA *Tanindrazana sy firenena ary isika malagasy*.
Imprimerie Spéciale. Anjohy. 1972
- RAVOAJANAHARY (Ch) *Tantaran'ny haisoratra*. STELARIM.
Antananarivo. 19973.

IV – ASA FIKAROHANA, GAZETY, BAIBOLY

- ANDRIANIAINA (P) *Ny fiheveran'ny Lisy Hary ny fitiavana
tarafina ao amin'ny sombin-tantara
nosoratany tao amin'ny gazety maresaka*.
Mémoire de CAPEN. E.N.S. Antananarivo.
1993
- RAHARIMANGA (EF),
RAVELOARIMANANA (MS) *Rakoto Ratsimamanga Albert, Ny
Malagasin'ny taon-jato faha-XX, "Ny Androko
Vololona 1907-1931"*, Imprimerie Mamy,
Ambondrona, Antananarivo. 2000
- NOMENJANAHARY (Mb. M) *Randriamiadanarivo sy ny tantara foronina
nosoratany mitondra ny lohateny hoe : Ny*

sikajin'Idadabe. Mémoire de CAPEN. E.N.S.
Antananarivo. 2003

RAZOELIARISOANIRINA (T.P) *Endri-panabeazana ny tanora ankehitriny
hita ao amin'ny tantara foronina
NAVALONA nosoratan'i ZOE
BARIJAONA*. Mémoire de CAPEN. E.N.S.
Antananarivo. 2011.

NOROLALAO (L) *Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA
Mpitondra tenin'ny tanora tarafina ao
amin'ny boky vakivakim-piainana sy onjam-
pilafila*. Mémoire de CAPEN. E.N.S.
Antananarivo. 2011.

MEMOIRE DE L'ACADEMIE *Ohabolan'ny Ntaolo. Exemples et
MALAGASY proverbes des anciens*. Edition Critique.
Traduction et classification de Bakoly
Domenichini – Ramiaramanana. Tananarive.
1972. 651p

Aingam-pivoarana

Laharana 6

Mpanolotsaina

Laharana 162. 1942

Tsanganafy

Laharana II. 1992

Tselatra

Laharana 9

Ny Baiboly

Fikambanana mampiely Baiboly Malagasy,
Antananarivo, 1965

RESUME

Eric Ravalisoa a écrit deux roman jusqu'à maintenant, le roman intitulé ... *fa velona indray* a tous les critères qu'on trouve dans une écriture romanesque, comme les personnages, le temps et l'espace. L'écrivain a toujours essayé de montrer le thème éducation dans l'un de ses critères mentionnés ci-dessus, éducation physique, éducation moral et l'éducation spirituelle. Tous les lecteurs ont eu leur part dans ce thème, même pour les enfants afin de leur préparer pour leur vie du lendemain.

SUMMARY

Eric Ravalisoa written two so far. The novel title “... *fa velona indray*”. Comprises all the elements which structure novels : the actors, the time, and the space. Each of these elements is used by the novelist to present education in every single part of the term such as physical education, moral education and spiritual education.

Education for children and youth concerning every day life could also be drawn from the novel.

Anarana : RAOELIMANANA
Fanampiny : Harizo
Adiresy : Lot B 385 Ter Anatihazo Isotry 101 – ANTANANARIVO
Lohatenin’ny asa : *Eric Ravalisoa sy ny fanabeazana arosomy ao amin’ny
...fa velona indray*
Isan’ny takila : 119
Isan’ny fafana : 5
Isan’ny kisary : 9
Isan’ny sary : 4

FAMINTINANA

Boky tantara foronina roa no naroson’i Eric Ravalisoa hatreto. Ny tantara foronina ... *fa velona indray* dia ahitana ireo singa rehetra mandrafitra ny tantara : mpandray anjara, fotoana, habaka. Ireo singa tsirairay avy ireo dia nanehoan’ny mpanoratra ny fanabeazana eo amin’ny lafiny maro, toy ny ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy. Nahazoana nanatsoaka fanabeazana ho an’ny ankizy ary koa ho an’ny tanora eo amin’ny lafim-piainana andavanandro.

Teny fototra : Literatiora, tantara foronina, mpanoratra, fanabeazana

Filoha mpitarika : Andriamatoa RATREMA *William*
Maître de conférences

